NY FIANGONAN'I JESOA KRISTY HO AN'NY OLOMASIN'NY ANDRO FARANY • APRILY 2016

# Liahona



## Ahoana no handikana ny soratra masina? p. 20

**Mamantatra ilay Apôstôlintsika vaovao, Loholona Ronald A. Rasband, p. 12**

**Mpivady zokiolona: Antsoina mba hanompo, p. 26**

**Rehefa manana olana amin'ny pôrnôgrafia ny lehilahy dia mila fanasitranana ihany koa ny vadiny, p. 34**

**Mianatra mitendry hira ao amin'ny fihirana ao anatin'ny 10 minitra, p. 54**



*"Fa indro, izao no lazain'ny Tompo, Izaho hampitovy anao, Ry mpianakavin' i Isiraely ô, amin'ny hazo oliva voakolokolo, izay nalain'ny olona iray ary nokolokoloiny tao an-tanimboliny; . . .*

*". . . Ary hotahiana anie ianareo; fa satria efa nazoto niasa niaraka tamiko tao amin'ny tanimboliko ianareo ary efa nitandrina ny didiko sy efa namoa ho ahy indray ny voa tsara, hany ka tsy simba intsony ny tanimboliko, ary efa nariana ny ratsy, dia indro fa hiaraka hanana fifaliana amiko noho ny voa avy amin'ny tanimboliko ianareo."*

**Jakôba 5:3, 75**

Ny oliva, izay ambolena be dia be manerana ireo firenena Mediteraneana, dia manana tantara lava be ao amin'ny soratra masina, nanomboka tamin'ilay voromailala nitondra ravina oliva tany amin'i Noa, nankany amin'ilay fampianaran'ny Mpamonjy teo an-tendrombohitra Oliva, ka hatrany amin'ilay fanoharana nataon'i Jakôba momba ny hazo oliva.

# Liahona, Aprily 2016



4


## HAFATRA

**4** **Hafatra avy amin'ny Fiadidiana Voalohany: Ny faminaniana sy ny fanambarana ho an'ny tena manokana**
Nosoratan'ny Filoha Henry B. Eyring

**7** **Hafatra ho an'ny famangiana isan-tokantrano: Zanakavavin'ny Raintsika Mandrakizay**

## LAHATSORATRA MANOKANA

**12** **Loholona Ronald A. Rasband: Mpitarika manan-talenta sy raim-pianakaviana feno fanolorantena**
Nosoratan'ny Loholona M. Russell Ballard
*Nitombo ny fahaiza-manao eo amin'ny lafin'ny fitarihana nananan'ny Loholona Rasband izay vady sy ray be fitiavana tamin'ny alalan'ireo taona maro nianarana fitarihana avy amin'ireo fandraharahana miavaka sy avy amin'ireo mpitarika ao amin'ny fisoronana.*

**18** ***Izy* ve no eveka?**
Nosoratan'i Patrick J. Cronin III
*Takatro ny antony tsy ninoany hoe lasa eveka aho amin'izao fotoana izao. Tena olona hafa mihitsy aho telopolo taona lasa izay.*

**20** **Fandikana ny soratra masina: Amin'ny fitenin'ny fontsika**
Nosoratan'i R. Val Johnson
*Toy ny tonga ao an-trano izany ara-panahy ny famakiana ny soratra masina amin'ny fitenin'ny tena.*

**26** **Fotoana ho an'ny misiônera zokiolona**
*Nosoratan'ny Filoha Russell M. Nelson*
*Aoka ianareo hivavaka mikasika izany fahafahana hiaraka hamorona fotoana mahafinaritra an'ny misiônera zokiolona izany.*

**28** **Misiônera zokiolona: Ilaina, tahina ary tiana**
Nosoratan'i Richard M. Romney
*Tsapan'ireo mpivady fa mora kokoa sy tsy mandany vola loatra ary mahafinaritra kokoa noho izay nieritreretan'izy ireo azy ny mandeha manompo.*

**34** **Rehefa nisy fiantraikany teo amin'ny tokantrano ny Pôrnôgrafia—Samy mila sitranina ny mpivady**
Tsy nambara ny anarana
*Nozarain'ny eveka iray ny fomba fitondrany fanampiana izay tsy ho an'ilay lehilahy manambady manana olana mikasika ny pôrnôgrafia fotsiny fa ho an'ilay vehivavy vadiny izay tena mila fanasitranan'ny Mpamonjy torak'izany koa.*

**38** **Mpitily eo amin'ny tilikambo**
*Ampitomboy ny fahatakaranao mikasika ireo mpaminany amin'ny alalan'ny fianarana ny maha-toy ny mpitily eo amin'ny tilikambo azy ireo.*

## DEPARTEMANTA

**8** **Fandinihana: Mitombina ve ireo torolalana?**
Nosoratan'i Ruth Silver

**9** **Manompo ao amin'ny Fiangonana: Misaotra anao noho ny asa fanompoana nataonao**
Tsy nambara ny anarana


**10** **Fianarana Filazantsara: Ny Fisoronana: Vatofantsika azo antoka**
Nosoratan'ny Loholona L. Tom Perry

**40** **Ny Feon'ireo Olomasin'ny Andro Farany**

**80** **Mandra-pihaonantsika Indray: Mikatsaka ireo fanomezampahasoavan'ny Fanahy**
Nosoratan'ny Filoha George Q. Cannon


**EO AMIN' NY FONONY**
Eo amin'ny fonony aloha sy eo amin'ny fonony ambadika ao anatiny: Sary nalain'i Les Nilsson.
Eo amin'ny fonony aloha ao anatiny: Sary © RayTango/Thinkstock.

## HO AN'NY TANORA




**44 Mahafantatra ireo fitaka ataon'i Satana**
Nosoratan'i Dennis C. Gaunt
*Ho afaka ny hahafantatra ireo fitaka ataon'i Satana isika amin'ny alalan'ny fitadiavana ireo fahasamihafana misy eo amin'ny laingan'i Satana sy ireo fampianaran'i Kristy fa tsy ireo zavatra mampitovy an'izany.*

**48 Mombamomba ny fiainan'ny tanora mpitovo sy mpivady vao herotrerony: Mandrefy ireo fitahiana any Madagasikara**
Nosoratan'i Mindy Anne Selu
*Na dia miaina any amin'ny firenena iray manana olana maro aza i Solofo Ravelojaona dia mahatsapa fa feno fitahiana ny fiainany.*



***Jereo raha hitanao ilay Liahona nafenina ato amin'ity laharana ity. Fanampiana: Mba hanarahana ilay fanoroan-dalana dia araho ny mpaminany.***

## HO AN'NY ZATOVO

**50 Fiorenana tsara ara-panahy: Manorina sambo tsy mety milentika**
Nosoratan'ny Loholona
Dale G. Renlund

**54 Mianatra mitendry hira ao amin'ny fihirana ao anatin'ny 10 minitra!**
Nosoratan'i Daniel Carter

**57 Tapa-kevitra ny tsy hanao intsony**
Nosoratan'i Gretchen Blackburn
*Hanao izay azoko atao aho mba tsy hitendreko pianô intsony, noho izany rehefa nilaza ny ray amandreniko fa afaka mijanona aho rehefa mahay mitendry hira miisa 50 ao amin'ny fihirana, tonga dia nanomboka aho.*


**58 Fahatairana, alahelo ary drafitr'Andriamanitra**
Nosoratan'i Paola Çajupi
*Rehefa nanao jery todika an'ilay toe-javatra tena nahakivy teo amin'ny fiainako aho, dia fantatro amin'izao fotoana izao fa niaraka tamiko ny Ray any An-danitra nandritra ny fotoana iray manontolo.*

**60 Na dia saro-kenatra aza ianao**
Nosaratan'ny Loholona
José A. Teixeira
*Matokia ny Tompo dia hitahy anao Izy amin'ireo ezaka ataonao mba hizara ny filazantsara.*

**62 Sehatra ho antsika**

**63 Sary: Ohatra ny tsara e?**

**64 Fanontaniana & Valiny**
*"Voarabiraby aho any an-tsekoly noho izaho Olomasin'ny Andro Farany. Fantatro fa mila miaro ny zavatra inoako aho, kanefa mafy be izany! Ahoana no hahatongavako ho mahery fo kokoa?*




## HO AN'NY ANKIZY




**66 Valinteny avy amin'ny Apôstôly iray: Inona no ataon'ireo apôstôly?**
Nosoratan'ny Loholona
David A. Bednar

**67 Fiadanana ao am-poko**
Nosoratan'i Carol F. McConkie
*Nahatsapa fiadanana aho rehefa nahita ny mpaminany sy nandre azy niteny.*

**68 Ny fijoroana ho vavolombelona nataon'i Ethan**
Nosoratan'i Larry Hiller
*Toy ny hoe nanana fijoroana ho vavolombelona avokoa ny rehetra afa-tsy i Ethan ihany.*

**70 Vola Pesos ho an'ny Ray any An-danitra**
Nosoratan'i Angela Peña Dahle
*Rehefa tsy nisy vola intsony dia nanontany tena i Ana hoe, "Inona no hohanintsika rahampitso?"*

**72 Manaraka ny mpaminany sy ny apôstôly**
Nosoratan'i Jenna Koford
*Ahoana no ahafahanao manaraka ny mpaminany amin'ity volana ity?*

**74 Ireo mahery fo ao amin'ny Bokin'i Môrmôna: Nibebaka i Almà**

**75 Afaka mamaky ny Bokin'i Môrmôna aho**

**76 Tantara ao amin'ny Bokin'i Môrmôna: Nanao batisa olona maro i Almà**

**79 Pejy Lokoina: Andro iray Miavaka ny Sabata**

**APRILY 2016 BOKY. 16 LAH. 1**
**LIAHONA 13284 654**
Gazetiboky iraisam-pirenena an' Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany

**Ny Fiadidiana Voalohany:** Thomas S. Monson, Henry B. Eyring, Dieter F. Uchtdorf

**Ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo:** Russell M. Nelson, Dallin H. Oaks, M. Russell Ballard, Robert D. Hales, Jeffrey R. Holland, David A. Bednar, Quentin L. Cook, D. Todd Christofferson, Neil L. Andersen, Ronald A. Rasband, Gary E. Stevenson, Dale G. Renlund

**Mpanomana ny fanontana:** Joseph W. Sitati
**Mpanampy amin'ny fanontana:** James B. Martino, Carol F. McConkie
**Mpanorohevitra:** Brian K. Ashton, Randall K. Bennett, Craig A. Cardon, Cheryl A. Esplin, Christoffel Golden, Douglas D. Holmes, Larry R. Lawrence, Carole M. Stephens

**Tale mpitantana:** David T. Warner
**Talen'ny Fanohanana ny Fianakaviana sy ny Mpikambana:** Vincent A. Vaughn
**Talen'ny Gazetibokin'ny Fiangonana:** Allan R. Loyborg
**Mpitantana ny Fandraharahana:** Garff Cannon

**Mpitantana ny Fanontana:** R. Val Johnson
**Mpitantana Mpanampy amin'ny Fanontana:** Ryan Carr
**Mpanampy amin'ny famoahana:** Megan VerHoef
**Mpiara-miasa ao amin'ny Fanoratana sy Fanontana:** Brittany Beattie, David Dickson, David A. Edwards, Matthew D. Flitton, Lori Fuller, Garrett H. Garff, LaRene Porter Gaunt, Jill Hacking, Charlotte Larcabal, Michael R. Morris, Sally Johnson Odekirk, Joshua J. Perkey, Jan Pinborough, Richard M. Romney, Mindy Ann Selu, Paul VanDenBerghe, Marissa Widdison

**Tale Mpitantana ny Hai-tao:** J. Scott Knudsen
**Talen'ny Hai-tao:** Tadd R. Peterson
**Mpiara-miasa ao amin'ny Hai-tao:** Jeanette Andrews, Fay P. Andrus, Mandie M. Bentley, C. Kimball Bott, Thomas Child, Nate Gines, Colleen Hinckley, Eric P. Johnsen, Susan Lofgren, Scott M. Mooy, Mark W. Robison, Brad Teare, K. Nicole Walkenhorst

**Mpampirindra ny mikasika ny Fananana ny Zo:** Collette Nebeker Aune
**Talen'ny Famoahana:** Jane Ann Peters
**Mpiara-miasa ao amin'ny Famokarana:** Connie Bowthorpe Bridge, Julie Burdett, Katie Duncan, Bryan W. Gygi, Denise Kirby, Ginny J. Nilson, Gayle Tate Rafferty
**Mpanara-maso Alohan'ny Fanontana:** Jeff L. Martin

**Talen'ny Fanaovana Printy:** Craig K. Sedgwick
**Talen'ny Fanapariahana:** Stephen R. Christiansen

**Adiresin'ny biraon'ny fandikan-teny eto Madagascar:**
Bâtiment Robert 5, en face du complexe Ampefiloha
Fokontany Manarintsoa Est
Antananarivo 101, Madagascar

Ho an'ny famandrihana sy ny sarany ivelan'i Etazonia sy Kanadà dia manatona ny mpiandraikitra ny foibe fanapariahana any amin'ny Fiangonana eo amin'ny toerana misy anao na ny mpitarika ao amin'ny paroasy na sampana misy anao.

**Ny taratasy sy ny fanontaniana** dia alefaso amin'ny alalan'ny internet ao amin'ny liahona.lds.org; amin'ny alalan'ity e-mail ity liahona@ldschurch.org; na amin'ny alalan'ity adiresy ity *Liahona,* Rm. 2420, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150-0024, USA.

Ny *Liahona* (teny avy ao amin'ny Bokin'i Môrmôna izay midika hoe "kompà" na "mpitari-dalana") dia avoaka amin'ny teny Albaniana, Alema, Anglisy, Armeniana, Bislama, Boligariana, Danoa, Espaniola, Estoniana, Fijiana, Finisy, Frantsay, Grika, Hôlandey, Hongoroa, Indoneziana, Isilandey, Italiana, Japôney, Kambojiana, Kiribatia, Koreana, Kroasiana, Lativiana, Litoaniana, Malagasy, Marisalizy, Mongoliana, Norveziana, Okireniana, Ordo, Pôlôney, Portogey, Romaniana, Rosiana, Samoana, Seboanô, Siloveniana, Sinoa, Sinoa (notsorina), Soaily, Soedoa, Tagalogy, Tahisiana, Tailandey, Tongana, Tseky ary Vietinamiana (Ny fivoahan'ny boky dia miovaova araka ny tenim-pirenena nanoratana azy.)

© 2016 an'ny Intellectual Reserve, Inc. Zo rehetra voatokana. Natonta tany Etazonia.

Ny Lahatsoratra sy ny sary ao amin'ny *Liahona* dia azo adika raha sendra ilaina any am-piangonana na ao an-tokantrano ka tsy atao itadiavam-bola. Ny sary dia tsy azo adika raha misy famerana mikasika izany eo amin'ny toerana fanaovana fanamarihana eo amin'ilay sary. Ny fanontaniana momba ny fahazoan-dalana tamin'ny fandikana dia alefaso amin'izao adiresy izao: Intellectual Property Office, 50 E. North Temple St., Salt Lake City, UT 84150, USA; e-mail: cor-intellectualproperty@ldschurch.org.

**For Readers in the United States and Canada:**
April 2016 Vol. 16 No. 1. LIAHONA (USPS 311-480) Malagasy (ISSN 1525-7592) is published four times a year (April, May, October, and November) by The Church of Jesus Christ of Latter-day Saints, 50 East North Temple, Salt Lake City, UT 84150. USA subscription price is $2.00 per year; Canada, $2.40 plus applicable taxes. Periodicals Postage Paid at Salt Lake City, Utah. Sixty days' notice required for change of address. Include address label from a recent issue; old and new address *must* be included. Send USA and Canadian subscriptions to Salt Lake Distribution Center at address below. Subscription help line: 1-800-537-5971. Credit card orders (Visa, MasterCard, American Express) may be taken by phone. (Canada Poste Information: Publication Agreement #40017431)

POSTMASTER: Send all UAA to CFS (see DMM 507.1.5.2). NONPOSTAL AND MILITARY FACILITIES: Send address changes to Distribution Services, Church Magazines, P.O. Box 26368, Salt Lake City, UT 84126-0368, USA.

# Fanovozan-kevitra ho an'ny takarivan'ny mpianakavy

*Ity laharana ity dia ahitana lahatsoratra sy zavatra atao azo ampiasaina mandritra ny takarivan'ny mpianakavy. Ity manaraka ity misy ohatra anankiray.*



**"Na dia saro-kenatra aza ianao,"** pejy 60: Azonao ampiasaina ny takarivan'ny mpianakavy ataonareo mba hizarana ny filazantsara! Ifanakalozy hevitra miaraka amin'ny fianakaviana ireo tahotra izay mahatonga ny fizarana ny filazantsara ho sarotra aminareo. Afaka manao vavaky ny mpianakavy ianareo mba hanampian'ny Tompo anareo hanana fahatokian-tena amin'ny fizarana ny filazantsara ary aorian'izay dia miaraha mivavaka mikasika ny olona izay azonareo asaina hanatrika takarivan'ny mpianakavy. Asao ny olona tsirairay ao amin'ny fianakaviana mba hanao fijoroana ho vavolombelona mandritra ny lesona. Azonao atao ny misafidy ny hampianatra lesona mikasika ny Famerenana amin'ny laoniny na ny drafitry ny famonjena. Soraty ao amin'ny diarinareo ny zavatra niainanareo.


## ZAVATRA MARO KOKOA MAHALIANA AO AMIN'NY INTERNET

Ny *Liahona* sy ny fitaovan'ny Fiangonana hafa dia misy amin'ny fiteny maro ao amin'ny **www.languages.lds.org.** Tsidiho ny **Facebook.com/liahona.magazine** (misy amin'ny teny Anglisy sy Pôrtogey ary Espaniôla) mba hahitana hafatra manentana ny fanahy ho an'ny takarivan'ny mpianakavy, sy zavatra azonao zaraina amin'ny namana sy ny fianakaviana.

## LOHAHEVITRA AO AMIN'ITY LAHARANA ITY

*Ireo tarehimarika dia maneho ny pejy voalohany amin'ilay lahatsoratra.*

***Alahelo,*** *58*
***Andro Sabata,*** *79*
***Antso,*** *18*
***Asa fampahavitrihana,*** *18*
***Asa fanompoana,*** *9, 26, 28, 41*
***Asa fitoriana,*** *26, 28, 60*
***Batisa,*** *75, 76*
***Bokin'i Môrmôna,*** *43, 44*
***Fahafolonkarena,*** *62, 70*
***Fahamarinan-toetra,*** *62*
***Famangiana isan-tokantrano,*** *9*
***Famelan-keloka,*** *34*
***Fanahy Masina,*** *44, 50*
***Fanambarana,*** *4, 10, 20, 41, 42, 50, 70, 72*
***Fankatoavana,*** *8, 34, 62, 72*
***Fanomezam-pahasoavana ara-panahy,*** *80*
***Fiadanana,*** *50, 67*
***Fibebahana,*** *18, 74*
***Fijoroana ho vavolombelona,*** *64, 68*
***Finoana,*** *34, 48, 58, 60*
***Fiovampo,*** *43, 58, 75, 76*
***Fitaka,*** *44, 78-79*
***Fitiavana,*** *40*
***Herimpo,*** *48, 64*
***Hira,*** *54, 57*
***Ireo Didy,*** *8, 72*
***Jesoa Kristy,*** *20, 34, 43, 58*
***Maha-mpanaradia,*** *12, 26*
***Mampianatra,*** *75*
***Mpaminany sy apôstôly,*** *10, 12, 66, 67, 72*
***Pôrnôgrafia,*** *34*
***Soratra Masina,*** *20*
***Sorompanavotana,*** *4*
***Talenta,*** *40, 54*
***Toetra araka an'Andriamanitra,*** *7*
***Vavaka,*** *41, 64*



**Nosoratan'ny Filoha Henry B. Eyring**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# Ny faminaniana SY NY FANAMBARANA HO AN'NY TENA MANOKANA

Naverina tamin'ny laoniny ny Fiangonana marin'i Jesoa Kristy ary eto an-tany amin'izao fotoana izao. Ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny Olomasin'ny Andro Farany dia notarihin'ireo mpaminany sy apôstôly velona foana hatramin'izay, izay mandray fitarihana tsy tapaka avy any an-danitra.

Marina koa io lamina masina io fahiny. Hitantsika ao amin'ny Baiboly ny hoe: "Tsy manao na inona na inona tokoa Jehovah Tompo raha tsy milaza ny heviny amin'ny mpaminany mpanompony" (Amosa 3:7).

Niteny indray tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith Andriamanitra amin'izao androntsika izao. Nambarany tamin'ny alalan'ny Mpaminany Joseph Smith tao anatin'ny fahafenoany ny filazantsara. Naveriny ilay fisoronany masina miaraka amin'ireo fanalahidy ary ny zo sy ny hery rehetra sy ireo anjara asan'ny hery masin'ny fisoronana.

Amin'izao androntsika izao dia omena lalana ireo mpaminany sy apôstôly velona mba hiteny sy hampianatra ary hitarika miaraka amin'ny fahefana avy amin'Andriamanitra Ray sy i Jesoa Kristy Tompo. Nilaza tamin'ny Mpaminany ny Tompo hoe: "Izay efa noteneniko Izaho Tompo dia efa noteneniko ary tsy manalady ny tenako Aho ary na dia levona aza ny lanitra sy ny tany ny teniko dia tsy ho levona fa ho tanteraka avokoa na amin'ny alalan'ny feoko na amin'ny alalan'ny feon'ny mpanompoko dia iray ihany izany" (F&F 1:38).

Nomena fahafahana hihaino ny tenin'ny Tompo ho antsika avy amin'ireo mpanompony isika mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana indroa isan-taona. Tombontsoa tsy voavidim-bola izany. Saingy ny lanjan'ny fananana izany tombontsoa izany dia miankina amin'ny hoe, moa ve isika mandray ireo teny ireo eo ambany fitarihan'ilay Fanahy izay nanomezana izany an'ireo mpanompo ihany koa (jereo ny F&F 50:19–22). Tsy maintsy mandray fitarihana avy any an-danitra toy ny ataon'izy ireo isika. Ary mitaky avy amintsika io ezaka ara-panahy io ihany koa izany.

### "Ataovy izay asa tokony hataonao"

Taona maro lasa izay dia nangatahin'ny iray tamin'ireo mpikambana tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo aho mba hamaky lahateny hatao amin'ny fihaonambe izay nomaniny ho an'ny fihaonamben'ny Fiangonana. Tamin' izany aho dia mbola mpikambana vao haingana tao amin'ny kôlejy. Voninahitra ho ahy ny fananany fahatokiana fa afaka manampy azy aho hitady izay teny tian'ny Tompo holazainy. Nilaza tamiko tamim-pitsikiana izy hoe: "Andran-tsoratra faha-22 an'ilay lahateny ity izao."

Tsaroako ilay torohevitra nomen'ny Filoha Harold B. Lee (1899–1973) be fitiavana sy tsara fanahy ahy tamin'ny fomba hentitra hoe: "Hal a! Raha te handray fanambarana ianao dia ataovy izay asa tokony hataonao."

Novakiako sy nosaintsainiko ary nentiko am-bavaka izany andran-tsoratra faha-22 izany. Nandalina araka izay azoko natao aho teo ambany fitarihan'ny Fanahy Masina. Vitako talohan'ny nizaran'io mpikambana tao amin'ny kôlejy io ny lahateniny ny asa tokony hataoko. Tsy fantatro aloha raha nanampy aho saingy fantatro fa niova aho rehefa naheno ilay lahateny nozaraina. Nandray hafatra mihoatra lavitra an'ireo teny novakiako sy nolazainy aho. Nisy dikany lehibe kokoa noho ireo izay novakiko tao



anatin'ilay andran-tsoratra ireo teny. Ary toy ny natao ho ahy ilay hafatra sy nifanojo tamin'ny zavatra nilaiko.

Mifady hanina sy mivavaka ireo mpanompon'Andriamanitra mba handray izay hafatra tiany hozarain'izy ireo amin'ireo olona mila fanambarana sy fitaomam-panahy. Ny zavatra nianarako avy tamin'io zavatra niainana io, sy ireo maro hafa mitovy amin'izany, dia hoe mba hahazoana ireo tombontsoa lehibe atolotra avy amin'ny fihainoana ireo mpaminany sy apôstôly velona dia tsy maintsy manao izay anjara ezaka tokony hataontsika isika mba hahazoana fanambarana.

Tia ny olona tsirairay izay mety maheno ny hafany ny Tompo ary mahafantatra ny ao am-pon'ny tsirairay sy ny toe-javatra iainany. Fantany izay fanitsiana sy famporisihana ary fahamarinana ao amin'ny filazantsara tena afaka manampy ny olona tsirairay mba hanao safidy handrosoany eo amin'ilay lalana mitondra any amin'ny fiainana mandrakizay.

Isika izay mihaino sy mijery ireo hafatra mandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana dia indraindray mieritreritra aorian'izany hoe, "Inona no zavatra tena tsaroako?" Ny fanantenan'ny Tompo ho antsika tsirairay avy dia ny hahatonga ny valintenintsika ho hoe: "Tsy hohadinoiko velively ireo fotoana nahatsapako ny feon'ny Fanahy tao an-tsaiko sy tao am-poko izay nilaza tamiko ny zavatra tokony hataoko mba hahafaly ny Raiko any an-danitra sy ny Mpamonjy."

Afaka mandray izany fanambarana ho an'ny tena manokana izany isika rehefa mihaino ireo mpaminany sy apôstôly ary rehefa miasa ombam-pinoana mba handray izany, toy ny nilazan'ny Filoha Lee ny fahafahantsika mandray izany. Fantatro fa marina izany tamin'ny alalan'ny zavatra niainako sy tamin'ny alalan'ny fijoroan'ny Fanahy ho vavolombelona. ■

## FAMPIANARANA AVY AMIN'ITY HAFATRA ITY

Eritrereto ny hamaky ny tantaran'ny Filoha Eyring mikasika ny fandalinany ilay andran-tsoratry ny lahateny hatao amin'ny fihaonambe an'ilay mpikambana iray tao amin'ny kôlejiny. Afaka manontany ianao hoe: "Inona no anjara ezaka tokony hatao mba handraisana fanambarana?" Aorian'ny fifanakalozan-kevitra ataonareo dia afaka manasa ireo izay vanginao ianao mba hisaintsaina sy hametraka drafitra mba handraisana ireo hafatra avy amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany manaraka "eo ambany fitarihan'ilay Fanahy izay nanomezana izany an'ireo mpanompon'[Andriamanitra] ihany koa."

SARY TANY HELSINKI, FINLAND, NALAIN'I KUKKA FRISTROM

## ZATOVO

### Niresaka tamiko tamin'ny alalan'ny lahateny tamin'ny fihaonambe ny Ray any An-danitra

Nosoratan'i Anne Laleska Alves de Souza



Nisalasala aho ny amin'izay zavatra tokony hianarako any amin'ny oniversite. Tsy nankasitraka ny taranja tiako hianarana ny ankamaroan'ny olona, ka noho izany dia nivavaka tamin'ny Tompo aho mba hahitako raha nekeny ny fanapahan-kevitro.

Tonga ny ampitson'io ny valim-bavaka nandrasako rehefa namaky lahateny iray tamin'ny fihaonamben'ny Fiangonana tao anaty *Liahona* aho. Tsapako toy ny hoe nilaza tamiko ny Ray any An-danitra fa tsy afaka misafidy ho ahy Izy—fanapahan-kevitra tokony horaisiko samirery izany. Fantatro fa na inona na inona no hofidiako dia tsy maintsy ho niasa mafy aho mba hahitako fahombiazana.

Fantatro fa novaliana ny vavaka nataoko. Nanampy ahy handray fanapahan-kevitra ny fanamafisan'ny Fanahy Masina. Nianatra nanome ny ezaka tsara indrindra avy amiko aho ary fantatro fa hanampy ahy ny Ray any An-danitra.


*Mipetraka ao Sergipe Brésil ny mpanoratra.*

SARIN'OLONA MAKA TAHAKA FOTSINY IHANY FA TSY TENA IZY

## HO AN'NY ANKIZY

### Araho ny Mpaminany

Miteny ho an'ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy ireo mpaminany sy apôstôly. Mampianatra antsika ny fomba hanarahana an'i Jesoa izy ireo. Araho ny lalana mba hahatongavana any amin'ireo zavatra asain'ny mpaminany sy apôstoly ataontsika.



SARY NATAON'I VAL CHADWICK BAGLEY

*Halalino ombam-bavaka ity hafatra ity ary katsaho ny hahafantarana izay tokony hozaraina. Ahoana no hahafahan'ny fahatakarana ilay fanambarana "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao Tontolo Izao" hampitombo ny finoanao an' Andriamanitra sy hitahiana ireo olona izay iandraiketanao amin'ny alalan'ny famangiana isan-tokantrano? Ho fanampim-pahalalana bebe kokoa dia tsidiho ny* ***reliefsociety.lds.org****.*

# Zanakavavin'ny Raintsika Mandrakizay

Mampianatra antsika ny soratra masina hoe: "terak'Andriamanitra isika" (Asan'ny Apostoly 17:29). Nantsoin'Andriamanitra hoe "zanako vavy" i Emma Smith, vadin'ny Mpaminany Joseph Smith (F&F 25:1). Ny fanambarana ho an'ny fianakaviana dia mampianatra antsika fa isika tsirairay dia "fanahy zanakalahy sy zanakavavy malalan'ny ray aman-dreny any an-danitra."[1]

"Tany amin'ny fanjakana [talohan'ny nahaterahana], dia nianatra ny tena maha-izy antsika vehivavy isika," hoy i Carole M. Stephens, mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany.

"Tsy nampiova ireo fahamarinana ireo ny diantsika hiaina eto an-tany."[2]

"Mahafantatra ny anaranao sy ny toe-javatra iainanao ny Rainao any an-danitra," hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo. "Maheno ny vavaka ataonao Izy. Fantany ny fanantenanareo sy ny nofinofinareo ary ao anatin'izany koa ny tahotrareo sy ny fahadisoam-panantenanareo."[3]

"Ao anatin'ny fianakavian'Andriamanitra isika tsirairay ary ilaina ao isika," hoy ny Rahavavy Stephens. "Tsy mitovy daholo ny fianakaviana eto ambonin'ny tany. Ary rehefa manao ny tsara indrindra azontsika atao isika mba hananganana fianakaviana matanjaka dia tsy miankina amin'ny fifandraisana hafa ananantsika—ara-panambadiana, amin'ny maha-ray aman-dreny, ara-bola, ara-piarahamonina, eny na ireo karazana fari-piainana asehontsika ao amin'ny tambazotra ifaneraserana aza ny maha-mpikambana ao amin'ny fianakavian'Andriamanitra."[4]



### Soratra masina fanampiny

Jereo ny Jeremia 1:5; Romana 8:16; Fotopampianarana sy Fanekempihavanana 76:23-24

### Eritrereto Ity

Inona no fiantraikan'ny fahafantarana hoe, ianao dia zanakavavin'Andriamanitra, eo amin'ny fanapahan-kevitra raisinao?

**FANAMARIHANA**

1. "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an' Izao Tontolo Izao," *Liahona,* nôv 2010, 129.
2. Carole M.Stephens, "Avy amin'Andriamanitra ny fianakaviana," *Liahona,* mey 2015, 11.
3. Jeffrey R. Holland, "To Young Women," *Liahona,* nôv. 2005, 28.
4. Carole M. Stephens, "Avy amin'Andriamanitra ny fianakaviana," 11.
5. Jereo ny Gospel Topics, "First Vision Accounts," topics.lds.org.

**Finoana, Fianakaviana, Fanampiana**

### Avy amin'ny tantarantsika

Ny Mpaminany Joseph Smith tao amin'ny fitantarany ny Fahitana Voalohany,[5] dia nanamafy fahamarinana maro—tafiditra ao anatin'izany ny hoe fantatry ny Raintsika any an-danitra ny anarantsika.

Sahirana ny zatovolahy Joseph namantatra izay fiangonana tokony hidirana saingy nahita fitarihana tao anatin'ny Jakoba 1:5 izy. Nanapakevitra i Joseph fa hanontany an'Andriamanitra.

Indray marain'ny lohataona iray tamin'ny 1820, dia nandeha tany anaty ala kely izy mba hivavaka saingy tonga dia voagejan'ny ny herin'ny maizina. Toy izao no nosoratany mikasika izany:

"Tamin'izay fotoampahatairana lehibe izay no nahitako andrim-pahazavana teo ambonin'ny lohako indrindra mihoatra ny famirapiratan'ny masoandro nidina tsikelikely teo amboniko.

"Raha vantany vao niseho izany dia hitako fa nafahana tamin'ny fahavaloko izay efa nihazona ahy aho. Rehefa nijanona teo amboniko ilay hazavana dia nahita Olona roa aho izay mihoatra ny famaritana rehetra ny famirapiratany sy ny voninahiny nijoro nitsingevaheva teo amboniko. Niteny tamiko ny anankiray Taminy, niantso ahy tamin'ny anarako sady nanondro ilay anankiray no nanao hoe—*Ity no Zanako Malalako. Henoy Izy!*" (Joseph Smith—Tantara1:16–17).

# MITOMBINA VE IREO TOROLALANA?

Nosoratan'i Ruth Silver

*Nandresy lahatra ahy ny dia anankiray natao tamin'ny bisikileta fa ilaina ny fijerena tsy tapaka ny sarintanin'ny lalan'ny fiainana izay an'ny Tompo.*

Nanao dia tamin'ny bisikileta nandehandeha tany Frantsa niaraka tamin'ny rahavaviko, sy ny zaobaviko ary ny zanany vavy aho taona maro lasa izay. Nomena torolalana amin'ny antsipiriany tao anatin'ny pejy miisa telo izahay isa-maraina ary raha arahina tanteraka izy ireo dia hitondra anay any amin'ilay toerana halehanay iny andro iny. Rehefa mandeha amin'ny bisikileta mamakivaky ireo tanimboaloboka izahay dia mety milaza aminay ireo toromarika mba "handeha 50 metatra mianavaratra, avy eo hihodina miankavia ary handeha 100 metatra." Matetika ireo torolalana no nanome marika famantarana sy anaran'ny ireo arabe.

Indray maraina dia nidina tamin'ny lalana mahasarika iray tamin'ny bisikileta izahay saingy vetivety dia hitanay fa tsy hita tao amin'ireo torolalana nomena anay intsony ilay faritra. Haingana izahay dia very ka nanapakevitra ny hiverina tany amin'ilay toerana farany izay nahafantaranay fa marina ny lalana nalehanay mba hahitana raha toa ka azonay fantarina izay lalana tokony haleha.

Rehefa tonga tany izahay dia nahita araka ny nieritreretanay azy takila kely mpanoro lalana izay voamarika tao anatin'ireo torolalana nomena anay, saingy tsy hitanay. Vetivety izahay dia nanohy indray ny dia ka nampifanaraka ny fandrosoanay tamin'ireo torolalana izay hita indray fa tena mitombina.

Io zavatra niainana io dia toy ny fanoharana izay namaly fanontaniana sarotra iray nananako: Nahoana ny olona iray izay efa nanana fijoroana ho vavolombelona momba ny filazantsara no mbola mihemotra? Lasa nazava tamiko fa rehefa mandray fiolanana diso isika (fahotana) na tsy manaraka ny didin'Andriamanitra, dia tsy mitombina intsony ireo torolalana (ny tenin'Andriamanitra). Toa tsy tafiditra tao anatin'ilay sarintany intsony ilay faritra nisy anay. Raha mba tsy dia tena lasa lavitra loatra izahay dia mety ho fantatray hoe anay ny hadisoana ary mila miverina (mibebaka) izahay na manolo-tena indray hiaina araka ny nandidian'Andriamantira mba hiverenana any amin'ilay toerana izay nahafantaranay fa nanaraka ilay lalana marina izahay.

Matetika rehefa tsy mifanaraka intsony amin'izay toerana misy antsika ireo torolalana dia miahiahy mikasika ireo torolalana ireo isika. Raha hoe tokony hiverina isika dia aleontsika manome tsiny ireo torolalana sy mandà azy rehetra. Farany rehefa natsahatsika ny ezaka hahatongavana any amin'ilay toeran-kalehantsika, dia lasa very isika ary mirenireny any amin'ny lalana izay toa tena mahasarika tokoa ao anatin'ny fotoana mandalo ihany saingy tsy hitondra antsika any amin'ny lalana tokony halehantsika.

Manana fahafahana handalinana ny soratra masina isika isan'andro. Ary manana tombontsoa hijery na hihaino ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany isika isaky ny enim-bolana. Moa ve ireny tsy tokony ho fotoana hahafahantsika mijery ny sarintanin'ny lalantsika ary maka antoka fa eo amin'ny lalana izay tokony hisy antsika isika? Nahatsapa aho indray mandeha teo am-pihainoana ny fihaonambe fa na dia tsy lavorary aza isika dia afaka mahafantatra isika fa eo amin'ilay lalana marina raha toa ka mitombina tanteraka amintsika ireo torolalana azo avy ao.

Tahaka ny hitondran'ny fanarahana ny lalana marina antsika any amin'ny toeran-kalehantsika eto amin'ity fiainana ity no hanomezan'ny fandalinana ny soratra masina sy ny fanarahana ny torohevitr'ireo mpaminany velona antsika fahafahana hijery ny lalan-kizorantsika sy hanitsy izany raha ilaina, mba hahatongavantsika any amin'ilay fonenantsika selestialy amin'ny farany. ■

*Ity mpanoratra ity izay nipetraka tany Colorado, Etazonia dia nodimandry tamin'ny taona lasa.*

SARY NATAON'I TAIA MORLEY



# MISAOTRA ANAO NOHO NY ASA FANOMPOANA NATAONAO

**Tsy nambara ny anarana**

*Ianao dia ohatra tonga lafatra maneho ireo vehivavy izay nifanompo tamin'ny alalan'ny fitiavana sy ny famangiana isan-tokantrano nentanim-panahy efa hatramin'ny andron'i Nauvoo.*




Tsy fantatro ny anaranao, na hoe firy taona ianao, na ny zavatra hafa mikasika anao. Ny hany fantatro dia mpamangy isan-tokantranon'i Joann ianao, ary mankasitraka amin'ny foko rehetra ny asa fanompoana feno fiahiana nataonao aho.

Fantatro fa ny famangiana rahavavy malaindaina tahaka an'i Joann (novaina ny anarana), izay vinantovaviko, dia tsy mora, indrindra moa fa rehefa tsy dia mandray tsara izay izy, ary tena azoko antoka izany. Tsy azoko antoka aza hoe naniry ny hankanesanao tany izy tamin'ny voalohany. Saingy notantarain'i Joann tamiko fa ianao dia tena namana tokoa ho azy, nitsidika azy mba hamantatra hoe manao ahoana izy ary nanaiky azy tamin'ny naha-izy azy.

Nandritra ireo 19 taona nanambadian'i Joann ny zanako lahy dia izay no fotoana voalohany nilazany fa nanana mpamangy isan-tokantrano izy. Vao haingana izy no nilaza tamiko hoe nitsidika azy tsy tapaka ianao ary tena nihaino azy sy tsara fanahy lalandava. Nilaza izy fa nanampy azy imbetsaka ianao tamin'izy narary ary nanolo-tena mihitsy aza ny hitondra ny zafikelivaviko ho ao amin'ny Zatovovavy.

Nandritra ireo 10 taona lasa dia nipetraka tany amin'ny an-jato kilaometatra niala ny toerana misy anay izy sy ny zanakay lahy ary ny fianakavian'izy ireo. Nivavaka aho ny mba hitiavan'ny olona hafa sy hikarakarany azy ireo tahaka izay ataoko, ary nitalaho tamin-dranomaso tamin'ny Ray any An-danitra aho ny mba hanampian'ny hafa azy ireo tahaka izay ho nataoko raha nipetraka tany akaikin'izy ireo aho. Araka izay nolazain'i Joann dia ianao ilay valin'ny vavaka nataoko.

Na dia tsy mankatò ny Tenin'ny Fahendrena aza i Joann sy ny zanako lahy ary tsy mandeha mivavaka dia mbola olona tsara hatrany izy ireo ary tiany ny zanany. Na izany aza anefa dia tsy nanimba ny fijerinao an'i Joann ny fifohany sigara. Tsy nitsara azy tamin'ny fankanesany na tsia any am-piangonana ianao. Nanjary nahalala azy ianao ary nahafantatra fa reny be fitiavana izy izay naniry ny handehanan'ny zanany vavy tany ampiangonana sy hahazo fijoroana ho vavolombelona. Ary rehefa nandalo fandidiana i Joann dia nitondra sakafo ianao fa tsy nanontany tena hoe sao dia izy ihany no nitondra ny sasany tamin'ireo olany arapahasalamana teo amin'ny tenany.


Feno fankasitrahana aho fa ohatra ho an'ny zafikelivaviko ianao. Afaka mankafy anao izy ho toy ny olona iray izay miraharaha ny olona rehetra sy manao ezaka lehibe mba haneho fiahiana amimpitiavana. Nilaza tamiko izy fa indray andro tamin'ny fotoana tsy nananananao fiara dia nandeha an-tongotra iray kilaometatra sy sasany mahery ianao hankanesana tany an-tranony niaraka tamin'ireo zanakao mbola kely mba hanatitra cookies.

"Nieritreritra anao sy ny mamanao aho dia te hanao zavatra tsara ho anareo—izay fotsiny no antony," hoy ianao taminy.

Raha mba afaka nilaza taminao mantsy aho hoe tena ankasitrahako ny fahafoizanao tena amin'ny antsonao amin'ny maha-mpamangy isan-tokantrano anao. Ianao dia ohatra tonga lafatra maneho ireo vehivavy izay nifanompo tamin'ny alalan'ny fitiavana sy ny famangiana isan-tokantrano nentanim-panahy efa hatramin'ny andron'i Nauvoo. Naneho izany asa fanompoana sy fitiavana izany ianao tamin'ny alalan'ny fitsidihanao tamim-pitiavana ilay vinantovaviko malaindaina.

Misaotra. ■

SARINA KARATRA MISY VALOPY © ISTOCK/THINKSTOC



**Nosoratan'ny Loholona L. Tom Perry (1922–2015)**
Tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# NY FISORONANA: VATOFANTSIKA AZO ANTOKA

*Ity lahatsoratra ity dia nomanin'ny Loholona L. Tom Perry mba hozaraina amin'ireo tanora mpihazona ny fisoronana tamin'ny 28 mey 2015, roa andro talohan'ny nahafatesany.*

Ny hery lehibe indrindra teo amin'ny fiainako dia ny fisoronan'Andriamanitra. Mino aho fa ho vatofantsika azo antoka ho anareo zatovolahy ihany koa izany. Kanefa mba hananan'izany hery eo amin'ny fiainanareo dia mila mahatakatra sy mampiasa izany ianareo.

## Zavatra niainana momba ny fisoronana fony mbola kely

Lehibe tao anatin'ny tontolon'ny fiadanam-piainana tao Logan, Utah aho. Tsy nanana olana mikasika ny sakafo na ny trano fialofana na ny fianarana aho tamin'ny fahazazako. Saingy angamba noho ny hamoran'ny fiainana dia nila nifikitra tamin'ny zavatra izay tsy hampihozongozona ahy aho.

Ny fisoronan'Andriamanitra izany vatofantsika izany ho ahy. Niaina tao anatin'ny toe-javatra tsy nahazatra aho tamin'ny fotoana nitomboako. Nantsoina ho eveka ny raiko tamin'izaho herintaona, ka evekako nandritra ny 19 taona izy. Ny fitarihany tamin'ny maha-ray azy sy ny fitarihany ara-panahy dia fanampiana goavana ho ahy.

Heveriko fa izay no tena antony naniriako fatratra ny handray ny Fisoronana Aharôna rehefa feno 12 taona katroka aho. Tsaroako ilay andro niavaka izay nahatsapako ny tanan'ny raiko teo ambony lohako teo am-panendreny ahy. Taorian'izay dia niakatra tao amin'ireo anjara fanompoan'ny Fisoronana Aharôna aho ka nahazo antso maromaro izay tena nankafiziko.

Fotoana tena niavaka ho ahy ny nizara ny fanasan'ny Tompo. Afaka mahita ireo olona manolo-tena ny hankatò ny Tompo sy hitandrina ny didiny ianao rehefa mandray ny tandindon'ny vatany sy ny rany izy ireo.

## Mivoatra amin'ny fahatakarana ny fisoronana

Rehefa nandeha ny fotoana dia nahavita ny fianarako tao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa aho, ary taorian'ny nahavitako taona iray tao amin'ny oniversite dia nantsoina hanao asa fitoriana aho. Nankafiziko ny minitra tsirairay tamin'izany ary tiako ny mpiara-mitory tamiko. Nanome hery lehibe ho ahy ny iray tamin'izy ireo. Nianatra zavatra maro avy taminy aho rehefa nanatanteraka ny andraikitray izahay.

Koa satria tao anatin'ny ady ny fireneko dia nirotsaka tao amin'ny Vondron-tafika an-dranomasin'i Etazonia aho rehefa nahavita ny asa fitoriana nataoko. Rehefa tapitra ilay ady dia niverina tany amin'ny oniversite aho, nanambady, ary nanangana fianakaviana. Nitondra ahy tany amin'ny toerana maro manerana an'i Etazonia ny fiovana asa nisesisesy, ary nianatra zavatra maro tao amin'ireo toerana ireo aho rehefa nanompo tamin'ireo antso maro tao amin'ny fisoronana. Nifindra tao Boston, Massachusetts aho nony farany, ary filohan'ny tsatòka tao ny tenako. Tao aho no nantsoina ho mpanampy ny Roambinifololahy, ary avy eo, rehefa afaka 17 volana, dia nantsoina ho ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo.

## Ireo lesona nianarako avy amin'ny maha-Apôstôly ahy

Inona no nianarako avy amin'ny maha-mpikambana ahy ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo?

Nianatra aho fa misy mpitarika sy vatofantsika ary fiarovana ao amin'ny fisoronana.

Efa nisy hatrizay ny fisoronana. Efa nanana ny fisoronana i Adama talohan'ny nahatongavany teto antany. Rehefa niparitaka naneran-tany niaraka tamin'ny fisoronana ny taranak'i Adama dia nanjary nilaina ny fandaminana ny fomba hitantanana ny fisoronana. Nandamina ny fisoronana ny Tompo tamin'ny alalan'ny fiantsoana an'i Abrahama hiahy ireo mpihazona ny fisoronana tao amin'ny fianakaviany. Io fandaminana io dia





nitohy teo ambany fitarihan'i Isaka sy i Jakoba, izay niova hoe Isiraely ny anarany taty aoriana.

Taonjato maro taty aoriana dia tafalatsaka tao anatin'ny fahababoana ny zanak'Isiraely. Naniraka an'i Mosesy ny Tompo hanafaka azy ireo, saingy rehefa nanao izany izy dia nampiseho izy rehetra fa tsy vonona ny handray ny Fisoronana Melkizedeka. Koa dia ny Fisoronana Aharôna no nomen'Andriamanitra azy ireo mandra-pahatongan'ny fotoan'ny Mpamonjy.

Tena mahaliana ahy ny zavatra nataon'ny Mpamonjy voalohany rehefa nanomboka ny asa fanompoany Izy. Nandamina ny Fisoronana Melkizedeka Izy. Niantso Apôstôly roa ambin'ny folo izy dia nampianatra azy ireo ireo lalàna sy ny lamin'ny fisoronana. Niantso an'i Petera Izy mba ho Apôstôly mpitarika ary nametraka fitohizam-pahefana tao amin'ny Fiangonany. Tamin'izany fotoana izany sy amin'izao fotoana izao dia i Jesoa Kristy no mifidy ny Apôstôly mpitarika mba hiahy ny Fiangonana, ary ny Mpamonjy no mitarika azy amin'ireo adidiny ao amin'ny fisoronana.

Noho izany ny fisoronana dia mitohy mivantana avy amin'ny Tompo sy Mpamonjy antsika amin'ny alalan'ny Apôstôly zokiny mankany amin'ireo Apôstôly hafa ary mitohy mankany amin'ireo olona hafa mpihazona ny fisoronana ao amin'ny Fiangonana. Omena ireo fanalahidin'ny fahefana ireo Apôstôly ka raha mbola eto an-tany ireo fanalahidy ireo dia hotarihin'ny Tompo mivantana isika. Io fitarihana avy amin'Andriamanitra io dia miaro antsika sy manome antoka antsika fa tsy hiovaova amin'ny fahamarinana ny Fiangonana. Hijanona ho marina izany satria tsy tarihin'iza na iza eto an-tany. Ny Tompo no mitarika izany.

### Ianaro ireo fotopampianaran'ny fisoronana

Ny torohevitra manan-danja indrindra tiako homena anareo ry zatovolahy dia ny handalina ireo fotopampianaran'ny fisoronana, ny hahatakatra ny hery izay ananananareo amin'ny fampiasanareo ny fisoronana anananareo, ary ny hianatra ny fomba ahafahan'izany mitahy ny fiainanareo sy ny fiainan'ny hafa.

Mampanantena aho fa raha mianatra ireo fotopampianaran'ny fisoronana ianareo ary manatanteraka ireo adidinareo ao amin'ny fisoronana dia ho vatofantsika azo antoka ho anareo ny fisoronana izay hiaro anareo eo amin'ny ara-panahy sy hitondra fifaliana lehibe ho anareo. Aoka ianareo ho kôlejin'ny fisoronana tena mahatoky. Atony ireo namanareo dia ento ho ao amin'ny kôlejy misy anareo. Mamorona firahalahiana ao amin'ny kôlejinareo mba ho fototra maharitra eo amin'ny fiainanareo. ■

# Loholona
# Ronald A. Rasband

## MPITARIKA MANANTALENTA SY RAIMPIANAKAVIANA FENO FANOLORANTENA

**Nataon' ny Loholona M. Russell Ballard**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo



Ambony ankavanana: Ny Loholona Ronald A. Rasband, filohan'ny misiôna tao New York City tamin'ny taona 1998. Amin'ny farany ankavanana: Ny Loholona Rasband miaraka amin'i Nancy Schindler, anabaviny; ny reniny; ary i Russell sy Neil, rahalahiny. Ankavanana: Miaraka amin'ireo ray aman-dreniny tamin'izy zazalahikely fito taona.

Tsy mbola nisalasala mihitsy i Ron Rasband ny amin'ny hanaovany asa fitoriana amin'ny fotoana feno. Ny hany fanontaniana nananan'ity tovolahy 19 taona ity rehefa nanokatra ny taratasy fiantsoana azy hanao asa fitoriana dia ny hoe *aiza* izy no hanompo.

"Nandeha nanao asa fitoriana tany Alemana ny dadako. Nandeha nanao asa fitoriana tany Alemana ny zokiko lahy. Nandeha nanao asa fitoriana tany Alemana ilay ho zaodahiko," hoy izy nitantara. "Noheveriko fa handeha tany Alemana aho."

Saingy nanana drafitra hafa ny Tompo. Nantsoina ho any amin'ny Misiônan'ny Vondrom-pirenena Atsinanana kosa izy, izay tao New York City, Etazonia no nisy ny foibeny. Noho izy diso fanantenana dia nentiny tao amin'ny efitra fatoriany ilay taratasy fiantsoana azy, dia nandohalika teo akaikin'ny fandriany izy, ka nivavaka, nanokatra ny soratra masiny tao amin'izay sendra azy fotsiny dia nanomboka namaky:

"Indro ka jereo, manana vahoaka betsaka Aho eto amin'ity toerana ity, eo amin'ny faritra manodidina; ary varavarana mahomby no hovohana eo amin'ny faritra manodidina amin'ity *tany atsinanana* ity.


"Koa Izaho Tompo, dia efa namela anareo ho tonga eto amin'ity toerana ity; satria nilaina tao Amiko izany ho famonjena ireo olona" (F&F 100:3–4; nampiana fanamafisana).

Nanamafy tamin'i Ron avy hatrany ny Fanahy Masina fa tsy diso velively ny fiantsoana azy hanompo tany amin'ny Misiônan'ny Vondrom-pirenena Atsinanana.

"Niala avy tamin'ny fahadisoam-panantenana aho dia nahazo ny voalohany tamin'ireo fitaomam-panahy maro tamin'ny alalan'ny soratra masina izay nilaza fa tany no toerana tian'ny Tompo handehanako," hoy izy nitantara. "Traikefa ara-panahy nanova ny fiainako izany."

Ny asa fitoriana nataony tany amin'ny Vondrom-pirenena Atsinanana no voalohany tamin'ireo antso tao amin'ny Fiangonana izay nitondra azy tany amin'ny toerana izay tsy nampoiziny handehanana. Ary tamin'ny

antso tsirairay—toy ny mpampianatra, eveka, mpikambana ao amin'ny filankevitra avo, filohan'ny misiôna, mpikambana tao amin'ny Fitopololahy, ary Apôstôlin'i Jesoa Kristy Tompo—ny Loholona Ronald A. Rasband dia nanaiky ny sitrapon'ny Tompo ary nanohy niantehitra tamin'ny Fanahiny rehefa nanompo ireo zanak'Andriamanitra.




## Nateraky ny ray aman-dreny tsongoin'olom-bolo

Tao anatin'ny lahateniny voalohany amin'ny maha-Apôstôlin'i Jesoa Kristy azy dia naneho fankasitrahana lalina ny amin'ny razambeny ny Loholona Rasband. "Nateraky ny ray aman-dreny tsongoin'olom-bolo tao amin'ny filazantsara aho," hoy izy, "ary ny razambeko ao anatin'ny taranaka enina mankany aoriana dia nateraky ny ray aman-dreny tsongoin'olom-bolo."[1]

I Verda Anderson Rasband reniny dia mpitarika be fitiavana izay nanolokolo ny fitiavan'i Ron kely ny soratra masina. I Rulon Hawkins Rasband rainy dia mpihazona ny fisoronana mahatoky izay nampianatra tamin'ny alalan'ny ohatra nasehony ny hasin'ny asa mafy.

I Ronald A. (Anderson) Rasband, izay teraka tamin'ny 6 Febroary 1951, tao Salt Lake City, Utah, Etazonia, no zanaka tokana naterak'ireo ray aman-dreniny. Efa samy nanambady sy nisarapanambadiana izy roa teo aloha, ary i Ron dia lehibe niaraka tamin'ny zokilahy anankiroa sy zokivavy anankiray.

"Nandova ny toetoetran'ireo ray aman-dreninay izy, ka noho izany dia tia azy daholo izahay rehetra," hoy i Nancy Schindler anabaviny. "Tsy nanaiky mihitsy i Ron raha tsy nankeo anelanelan'i Neny sy i Dada na rehefa nijoro nifanakaiky izy ireo na rehefa niara-nipetraka."



Zazalahy nahafinaritra i Ron tamin'ny ankapobeny fa manaiky izy fa somary nanao hadalana indraindray.

"Imbetsaka ihany izay ireo mpampianatro [tao amin'ny Kilonga] no niresaka tamin'ny reniko, izay filohan'ny Kilongan'ny Tsatòka, ka nilaza hoe 'Zaza somary mafy loha iny Ronnie Rasband iny a!'" hoy izy. "Saingy tsy nilavo lefona




tamiko mihitsy izy ireo. Naneho fitiavana lehibe tamiko izy ireo ary nanasa ahy mandrakariva ny hiverina tao an-dakilasy."[2]

Nifantoka tamin'ny Fiangonana ny fahazazan'i Ron—ireo fivorian'ny paroasy, ireo fety nokarakarain'ny paroasy, ireo sakafo nokarakarain'ny paroasy, ary ireo ekipa mpanao fanatanjahantenan'ny paroasy. Rehefa tsy be zavatra natao tao amin'ny trano fiangonan'ny Paroasy Voalohany tao Cottonwood izy dia nanao asa madinidinika teny, nanao ireo fiaraha-mientan'ny Skoto, ary niaraka tamin'ny namana. Tany an-trano dia nifantoka tamin'ny soratra masina, ireo kilalao ary ireo raharaha ao an-tokantrano ny fotoana niarahana tamin'ny fianakaviana.

"Nampianatra ahy ny atao hoe asa tamin'ny alalan'ny ohatra nasehony ny raiko," hoy izy. "Nampianatra ahy momba ny asa tamin'ny alalan'ny fampanaovana izany ahy ny reniko."

Namily fiara lehibe mpanatitra mofo ny rain'i Ron, izay nifoha tamin'ny 4 ora maraina isan'andro ary tara vao nody isan-kalina. Nijanona tao an-trano ny reniny mba hitaiza ny ankizy, ary nanampy ny fidiram-bolan'ny fianakaviana tamin'ny fanaovana sy ny fivarotana saribakoly vita tamin'ny bakoly sy nitafy akanjo misy kitaditady.

Ny fahaizana ara-boajanahary nananan'i Ron mba hitarika sy hizara andraikitra ary hamita ireo asa—izay hanampy azy amin'ireo andraikiny arak'asa sy amin'ny fitarihana ara-pivavahana—dia tena nilainy fony izy mbola kely.

"Nomena andraikitra hanapaka ny bozaka i Ron," hoy ny anabaviny nitantara. Kanefa i Ron dia nahita fomba handresen-dahatra ireo namany

SARY NAHAZOANA LALANA AVY AMIN'NY FIANAKAVIANA RASBAND, AFA-TSY IZAY NASIANA FANAMARIHANA





hanampy azy tahaka ny nataon'i Tom Sawyer an'i Mark Twain.

"Rehefa nijery tany an-tokotany aho dia ilay namany akaiky indrindra no hitako nanapaka ny bozaka teo amin'ny toerany," hoy i Nancy. "Ny herinandro manaraka dia ny iray hafa tamin'ireo namany no nanapaka ny bozaka. Nipetraka teo amin'ny lavarangana anoloan'ny trano fotsiny izy dia nihomehy sy nisangisangy tamin'izy ireo teo ampanaovan'izy ireo ny asany."

Nanana olana ara-bola ny ray amandrenin'i Ron, saingy nanana ny filazantsara ilay fianakaviana. "Tsy mbola nanam-bola be izany mihitsy izahay," hoy i Ron araka ny fitadidiany, "kanefa tsy nisy fiantraikany teo amin'ny fahasambarako mihitsy izany."

**Ireo namana sy mpitarika azo nitokisana**

Tao anatin'ny fotoana nitomboan'i Ron dia voatahy izy fa nanana namana tsara sy mpitarika ao amin'ny fisoronana izay azo nitokisana, anisan'izany ny filohan'ny tsatòkany nandritra ny 14 taona fony izy zazalahikely—i James E. Faust (1920–2007), izay nanompo tao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo sy tao amin'ny Fiadidiana Voalohany taorian'izay. Nanana fifandraisana akaiky tamin'ny Filoha Faust sy ny fianakaviany ny fianakavian'i Ron. "Nantsoiny hoe iray tamin'ireo zazalahiny tao Cottonwood foana aho satria nanampy tamin'ny fitaizana ahy izy," hoy izy.

Tsy nanam-potoana hanaovana fanatanjahantena tany an-tsekoly i Ron rehefa tonga tao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa satria niasa foana izy, kanefa nitady fotoana izy mba hanorenana finamanana feno fahatokiana izay naharitra nandritra ny fiainany.

"Nahasondriana ahy foana i Ron noho ny maha-izy azy, kanefa tsy tonga lafatra izy," hoy i Kraig McCleary izay namany tamin'ny fahazazany. Nampiany tamim-pitsikiana hoe: "Nilaza taminy aho fa raha tonga any andanitra izy dia ho tonga any koa aho satria nitovy ihany ny zavatra nataonay rehefa nihalehibe izahay."

Nanomboka ny asa fitoriany i Ron tamin'ny fiandohan'ny taona 1970, fa i Kraig kosa dia nieritreritra ny hanemotra ny asa fitoriana ho ataony mandra-pahavitan'ny vanim-potoana fihazana amin'ny fararano. Tamin'izay i Ron no niantso azy avy any amin'ny misiôna nisy azy.

"Tsy fantatro ny fomba nahazoany lalana hiantso an-telefaonina, fa namelively ahy izy noho izaho tsy nientanentana firy momba ny fandehanana avy hatrany hanao ny asa fitoriako," hoy Rahalahy McCleary. "Mazava ho azy fa tsy nanemotra izany aho."

Antsoin'i Ron hoe traikefa "mampitolagaga" ny asa fitoriana nataony. "Nomen'ny Tompo traikefa maro mahagaga sy nampitombo finoana aho," hoy izy. "Nanana fiantraikany lehibe teo amin'ny fiainako ara-panahy ny asa fitoriana nataoko."

Nandany ny ampahany tamin'ny asa fitoriany tao amin'ireo nosy Bermuda i Ron. Ireo "misiônera tena nankatò" ihany no nalefan'i Harold Nephi Wilkinson, filohan'ny misiônany tany satria indraindray ihany izy vao afaka nitsidika azy ireo.



Hatramin'ny fiantombohan'ny fanambadian'izy ireo dia nataon'ny Loholona sy Rahavavy Rasband ho lohalaharana ny Tompo. Nivady tamin'ny septambra 1973 (etsy ambany), taty aoriana izy ireo dia nana-janaka vavy efatra sy zanakalahy iray (etsy ambony). Pejy ilany: Jon Huntsman Zokiny, mpiara-miasa sy mpanofana ny Loholona Rasband teo aloha, niantso ny loholona Rasband hoe: "mpitarika manan-talenta manana fahitsian-toetra lehibe."

"Nitoka-monina tanteraka izahay, saingy tsy nila niahiahy ny aminay ny filohan'ny misiôna," hoy i Ron nitantara. "Novitainay ny asa fitoriana."

### Ilay "zazavavy lavorary" tao Delta Phi

Rehefa vita ny asa fitoriany tamin'ny taona 1972, dia nahita asa i Ron, nisoratra anarana tao amin'ny Oniversite an'i Utah tamin'izay fararano izay, ary niditra tao amin'ny fikambanana Delta Phi Kappa, izay vondrom-pirahalahiana ho an'ireo misiônera nahavita asa fitoriana. Nandritra ireo asa ara-piarahamonina nataon'ilay fikambanana dia tsy sarotra ho azy ny nahatsikaritra zatovovavy iray nahasarika nantsoina hoe Melanie Twitchell. Iray tamin'ireo voafidy ho "zazavavy lavorary" tao amin'ny Delta Phi i Melanie, izay nanampy tamin'ireo asa fanompoana nataon'ilay fikambanana.

Tahaka an'i Ron, i Melanie dia avy amin'ny fianakaviana Olomasin'ny Andro Farany mavitrika tokoa. Ny rainy izay manamboninahitra miaramila, sy ny reniny dia tsy namela mihitsy ny fifindra-monina matetika nataon'ny fianakavian'izy ireo ho sakana tsy hankanesana tany am-piangonana.

Talanjona tamin'ny hatsaram-panahy sy ny fahalalampomba ary ny fahalalan'i Ron ny filazantsara i Melanie. "Niteny anankampo aho hoe: 'Tena lehilahy mahavariana izy ka tsy mampaninona ahy na dia tsy afaka hampiaraka aminy mihitsy aza aho. Te ho namany akaiky indrindra fotsiny aho.'"

Rehefa nihamafy ny fifandraisan'izy ireo dia nanamafy ireo fahatsapana nananany momba an'i Ron sy ny fanolorantenan'i Ron tamin'ny Tompo ny Fanahy. Vetivety ny finamanan'izy ireo dia nandrombona ho lasa ilay nantsoin'i Melanie hoe "fifandraisana lavorarin'ny mpifankatia toy ireny tantaram-pitiavana ao anaty boky ireny."

Milaza ny Loholona Rasband fa namana tena nety taminy i Melanie. "Nitovy tamiko i Melanie tamin'ny fanolorantena tamin'ny filazantsara sy ny fahalalana nolovaina momba izany. Lasa mpinamana akaiky izahay, ary tamin'izay aho no nangataka azy ho vadiko."

Nivady tamin'ny 4 septambra 1973 tao amin'ny tempolin'i Salt Lake izy ireo. Nanomboka tamin'izay, hoy izy, "ilay namako mandrakizay izay tsara toetra sy tia ny hafa . . . [dia] nanampy namolavola ahy tahaka ny tanimangan'ny mpanao vilany tanimanga nandritra ny taona maro ka nahatonga ahy ho mpianatr'i Jesoa Kristy voatefy. Manohana ahy ny fitiavany sy ny fanohanany, sy ny an'ireo zanakay 5 sy ny an'ny vadin'izy ireo avy, ary ny an'ireo zafikelinay 24."[3]

### "Andao handeha"

Tamin'izy filohan'ny kôlejin'ny loholona tao amin'ny paroasin'ny mpianatra manambady nisy azy dia lasa nahafantatra an'i Jon Huntsman Zokiny, izay mpikambana tao amin'ny filankevitra avo an'ilay paroasy i Ron. Talanjona avy hatrany tamin'ny fomba nitarihan'i Ron ilay kôlejy i Jon.

"Nanana fahaiza-mitarika nahavariana sy talenta tamin'ny fandaminana izy," hoy ny Loholona Huntsman araka ny fitadidiany azy, izay Fitopololahin'ny Vondrom-paritra nanomboka tamin'ny taona 1996 ka hatramin'ny taona 2011. "Nihevitra aho hoe tsy mahazatra izany hoe misy zatovolahy mbola any amin'ny kilasy ambaratonga ambony afaka mitarika kôlejy iray toy izany."

Nandritra ny volana maromaro dia nahita an'i Ron namadika ireo hevitra hitany ho asa i Jon rehefa nanatanteraka ireo andraikiny tao amin'ny fisoronana i Ron. Rehefa nisy toerana nisokatra ho an'ny Tompon'andraikitry ny raharaha ara-barotra tao amin'ny orinasan'i Jon—izay lasa Huntsman Chemical Corporation taty aoriana—dia nanapakevitra izy fa i Ron no manana ny fahaiza-manao nilainy ka dia nomeny azy ilay asa. Nanomboka tany Ohio, Etazonia ilay asa ny herinandro manaraka izay.

"Hoy aho tamin'i Melanie hoe: 'Tsy hanapaka fianarana amin'izany aho ka hifindra trano,'" hoy i Ron nitantara. "Efa niasa nandritra ny fiainako aho mba hamita fianarana aty amin'ny sekoly ambaratonga ambony, ary efa kely sisa dia ho tratrako ny tanjoko."

Nampahatsiahivin'i Melanie an'i Ron fa hitady asa tsara no antony handehanany any an-tsekoly.

"Inona no mampiahiahy anao?" hoy i Melanie nanontany. "Haiko ny mampirina entana dia mifindra. Nanao izay foana aho nandritra ny fiainako manontolo. Avelako hiantso ny mamanao isan-kalina ianao. Andao handeha."



Voamarina ny fahatokian'i Jon an'i Ron. Nivoatra haingana tao amin'ilay orinasa nirobo-robo teo ambany fiahian'i Jon i Ron, izay lasa filoha sy tale jeneraly tamin'ny taona 1986. Nitety tany imbetsaka tokoa ho an'ilay orinasa izy—sady teo an-toerana no maneran-tany. Na dia teo aza ny fandaharam-potoany izay feno tokoa dia niezaka ny hody tany an-trano i Ron rehefa faran'ny herinandro. Ary rehefa nandeha nanao dia lavitra izy dia nitondra olona tao amin'ny fianakaviana indraindray.

"Rehefa tao an-trano izy dia nataony nahatsapa ho niavaka sy tiana ny ankizy," hoy i Melanie. Nanatrika ny fiaraha-mientana sy ireo hetsika ara-panatanjahantena nataon'izy ireo izy isak'izay afaka. I Jenessa MacPherson, izay iray amin'ireo zanakavavy efatr'izy mivady, dia milaza fa matetika ireo andraikitry ny rainy amin'ny maha-mpitarika azy ao am-piangonana isaky ny alahady no tsy mamela azy hiara-hipetraka amin'ny fianakaviany mandritra ireo fivoriana alahady.

"Niady izahay ny amin'ny hoe iza no hipetraka eo akaikiny tao am-piangonana satria zavatra tsy fahita firy ny manana azy ao," hoy izy. "Tadidiko ny nametrahako ny tanako





tao amin'ny tanany dia nieritreritra hoe: 'Raha mba afaka mianatra ny ho toa azy fotsiny aho dia handeha ao amin'ny lalana marina ka hanjary hitovy bebe kokoa amin'ny Mpamonjy.' Izy foana no ilay mahery foko."

I Christian, zanakalahin'izy mivady dia nitantara fahatsiarovana mamy momba ny "fotoana niarahany tamin'ny rainy." Tsy naharitra ny fananana namana noho ny fifindran'ny fianakaviana trano matetika, hoy izy, "fa ny raiko foana no namako akaiky indrindra"— na dia namana tia mifaninana aza izy.

Na rehefa mamono baolina basket miaraka amin'i Christian, na manao kilalaon-tsaina miaraka amin'ireo zanany vavy, na manjono miaraka amin'ny fianakaviana sy ny namana, dia tia nandresy i Ron.

"Rehefa nihalehibe izahay dia tsy nisy *navelany* nandresy mihitsy," hoy i Christian. "Tsy maintsy nanao izay handresena izahay, fa nahatonga anay ho tsaratsara kokoa izany. Ary mbola mitohy amin'ireo zafikeliny mahate ho tia izany fombafomba izany."

Tao anatin'ny taona maro, ny fianakavian'i Ron dia nahita mazava tsara ny fomba nampitomboan'ny fanompoana tao amin'ny fitarihana ny Fiangonana ny fahafahany maneho fitiavana sy ny fangorahana, sy milaza ireo fahatsapana avy amin'ny Fanahy, ary mitaona ny hafa hanao izay tsara indrindra vitany. Taorian'ny nahaterahan'i Paxton, zafikelilahin'i Ron sy i Melanie dia niantehitra mafy tamin'ny tanjaka ara-panahy sy ny fanohanan'i Ron ny fianakaviana.

I Paxton, izay teraka niaraka tamin'ny fikorontanana eo amin'ny lafiny "génétique" tsy fahita firy, dia tratran'ny olana arapahasalamana marobe izay nisedra ny fianakaviana ara-batana, ara-pihetseham-po, ary ara-panahy. Ny Loholona Rasband dia niantso ny fotoana niainana taorian'ny nahaterahan'i Paxton hoe: "fitsapana sarotra izay nianarana lesona miavaka maro misy ifandraisany amin'ny mandrakizay."[4]



Nandritra ireo telo taona fohy niainan'i Paxton teto an-tany—izay fotoana nahamaro be ireo fanontaniana napetraka fa nahavitsy kosa ny valinteny azo—dia nijoro ho toy ny loharanon-kery ara-panahy ny Loholona Rasband ka nitarika ny fianakaviany hahazo ny herin'ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy.

Rehefa nambara ny antsony vaovao dia olona maro tao amin'ny fianakaviana sy namana maro no tsy gaga. "Izay tena mahafantatra azy indrindra aminay," hoy i Christian, "dia nanangana faran'izay ambony ny tananay rehefa notohanana ho Apôstôly izy."

### "Handeha hanompo aho"

Tamin'ny taona 1995 tamin'izy 45 taona dia mbola niroborobo be tao anatin'ny asa i Ron rehefa tonga ilay antso mba ho filohan'ny misiôna tao amin'ny Misiônan'i New York Avaratra tao New York. Tahaka ireo Apôstôly fahiny, dia "nandao ny harato niaraka tamin'izay izy" (Matio 4:20).

"Tsy nila iray segondra akory aho dia nanaiky ilay antso," hoy ny Loholona Rasband. Hoy izy tamin'ny Tompo hoe: "Raha tianao handeha hanompo aho, dia handeha hanompo aho."

Nandritra ny nanompoany dia nampiasa lesona manan-danja azony nandritra ny




Ambony ankavia: Ny Loholona sy Rahavavy Rasband miaraka amin'ireo mpikamban'ny Fiangonana ao New Delhi, Inde, tamin'ny volana novambra 2015. Etsy ambony: Ny Loholona sy Rahavavy Rasband nandritra ny naha-filohan'ny misiôna azy tany New York City, 1996–99; miaraka amin'i Paxton zafikelin'izy ireo, izay nanampy ny fianakaviana hianatra "lesona miavaka maro misy ifandraisany amin'ny mandrakizay"; ary tany amin'ny lanonana fametrahana ny vato fehizoron'ny Tempolin'i Sacramento Californie.

asany izy manao hoe: "Manan-danja bebe kokoa noho ny zavatra hafa ny olona."[5] Noho izy nanana izany fahalalana izany sy ireo fahaiza-manaony amin'ny fitarihana efa nitombo tokoa dia vonona ny hanomboka asa fanompoana amin'ny fotoana feno ao amin'ny fanjakan'ny Tompo izy.

I Ron sy i Melanie dia nahita fa ny asa fanompoana tany New York City dia sady feno fanamby no nampientanentana tokoa. Mora tamin'i Ron ny nizara andraikitra tamin'ireo misiônera—izay nitaona azy ireo ho mahatoky, ary nampianatra sy nampatanjaka ary nampahery azy ireo tao anatin'ilay dingana.

Tamin'ny taona 2000, rehefa afaka valo volana monja taorian'ny nahavitan'i Ron sy i Melanie ny asa fanompoan'izy ireo dia nantsoina ho ao amin'ny fitopololahy i Ron, ka ny fiomanany sy ny traikefany ary ireo talenta maro nananany dia nitahy ny Fiangonana tamin'izany. Tamin'izy mpikambana tao amin'ny Fitopololahy dia mpanolotsaina tao amin'ny Fiadidian'ny Vondrom-paritra Eorôpa Afovoany izy, ary nanampy tamin'ny fanaraha-maso ny asa natao tao amin'ny firenena miisa 39. Na dia efa 40 taona mahery lasa aza izy izay no niala tao amin'ny sekoly ambaratonga ambony dia mbola nijanona ho mpianatra matotra, ka nandray tsara ireo fitarihana tsy tapaka avy amin'ireo Rahalahy zokiny rehefa nanara-maso ireo Vondrom-paritra tao Andrefan'i Amerika Avaratra, Avaratra andrefana, ary ireo Vondrom-paritra telo tao Utah izy. Tale jeneraly tao amin'ny Departemantan'ny tempoly izy. Ary nanompo tao amin'ny Fiadidian'ny Fitopololahy, ka niara-niasa akaiky tamin'ny Roambinifololahy.

Vao haingana dia nanao fanamarihana ny Loholona Rasband hoe: "Voninahitra sy tombontsoa lehibe ho ahy ny maha-kely indrindra ahy eo anivon'ny Roambinifololahy sy ny mianatra avy amin'izy ireo amin'ny fomba rehetra sy amin'ny fotoana rehetra."[6]

## "Fantatro ny zavatra fantatr'izy ireo"

Misy sary hosodoko roa mihantona ao amin'ny biraon'ny Loholona Rasband. Sarina misiônera Môrmôna nampianatra fianakaviana tany Danemark tao anelanelan'ny taona 1850 ka hatramin'ny taona 1859 ny iray. Ny faharoa dia sarin'i Dan Jones, misiônera tany aloha tany, izay nitory ny filazantsara teo ambony lava-drano tany amin'ireo nosy Britanika. ireo sary hosodoko (eo ambony ankavanana) dia mampahatsiahy an'ny Loholona Rasband ireo razambeny.

"Ireo mpamaky lay voalohany ireo dia nanome izay rehetra nananany mba hiaina ny filazantsaran'i Jesoa Kristy sy hamela lova mba ho arahin'ny taranak'izy ireo," hoy izy nijoro ho vavolombelona.[7] Ny zavatra nandrisika ireo razamben'ny Loholona Rasband handroso tao anatin'ny fahoriana sy ny fanenjehana no tena maha-lany azy indrindra amin'ny antsony vaovao: fahalalana sy fijoroana ho vavolombelona azo antoka momba ny Tompo sy ny Asany.

"Betsaka tokoa ny zavatra tokony hianarako amin'ny antsoko vaovao," hoy izy. "Tsapako ho manetry tena ny





amin'izany tokoa aho. Fa misy lafiny iray amin'ny antsoko izay azoko atao. Afaka mijoro ho vavolombelona '[ny amin'ny] anaran'i Kristy eran'izao tontolo izao' aho (F&F 107:23). Velona Izy!"[8]

Amin'ny maha-zafiafin'ny mpamaky lay azy dia nampiany hoe: "Tsapako ny zavatra tsapan'izy ireo. "Fantatro ny zavatra fantatr'izy ireo."[9]

Ary ny zavatra nantenain'izy ireo tamin'ireo taranany dia miseho eo amin'ny fiainana sy ny fampianarana ary ny asa fanompoana ataon'ny Loholona Ronald A. Rasband, izay manaraka ny ohatr'izy ireo sy manome voninahitra ny lova napetrak'izy ireo eo am-panaovany ny asany amin'ny anjara asany amin'ny maha-anisan'ireo vavolombelona manokan'ny Tompo azy. ■

ANKAVIA FARANY AMBONY: SARY NALAIN'I WENDY KEELER; ANKAVANANA: *MPITORY FILAZANTSARA MÔRMÔNA, MISIÔNERA VOALOHANY TANY DANEMARK*, NATAON'I ARNOLD FRIBERG (NALAINA AVY AMIN'NY SARY HOSODOKO NATAON'I CHRISTEN DALSGAARD, 1856); *DAN JONES AWAKENS WALES*, NATAON'I CLARK KELLEY PRICE

**FANAMARIHANA**


1. Ronald A. Rasband, "Endrey mahagaga ahy," *Liahona,* nôv. 2015, 89.
2. Ronald A. Rasband, "Friend to Friend: Golden Nuggets," *Friend,* ôkt. 2002, 8.
3. Ronald A. Rasband, "Endrey mahagaga ahy," 89.
4. Ronald A. Rasband, "Lesona miavaka," *Liahona,* mey 2012, 80.
5. Ronald A. Rasband, famoriana mpanao gazety, 3 ôkt. 2015.
6. Ronald A. Rasband, testimony, Priesthood and Family Department devotional, 1 des. 2015.
7. Ronald A. Rasband, "Endrey mahagaga ahy," 89.
8. RonaldARasband, testimony.
9. Ronald A. Rasband, Pioneer Day address, Tabernacle, Salt Lake City, 24 jolay 2007.



*Noho izao mpikambana malaindaina taona maro lasa izay dia tsy nino ny mpikambana iray izay nahafantatra ahy tamin'izany fotoana izany fa nantsoina ho eveka aho.*

**Nosoratan'i Patrick J. Cronin III**

Nandritra ny fivorian'ny kômity mpanatanteraka tao amin'ny fisoronana dia nanao tatitra ireo misiônera manompo amin'ny fotoana feno fa nihaona tamin'ny mpikambana iray izay tsy hita ao amin'ny paroasy ny mombamomba azy. Fantatro avy hatrany ilay anarana ka nilaza aho fa niray paroasy nandritra ny taona maro izaho sy izy taona maro lasa izay.

Hoy ny iray tamin'ireo misiônera hoe: "Eny ry eveka, nilaza izany izy sady toa gaga ihany fa hoe ianao no eveka."

Nanontany azy ireo aho hoe "Ahoana hoy izy?"

Nilaza izy ireo fa gaga be izy ka dia niteny hoe: "*Izy ve* no eveka?"

Nihomehy tokoa aho dia nanazava fa io rahavavy io dia nahafantatra hoe olona hafa mihitsy aho 30 taona lasa izay.

Rehefa nieritreritra io trangan-javatra io aho taorian'izay dia nieritreritra ny halehiben'ny fiovan'ny fiainako nandritra ireo 30 taona mahery naha-mpikambana ahy sy ny fianakaviako. Nahafantatra mpikambana maro be tao amin'ny paroasinay aho nandritra ny 20 taona naha-filohan'ny sampana sy eveka ahy, saingy tsy nisy nahafantatra ahy tamin'ny 30 taona lasa ireo mpikambana ireo. Na dia nitantara tsindraindray ireo zava-nitranga tamin'ny fiainako tany aloha aza aho mba hampianarana mikasika ny fibebahana sy ny Sorompanavotan'i Jesoa Kristy dia tsy mahafantatra ny ankamaroan'ny mpikambana hoe tena dingana mahatalanjona tokoa ny fiainana diaviko ato am-piangonana.

Tamin'ny volana mey 1979 no nahafantaranay sy ny fianakaviako ny Fiangonana, ka fantatro avy hatrany fa tao no tokony hisy anay. Natao batisa izahay ny volana Jona, ary navitrika avokoa izahay tamin'ny voalohany, saingy tsy ela akory dia tsy nandeha nivavaka intsony aho ka niverina tamin'ny zavatra fanaoko teo aloha. Tsy mbola tena nanana ahiahy mikasika ny fahamarinan'ny filazantsara sy ny Famerenana amin'ny laoniny izany mihitsy aho, kanefa tsy nihevitra aho fa nanana ny zavatra notakina mba ho lasa mpikambana tsara ato amin'ny Fiangonana.

Tamin'ny taona 1982, noho ny fiankinan-dohako tsy tapaka tamin'ny toaka dia nangataka ny hisarampanambadiana ilay vadiko izay tsy mba nivadika mihitsy tamin'ny finoany. Tamin'izany fotoana izany ny fianakaviako dia nipetraka tao Oklahoma, Etazonia, saingy niverina tany Illinois, Etazonia aho, izay toerana nitaizana ahy. Efa saika namoy ny zavatra tokana izay tena nanan-danja tamiko mihitsy aho: ny fianakaviako.

Nanomboka nandohalika nivavaka maraina sy hariva tamin'Andriamanitra aho, izay tsy azoko antoka intsony hoe tena nisy na, raha nisy Izy, dia noheveriko fa efa nanadino ahy hatry ny ela. Na izany aza dia nivavaka tamimpahatokiana aho nandritra ny telo volana. Indray maraim-be, raha mbola teo am-pivavahana mafy aho, dia nahatsapa hamaivanana lehibe tonga teo amiko ka fantatro fa velona Andriamanitra, fantany aho, ary tiany aho. Fantatro ihany koa fa tsy hisotro toaka intsony aho na dia indray mitete aza.

Tamin'io hariva io dia niantso ahy ny vadiko mba hampahafantatra ahy fa handefa aty amiko ny taratasy fisaraham-panambadiana izy mba hosoniaviko. Nandritra izany fifampiresahana izany dia niteny tampoka izy hoe "Misy fiovana be eo aminao izany. Tsy mino aho hoe mbola hisotro indray ianao, ka dia horovitiko ireto taratasy

# Izy ve NO EVEKA?



ireto." Niverina niaraka indray izahay ka dia niteraka ny zanakay lahy fahatelo izy roa taona taorian'izay.

Mety nihevitra ny olona fa niverina ho mavitrika tanteraka tao amin'ny Fiangonana aho, saingy lehilahy mafy loha aho. Niverina vetivety aho ary nahazo antso ho mpampianatra tao amin'ny kôlejin'ny loholona mihitsy aza. Saingy vetivety aho dia nahatsapa ho tsy nahay nampianatra ka dia lasa malaindaina indray.

Tamin'ny taona 1991 dia nifindra tao amin'ny sampana kely iray izahay. Volana maromaro nialohan'ny nahafenoan'ny zanakay faralahy valo taona dia nanontany azy ny vadiko, izay filohan'ny Kilonga, hoe iza no tiany hanao ny batisany. Mazava ho azy fa ny rainy no tiany hanatanteraka ilay ôrdônansy. Nilaza taminy ny vadiko fa angamba tena tsy hisy izany. Tsy nanaiky izany valinteny izany izy ka dia nanomboka nanao ny asa fampahavitrihana ny rainy. Tsy nilavo lefona mihitsy izy ka fotoana fohy dia lasa mpitarika ny Skoto aho, ary taty aoriana dia nanao batisa sy nandray ny zanako lahy ho mpikambana aho.

Maro be ny zava-nitranga tao anatin'ireo valo volana taorian'ny niverenako ho mavitrika. Nofehezina tao amin'ny Tempolin'i Chicago Illinois ny fianakavianay, ary dia nantsoina ho mpampianatra tao amin'ny kôlejin'ny loholona indray aho, fa tamin'ity indray mitoraka ity kosa aho dia tsy nihemotra. Taorian'izay aho dia nantsoina ho mpanolotsaina tao amin'ny fiadidian'ny sampana, ary dimy volana taty aoriana dia nantsoina ho filohan'ny sampana. Iray volana teo ho eo taorian'ny nahazoako ilay antso dia tsaroako aho nieritreritra hoe: "*Izaho ve* no filohan'ny sampana?"

Nolazaiko tamin'ireo Olomasina maro izay nandalo fahasarotana tao anatin'ireo taona maro nifandimby fa raha afaka mivoatra ao amin'ny filazantsara aho dia afaka daholo na iza na iza. Ny ilaina amin'izany dia ny fahatakarana ny tena herin'ny Mpamonjy sy ny Sorompanavotany ary ny fanaovana ireo dingana ilaina mba hanatonana Azy.

Ho feno fankasitrahana mandrakizay amin'ny vady aman-janako aho ary ireo mpampianatra isantokantrano mahatoky, ireo mpitarika tao amin'ny kôlejy, ireo eveka, ary ireo Olomasina hafa mahatoky izay naneho ohatra tena mahafinaritra toy izany tamiko. Tombontsoa lehibe ho ahy ny nanompo ny Tompo sy ireo Olomasina nandritra izay 20 taona izay. Notahiana mihoatra izay zavatra azoko noheverina ny fiainako. ■

*Ny mpanoratra dia monina any Illinois, Etazonia.*

SARY NATAON'I MARK SMITH © 2016

# FANDIKANA NY SORATRA MASINA: AMIN'NY fitenin' NY fontsika

Tsy vaovao amin'ireo izay efa nandray anjara tamin'ny fandikana ny soratra masina miainga amin'ny teny Anglisy mankany amin'ny fiteny hafa izany toe-javatra izany. Miverimberina miseho izany:

Nisy tovolahy Arimeniana iray izay nihazona Bokin'i Môrmôna iray nadika vao haingana tamin'ny fiteniny nanatona ny mpikambana iray tao amin'ilay vondron'olona nanampy tamin'ny fandikan-teny: "Misaotra," hoy izy. "Efa namaky ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny teny Anglisy aho. Efa namaky ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny teny Rosiana aho. Efa namaky izany tamin'ny teny Okireniana aho. Saingy tsy tena takatro tsara izany raha tsy efa namaky izany tamin'ny teny Arimeniana aho. Rehefa namaky izany tamin'ny teny Arimeniana aho dia nazava ihany izany tamin'ny farany. Toy ireny hoe tonga ao an-trano fonenana ireny izany."

**Tonga ao an-trano fonenana**

Raha toa ka ny filazantsaran'i Jesoa Kristy no trano fonenantsika ara-panahy dia tena rariny raha toa ka mampahazo aina sy toy ny zavatra mahazatra izany. Miala sasatra isika ao an-trano. Mikolokolo ny tenantsika isika. Miresaka amin'ireo izay tiantsika amin'ilay fiteny nampianarin'ny renintsika antsika isika. Ny fitenin'ny fontsika izany ary satria ny fo no tsy maintsy kendren'ny filazantsara, dia tena zava-dehibe ny famakiana ny soratra masina amin'ny fitenin'ny fontsika.

Manambara ny fahamarinan'izany ny Fotopampianarana sy Fankempihavanana. Nambaran'ny






SARIN'IREO PEJIN'NY BOKIN'I MÔRMÔNA AMIN'NY TENY JAPÔNEY, PÔRTOGEY ARY ALEMANA NALAIN'I LAURA SEITZ, *DESERET NEWS*

**TSY TAMBO ISAINA IREO TOE-JAVATRA NISEHO IZAY NANEHO NY FIASAN'NY TANAN'NY TOMPO AO ANATIN'NY ASA FANDIKANA NY SORATRA MASINY.**

**Nosoratan'i R. Val Johnson**
Gazetibokin'ny Fiangonana



*Mandona ny fo mafy kokoa ny soratra masina rehefa vakina amin'ny fitenin-drazantsika—ilay fitenin'ny fontsika.*

*Efa nadika tamin'ny fiteny miisa 89 ny Bokin'i Môrmôna iray manontolo, ary efa nadika tamin'ny fiteny hafa miisa 21 ny sombiny avy amin'izany.*

Tompo ao anatin'izany fa amin'ny alalan'ireo fanalahidin'ny fisoronana hazonin'ny Fiadidiana Voalohany dia, "hampisehoana amin-kery ny sandrin'ny Tompo ho fandresen-dahatra ny firenena . . . ny amin'ny filazantsaran'ny famonjena azy ireo.

"Fa ny zavatra hitranga amin'izany andro izany dia handre ny fahafenoan'ny filazantsara amin'ny teniny avy ny olona tsirairay ary amin'ny fiteniny avy amin'ny alalan'ireo izay voatokana ho amin'izany hery izany amin'ny fitaoman'ny Mpampionona nalatsaka tamin'izy ireo ho fanambarana an'i Jesoa Kristy" (F&F 90:10–11).

I Jim Jewell izay niasa tao amin'ny sehatra misahana ireo vondron'olona manao ny fandikana ny soratra masina tany amin'ny foiben'ny Fiangonana, dia nitantara ny mahalasa akaikin'ny tena manokana ny soratra masina rehefa voadika amin'ny fitenin'ny fo izany:

"Rehefa nadika tamin'ny fiteny Sesotho ny Bokin'i Môrmôna, izay fiteny fampiasa ao amin'ny firenena Afrikanin'i Lesotho, dia nila nitady olona mba hanampy anay hanombantombana ny asa nataon'ilay vondron'ny mpandika teny izahay. Nahita mpikamban'ny Fiangonana anankiray avy any Lesotho izay mpianatra nahazo mari-pahaizana tao amin'ny Utah State University i Larry Foley, izay tompon'andraikitr'ilay fandaharanasa. Ny teny Anglisy no teny enti-mampianatra ao Lesotho. Noho izany dia nianatra ny teny Anglisy nanomboka tany amin'ny ambaratonga fototra io vehivavy io sy ny zanany, saingy mbola mifampiresaka amin'ny teny Sesotho izy ireo.

"Nanaiky ny hanao ilay asa mikasika ilay fandikan-teny izy. Tena nanampy ny fanombantombanana nataony tamin'ireo toko nalefanay tany aminy. Nalefanay toy ny mahazatra ireo fanontaniana manokana momba ny voambolana sy ny firafitry ny teny izay novaliany tamin'ny alalan'ny fanomezana fanamarihana tena nanampy. Tsikaritray anefa fa navahany tamin'ny loko mavo ny andinin-tsoratra masina maro izay tsy nifandray tamin'ireo fanontananiana napetrakay. Rehefa nanontanianay mikasika ireo andinin-tsoratra masina nolokoina izy dia nilaza hoe: 'Hay ve e! soratra masina nanohina lalina ny foko ireo izay tsy takatro tanteraka tamin'ny teny Anglisy. Nolokoiko izy ireo mba hahafahako mampianatra izany amin'ny zanako.'"

## Rafitry ny fandikana ny soratra masina

Manana tantara lava sy mahavariana ny fandikana ny Baiboly nanomboka tamin'ny fandikana ny ampahan'ny Testamenta Taloha niainga tamin'ny teny Hebreo nankany amin'ny teny Grika. Taty aoriana dia nadika niainga tamin'ny teny Grika nankany amin'ny teny Latina ny Baiboly ary avy amin'ny teny Latina, Hebreo sy Grika nankany amin'ny teny maro dia maro hafa.[1] Vokatr'izany dia tsy mandika ny Baiboly amin'ny fiteny maro samihafa ny Fiangonan'i Jesoa Kristy ho an'ny

**"FA NY ZAVATRA HITRANGA . . . DIA HANDRE NY FAHAFENOAN'NY FILAZANTSARA AMIN'NY TENINY AVY NY OLONA TSIRAIRAY ARY AMIN'NY FITENINY AVY, AMIN'NY ALALAN'IREO IZAY VOATOKANA HO AMIN'IZANY HERY IZANY" (F&F 90:11).**



## NY DINGANA ARAHINA EO AMIN'NY FANDIKANA NY SORATRA MASINA

1

**Fankatoavana ny fandikana**

- Angatahan'ny Fiadidiana Voalohany ny fandikana ny soratra masina rehefa mitombo ny isan'ny mpikamban'ny Fiangonana miteny ilay fiteny ary rehefa voadika amin'izany fiteny izany ireo boky fototra ampiasain'ny Fiangonana.
- Dinihin'ny kômity maro dia maro any amin'ny foiben'ny Fiangonana ilay fangatahana ka tafiditra ao anatin'izany ny Fiadidiana Voalohany sy ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo ary ny Episkôpà Mpiahy.

2

**Ireo ambaratonga ao anatin'ny fandikan-teny**

Ambaratonga fototra:

- Misy dikantenin'ny Baiboly fidina mba ho ampiasain'ny Fiangonana.
- Hadika voalohany aloha ireo boky fototra: *Votoatin'ny Filazantsara* (ahitana ireo fotopampianara fototra ary koa ny anaran'ny Fiangonana, ny vavaky ny fanasan'ny Tompo sy ny vavaky ny batisa ary ny fanekem-pinoana), ilay boky kely *Ny fanambaran'ny Mpaminany Joseph Smith*, ary ny pejy iray ao amin'ny tranonkala ao amin'ny LDS.org.
- Azo adika amin'ilay fiteny koa ny Fihaonamben'ny Fiangonana.

Ambaratonga 1:

- Ny Bokin'i Môrmôna, Fotopampianarana sy Fanekempihavanana ary ny Voahangy Lafo Vidy (asa vitaina mandritra ny 10 taona eo ho eo).
- Ireo lahatsoratra fototra toy ny "Ny Fianakaviana: Fanambarana ho an'izao tontolo izao," "Ilay Kristy Velona: Tenivavolombelon'ny Apôstôly," hira notsongaina avy ao amin'ny fihirana ary *Torio ny Filazantsarako*.



Olomasin'ny Andro Farany fa mampiasa ireo dikanteny izay efa eken'ireo Kristiana mampiasa ireo fiteny ireo fa misongadina.[2]

Noho izany ny ankamaroan'ny soratra masina hadikan'ny Fiangonana dia ny Bokin'i Môrmôna (nadika voalohany indrindra), ny Fotopampianarana sy Fanekempihavanana, ary ny Voahangy Lafo Vidy. Ny teny niaingana mba handikana ireo boky ireo dia ny teny Anglisy, ilay fiteny nentin'ny Mpaminany Joseph Smith nanambarana azy ireo, ny fitenin'ny fony. Tokony ho zavatra fantatr'ireo mpianatra ny tantaran'ny Fiangonana tsara ny dingana arahina eo amin'ny fandikana ny soratra masina amin'ny fiteny izay tsy teny Anglisy. Dingana mitovitovy amin'izany ihany no nampiasain'ny Mpaminany mba handikana ny Bokin'i Môrmôna amin'ny teny Anglisy.

Tovolahy nanetry tena izay lehibe tany amin'ny toeram-piompiana sy fambolena i Joseph Smith ary tsy nandia fianarana firy. Kanefa nanana ny toetra tsara sy ny hery anaty izay nilain'ny Tompo tamin'ilay asa nilaina natao izy. Tena nomanina sy napetraka tany amin'ny toerana tokony hisy azy ireo tokoa i Joseph sy ny fianakaviany mba hanatanteraka io asa io.[3]

Nomena fanampiana koa i Joseph —fanampiana avy amin'Andriamanitra sy fanampiana avy amin'olona—rehefa nandika ireo rakitsoratry ny Nefita. Namangy isan-taona an'i Joseph ny anjely Môrônia tao anatin'ny efa-taona talohan'ny nanomezany lalana azy haka ireo rakitsoratra. Tsy fantatsika ny zavatra rehetra nampianarin'i Môrônia ny Mpaminany, saingy raha ny hita dia nanomana azy ara-panahy sy ara-tsaina tamin'ilay asa niandry azy ireo famangiana ireo.[4]

Nanomana mialoha ireo "fandikanteny" koa ny Tompo mba ho fitaovana enti-mandika fiteny very iray. Vato mazava anankiroa izay mipetraka amin'ny tahony vy ny endriny. Nanampy ny Mpaminany handika ireo rakitsoratry ny Nefita tamin'ny teny Anglisy izy io sy ilay fitaovana mitovitovy amin'izany ihany izay antsoina hoe vato mpahita. Tsy nilaza tamin'ny antsipiriany ny dingana narahina ny Mpampinany fa nijoro ho vavolombelona tsotra fotsiny izy fa nandika ny Bokin'i Môrmôna tamin'ny alalan'ny "fanomezam-pahasoavana sy ny herin'Andriamanitra."[5]

Ankoatra ilay fanampiana avy amin'Andriamanitra nomena azy dia nahazo fanampiana avy amin'olona koa i Joseph tamin'ny alalan'ireo mpitantsoratra izay namokatra ilay tahadika natao soratanana ka narindran'ny hafa ny endriny, dia natao printy sy namoaham-bola ary naparitaka manerana an'izao tontolo izao izany.

Ireo izay nomena andraikitra hanao asa fandikana ny soratra masina amin'izao fotoana izao dia omanin'ny Tompo sy omena fanampiana amin'ny asany—fanampiana avy amin'Andriamanitra sy avy amin'olona, mitovy amin'ny fanampiana noraisin'i Joseph tao anatin'ny asa fandikan-teny nataony ihany.

### Asa mifono fanambarana

Ny dingana arahina amin'ny fandikan-teny izay sarotra dia tarihin'ny hery ara-panahy izay "fanambarana amin'ny alalan'ny filankevitra" angamba no tena tsara hamaritana azy. Ireo olona roa na telo voafidy ho mpandika teny dia miara-miasa amin'ny olona hafa eo amin'ny fanaovana ny asa. Manana mpiandraikitra any amin'ny foiben'ny Fiangonana izy ireo, sy mpamerina mandinika ny asa eo an-toerana ary lisitr'ireo voambolana hanovozan-kevitra,[6] torolalana mikasika ny fandikan-teny, fitaovana enti-miasa ampidirina ao amin'ny solosaina, ary fanohanana avy amin'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana izay tonga hatrany



amin'ny Fiadidiana Voalohany. (Jereo ity fanehoana an-tsary miaraka aminy ity.) Rehefa maneho ny fankatoavany farany ilay asa nadika anankiray ny Fiadidiana Voalohany dia alefa arindra ny endriny, dia atao printy ary zaraina. Rehefa voaomana amin'ny endriny numérique izany dia apetraka ao amin'ny LDS.org ary ao amin'ny application Gospel Library.

Sady mafy no miaraka amin'ny fitaoman'ny fanahy izany asa tontosaina ao anatin'ny fiaraha-miasa izany. Tafiditra ao anatin'izany ny fifantohana amin'ny fomba hentitra amin'ny kalitaon'ny ao anatin'ilay asa sy ny kalitaon'ilay fitaovana hamoahana izany. Averina dinihina ao anatin'ny ambaratonga maro ireo asa nadika, indrindra ny fandinihana ataon'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana izay mikatsaka ny fankatoavan'ny Tompo. Tsy afaka mandroso ny asa nadika iray raha tsy efa azo izay fankatoavana izay. Na dia tsy tena hoe mandray fanambarana toy ny tamin'ny nandikan'ny Mpaminany Joseph Smith ny Bokin'i Môrmôna aza, dia tarihin'ny Tompo mazava tsara ny dingana arahina—amin'ny alalan'ny fanomezam-pahasoavany sy ny heriny.

Tsy midika izany akory hoe tonga lafatra ny zavatra nadika iray rehefa vita tanteraka. Matetika, rehefa mandeha ny fotoana ary rehefa misy ny fandinihana fanampiny ataon'ireo mandalina ny soratra masina dia misy ny sosokevitra mivoaka hanatsarana ny fitsipi-panoratana sy ny voambolana na hita ny fisian'ny diso teo amin'ny fandrindrana ny endriny na ny tsipelina. Mahalana vao misy fanovana eo amin'ny lafin'ny fanazavana ny fotopampianarana. Rehefa atao ireo dia atao eo ambany fitarihan'ny Fiadidiana Voalohany.

### Manampy ny Tompo

Manohana ity asa fandikan-teny ity amin'ny fomba hafa koa ny Tompo. Matetika ny vondron'ny mpandika teny dia mitatitra fa rehefa misy zavatra ilaina dia manampy ny Tompo.

Ohatra iray ao anatin'ny maro maneho izany ny filana mpandika teny iray mba hanao fandikana sy firaketana amin'ny horonana ny bokin'ny Fiangonana tamin'ny fiteny Mam (taranaky ny fiteny Maya, izay ampiasaina any Guatemala). Nisy elder iray teo anivon'ireo misiônera voalohany voantso hanompo tany Guatemala izay nanana dadabe niteny ny fiteny Mam. Lehibe tany an-drenivohitra io misiônera io ary tsy niteny afa-tsy Espaniôla. Saingy tonga namangy azy tao anatin'ny nofy ny raibeny isaky ny alina ary nampianatra azy ny fiteny Mam. Io elder tanora io no lasa mpandika amin'ny fiteny Mam voalohany tao amin'ny Fiangonana.

Matetika ny asa fandikan-teny no tanterahina ao anatin'ny fahafoizantena manokana lehibe. Miankina amin'izay toe-javatra iainana ara-bola, ny mpandika teny sasany dia manao asa soa ary ny hafa dia mandray vola mba hahafahan'izy ireo manana fotoana ifantohana amin'ny fandikan-teny.

Ilay lehilahy lasa iray tamin'ireo mpandika teny Ordo dia niditra ho mpikamban'ny Fiangonana tany Pakistan fony izy mpampianatra. Noho izany fiovampony izany dia namoy ny asany sy ny trano izay nomen'ilay sekoly nampianarany izy ary tsy nahazo nampianatra ny zanany tao intsony. Nisy tompon'andraikitra irain'ny fandikan-teny tao amin'ny Fiangonana niresaka taminy raha te ho mpandika teny izy ka hotolorany karama antonony. Volana vitsivitsy taorian'ny niasany tamin'ny naha-mpandika teny azy, dia niresaka tamin'ilay tompon'andraikitry ny fandikan-teny ilay lehilahy ary nangataka tamim-pahasarotankenatra raha toa ka mba afaka mividy stylo à bille vaovao ho azy izy. Lany ny ranomaintin'ilay anankiray nampiasainy. Tamin'izay vao hitan'ilay tompon'andraikitry ny fandikan-teny ny fisian'ny fahadisoana teo amin'ny asa

Ambaratonga 2:

- Azo angatahina ny boky maro hafa toy ny gazetiboky *Liahona*, bokin'ny seminera sy institiota, boky ho an'ny fampianarana Alahady, fihirana sy hiran'ny ankizy, boky mikasika ny tempoly sy ny fianakaviana, ary fandikana ireo fampitana ho an'ny tsatòka sy ny faritra.

**3 Vondrona manan-danja mpanatanteraka ny asa**

Vondron'ny mpandika teny:

- Mpikamban'ny Fiangonana roa na telo izay mendrika ary manana fahalalana ampy mahakasika ny filazantsara.
- Ampiana amin'ny alalan'ny fanoroana amin'ny fandikanteny ho an'ny andininy tsirairay sy ny lisitr'ireo voambolana ary tompon'andraikitra misahana ny fandikan-teny any amin'ny foiben'ny Fiangonana.

Kômitin'ny mpitarika ao amin'ny Fiangonana mamerina mandinika ny fandikan-teny:

- Lehilahy sy vehivavy telo ka hatramin'ny dimy izay mpitarika ao amin'ny Fiangonana ao amin'ilay vondrom-paritra.
- Antsoina sy atokana mba hanampy amin'ny famerenana ny fandinihana ilay fandikan-teny hijerena raha mora vakina sy takatra izany ary raha marina ny fotopampianarana ao anatiny.
- Tsy atao ny fanovana teny raha tsy rehefa eken'ny kômity tanteraka izany ary mifanaraka amin'ny fanoroana amin'ny fandikan-teny ireo zavatra novaina ireo.

Mpikambana mamerina ny fandinihana:

- Mamerina mandinika ilay fandikan-teny koa ny mpikamban'ny Fiangonana eo an-toerana.
- Manao tatitra mikasika ny fahazavan'ny teny sy ny fahamarinany izy ireo.
- Ny fahazavan'ny fandikan-teny dia manome antoka fa afaka mijoro ho vavolombelona mikasika ny fahamarinan'ireo fampianarana ny Fanahy Masina.

***Ny dingana arahina amin'ny fandikana ny soratra masina dia ahitana ny fampiasana ny saina ary koa ny fo, faharanitan-tsaina ary fitarihana ara-panahy.***

nataony ka nanao fanitsiana izy, ary izany dia nahatonga azy handray vola latsaky ny tokony horaisiny.

Saingy tahian'ny Tompo ireo mpandika teniny toy ny nitahiany an'i Joseph Smith tamin'ny fomba izay nahafahany namita ny asany. Ohatra, ilay mpandika ny soratra masina tamin'ny fiteny Letôniana dia mpitsara nianatra lalàna tany Rosia izay toerana niovany fo ho amin'ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny. Nanangana ny orinasany izy rehefa niverina tany Lettonie. Efa filohan'ny sampana koa izy. Tena be zavatra natao izy saingy nilain'ny Fiangonana izy sy ny fifehezany ny teny Anglisy.

Nangataka fotoana mba hivavahana mikasika ilay fangatahana izy satria ny fanekena izany araka ny nolazainy an'ilay mpiandraikitra tao amin'ny Fiangonana dia ho toy ny "fampihenana ny sakafo miditra ao am-bavan'ny zanany." Taorian'ny vavaka nataony dia nanapa-kevitra izy fa hanaiky saingy nangataka tamin'ny Tompo mba hanome azy ireo fitaovana ahafahana manatanteraka izany asa sarotra sy mitaky fahamasinana ary fotoana betsaka izany.

Nanomboka nandeha tany amin'ny biraony adiny iray mialoha izy isan'andro ary nampiasa izany ora izany mba handikana ny bokin'i Môrmôna. Vitany latsaky ny dimy taona izay fotoana mahazatra tokony hamitana ilay asa izany. Raha ny marina dia iray amin'ireo fandikan-teny faran'izay haingana indrindra taorian'ny an'i Joseph izay nandika ny Bokin'i Môrmôna tao anatin'ny 60 andro teo ho eo izany.

**AO ANATIN'NY ASA FANDIKANA NY SORATRA MASIN'NY TOMPO DIA MAZAVA FA ASANY ITY. MANOMANA NY OLONA HANANA IREO FITAOVANA ILAIN'IZY IREO IZY MBA HANAFAINGANANA NY ASA ARY MANENTANA NY FANAHIN'IZY IREO SY MITAHY AZY IREO ENY AN-DALANA ENY.**




Toe-javatra niseho maro kokoa no azo tantaraina izay maneho ny fiasan'ny tanan'ny Tompo ao anatin'ny asa fandikana ny soratra masiny. Nanambara mazava izy rehetra fa asany ity ary miahy lalina izany izy. Manomana olona hanao ny asany Izy. Manomana ireo fitaovana ilain'izy ireo Izy mba hanafainganana ny asa. Ary manentana ny fanahin'izy ireo sy mitahy azy ireo Izy eny an-dalana eny.

Ny vokany dia tontolo miroborobo amin'ny alalan'ny tenin'Andriamanitra izay omena ny zanany amin'ny fiteninny fo. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jereo ny the eight-part series, "How the Bible Came to Be," nosoratan'i Lenet H. Read navoaka tao amin'ny *Ensign* teo anelanelan'ny janoary sy septambra 1982.
2. Jereo mba hahitana ohatra ny, "Church Edition of Spanish Bible Now Published," mormonnewsroom.org.
3. Jereo ny Matthew S. Holland, "The Path to Palmyra," *Liahona,* jona 2015, 14–19.
4. Jereo ny Kent P. Jackson, "Moroni's Message to Joseph Smith," *Ensign,* aog. 1990, 12–16.
5. Joseph Smith, ao amin'ny teny fanolorana ny Bokin'i Môrmôna. Mba hahitana fanazavana bebe kokoa momba ny fandikan'i Joseph Smith ny Bokin'i môrmôna dia jereo ny Gospel Topics, "Book of Mormon Translation," topics.lds.org.
6. Ilay lisitr'ireo voambolana dia manazava ny teny rehetra ao amin'ny soratra masina amin'ny teny Anglisy mba hahatakaran'ireo mpandika teny tsara kokoa ny dikan'ireo teny. Matetika dia manana dikany mihoatra ny anankiray ny teny, noho izany dia tsy maintsy miantehitra amin'ny sahan-kevitra sy ny fanentanan'ny fanahy ary ny fiarahana miasa amin'ny olona ao anatin'ny vondron'ny mpandika teny ireo mpandika teny mba hahitana ny vahaolana. Indraindray dia ny Fiadidiana Voalohany ihany no mahavaly ireo fanontaniana.



**Nosoratan'ny Filoha Russell M. Nelson**
Filohan'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# FOTOANA AN'NY misiônera zokiolona

*Ny iray amin' ireo fomba tsara indrindra hanorenan'ireo mpivady zokiolona fahatsiarovana goavana dia ny fiarahana manao asa fitoriana.*

Rehefa manadino zavatra ireo namanay izay 60 na 70 taona dia matetika no antsoinay amim-panihaniana hoe "fotoana an'ny zokiolona" ilay fotoana kely tsy hahatadidiavana zavatra. Saingy te hiresaka momba ny karazana fotoana an'ny zokiolona iray hafa aho—fotoana iray tena goavana tokoa ka haharitra mandrakizay ny fahatsiarovana izany. Izany dia ny fotoana ahafantaran'ireo misiônera mpivady zokiolona manao asa fitoriana fa manao izay asain'ny Tompo ataony tokoa izy ireo. Amin'ny fotoana tsy hay hadinoina toy izany dia fantatr'izy ireo fa:

- Manana traikefa azo nandritra ny fiainana hozaraina izy ireo, ary talenta, sy fahaiza-manao, ary fahatakarana ny filazantsara izay azony ampiasaina mba hitahiana ny hafa.
- Fitahiana ho an'ireo zanany sy ny zanaky ny zanany ny ohatra asehon'izy ireo.
- Manorina finamanana maharitra izy ireo rehefa manompo.
- Mihamatanjaka isan'andro ny fanambadian'izy ireo.
- Mamy ny fanompoana amin'ny Anarany.

### Fotoana fanatanterahana

Ry mpivady zokiolona namako isany, tokony hiezaka ny hiaina fotoana toy izany ny ankamaroanareo. Saintsaino ilay tantara izay nolazain'ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo momba ny zavatra afaka nataon'ny mpivady zokiolona iray izay nanompo tany Chili. Nodimandry ny iray tamin'ireo ray amandrenin'ny iray tamin'ireo misiônera tanora. Tena lavitra tokoa ny nisy ny filohan'ny misiôna ka tsy afaka nandeha faingana tany amin'ilay misiônera izy.

"Nisy misiônera mpivady zokiolona mahafinaritra [matotra] anefa nanompo tao amin'ilay faritra," hoy ny Loholona Holland. "Tonga sy niara-nipetraka tamin'izany misiônera izany izy ireo ka nikarakara sy nankahery azy tamim-pitiavana mandra-pahafahan'ilay filohan'ny misiôna nifandray mivantana taminy. Nanana misiônera tanora mahafinaritra izahay tao amin'ireo misiônanay, saingy tsy nisy misiônera tanora na iray aza afaka nanao ny zavatra azon'izany mpivady izany natao tamin'izany misiônera izany."[1]

Ny fahaiza-manao nasehon'izy ireo tamin'izay fotoana izay dia ny mitondra fangorahana tsotra tamin'ny fotoana nanahirana iray. Tsy niahiahy momba izay fahaizana miteny fiteny hafa ankoatra ny fitenin'ny fitiavana araka an'i Kristy izy ireo. Tsy niahiahy mikasika ny tsy fahafahana manatrika ny tsingerintaona nahaterahan'ny zafikely iray na ny fitsofandrano ny zaza iray izy ireo, na dia manan-danja tokoa aza ireo fotoana ireo. Niahiahy momba ny hahatongavana any amin'ny toerana hahafahan'ny Tompo mampiasa azy ireo mba hitahy ny fiainan'ny iray amin'ireo zanany izy ireo. Ary satria vonona izy ireo dia afaka namela azy ireo hisolo tena Azy Izy.

### Mahalana izany hoe mora ny fanompoana

Ny marina dia tsy misy misiônera zokiolona mahita fa mora ny mandao ny tokantrano. Nahita izany koa i Joseph Smith, Brigham Young, John Taylor, sy Wilford Woodruff. Nanana zanaka sy zafikely ihany koa izy ireo, ary tiany ny fianakaviany tahaka ny hitiavantsika ny antsika. Tian'izy ireo ihany koa anefa ny Tompo ary naniry hanompo Azy izy ireo. Mety hahita ireo olo-manga ireo izay nanampy tamin'ny fanorenana ity fotoampitantanana ity isika indray andro any. Ary rehefa mahita azy ireo isika dia ho faly fa tsy nisitrisitrika tamin'ny fotoana tokony hanompoantsika.

Ny sasany mety ho tia kokoa ny manompo fa mipetraka any an-trano ihany. Rehefa tapaka lalan-drà i Aase

Schumacher Nelson (tsy mpihavana) ka tsy afa-miala eo ambony seza misy kodiarana dia natahotra izy sao tsy ho tanteraka ilay faniriany hatry ny ela mba handeha hanao asa fitoriana miaraka amin'ny vadiny. Dia niresaka tamin'izy ireo momba ny fanaovany asa fanompoana ato amin'ny Fiangonana ao amin'ny trano fitehirizan'ny eveka ny mpifanolobodirindrina iray. Rehefa nahazo fankaherezana izy ireo dia niresaka tamin'ny tompon'andraikitra iray tao amin'ilay toerana, dia nameno ny taratasy fanolorana azy ireo, ary voantso hanompo roa andro isan-kerinandro ao amin'ny trano fitehirizana akaikin'ny tranon'izy ireo.

"Mora ny maka aina dia mieritreritra fotsiny hoe, 'Tsy ilaina intsony aho e!'" hoy i Aase Nelson. "Saingy tsapako izao fa ilaina *aho*. Ary fijoroana ho vavolombelona ho ahy izany."



*Mankafy ny hamamin'ny fiarahana manompo ny mpivady iray any Séoul, Kôrea Atsimo.*

### Tena ilaina tokoa ianareo

Raha toa ka halaim-panahy ianareo hihevitra ho tsy ilaina dia avelao aho hanome toky anareo indray fa ilaina ianareo. Tsy misy filohan'ny misiôna ato amin'ny Fiangonana ka tsy maniry ny hanana mpivady fanampiny hanompo ao amin'ny misiônany. Manome tanjaka ireo misiônera tanora lahy sy vavy ireo zokiolona. Manolotra fanohanana izay manampy ny hafa hanompo tsara kokoa ao amin'ny andraikiny manokana izy ireo. Ary azonareo alaina sary an-tsaina ve ny dikan'izany ho an'ny mpitarika iray izay vao mpikambana nandritra ny taona vitsivitsy ka afaka mahazo ny fanampian'ireo mpikambana efa tranainy toy izany? Matetika no valim-bavaka ara-bakiteny ho an'ireo eveka sy filohan'ny sampana ny mpivady zokiolona.

Mamporisika ireo filohan'ny misiôna izahay mba hitady mpivady hanampy amin'ny zavatra ilain'izy ireo ao amin'ny misiônany. Tokony hitady mpivady izay afaka hanompo ireo eveka. Ny LDS.org dia mitanisa ireo fahafahana manompo maro dia maro ho an'ireo mpivady zokiolona. Fa ny manan-danja indrindra dia azon'ireo mpivady atao ny mandohalika ka manontany ny Ray any An-danitra raha toa ka izao no fotoana tsara indrindra ho azy ireo hiarahana manompo. Ao anatin'ireo fepetra takina rehetra dia ny *faniriana* hanompo no mety zavatra manan-danja indrindra (jereo ny F&F 4:3).

Eto am-panindrahindrako ny asan'ireo misiônera zokiolona dia fantatro fa maro ireo izay te hanompo kanefa tsy afaka manao izany. Mendrika fanombantombanana mifanaraka amin'ny zava-misy ireo famerana ateraky ny taona sy ny tsy fahasalamana, ary tokony ho izany koa ny mikasika ireo zavatra manan-danja ilain'ny olona ao amin'ny fianakaviana. Rehefa miredareda ao anaty ny faniriana kanefa misy ny famerana toy izany dia afaka ny ho tananareo sy tongotrareo ny hafa, ary afaka manolotra ny vola ilaina amin'izany ianareo.

Ry mpivady zokiolona, na iza ianareo na iza ary na aiza na aiza misy anareo, mivavaha momba izany fahafahana manompo izany mba hiarahana mamorona fotoana mahafinaritra an'ny misiônera zokiolona. Hanampy anareo hahafantatra ny zavatra azonareo atao ny Ray any An-danitra. ■

**FANAMARIHANA**

1. Jeffrey R. Holland tao amin'ny Joseph Walker: "Elder Jeffrey Holland: LDS Church Desperately Needs More Senior Missionaries," *Deseret News,* 14 sept. 2011, 3.











*Eny amin'ny tampony: Mihaona tsy tapaka amin'ny Filoha Robison ry Malmrose mivady mba hiresahana ny fomba ahafahana mampiasa ny talentan'izy ireo rehefa manompo. Eo ambony: Milaza ireo tanora misiônera any amin'ny foibe fanofanana any Accra, Ghana, fa ny fahazoana fanohanana avy amin'i Elder sy Rahavavy Malmrose dia toy ny fananana reny sy ray faharoa izay miara-manompo amin'izy ireo.*






## NA ANY AMIN'NY TOERAM-PONENANY NA LAVITRA NY TOERAM-PONENANY

***Na any amin'ny toeram-ponenany na lavitra ny toeram-ponenany izy ireo no manompo, dia "tonga sy manampy" ireo misiônera mpivady zokiolona any amin'ireo paroasy sy sampana, biraon'ny misiôna, ivontoerana ho an'ny mpitsidika, tempoly, misiôna misahana ireo faritra misy olona sahirana, asa fitsaboana, ivontoerana fanampiana, ivontoerana misahana ny asa, fandaharanasa mikasika ny fizakan-tena, fandaharanasa misahana ny fandresena ireo fiankinan-doha, tantaram-pianakaviana, fitehirizana ireo firaketana, Departemantan'ny Fampianarana an'ny Fiangonana, fifandraisana amin'ny any ivelany, asa fanampiana olona ary maro hafa koa. Ary mitombo ny filana mpivady bebe kokoa.***








# Misiônera zokiolona:

## ILAINA, TAHINA ARY TIANA

*Mety ho mora kokoa sy tsy mandany vola loatra ary mahafinaritra kokoa noho izay nieritreretanareo azy ny manompo amin'ny maha-mpivady misiônera.*

**Nosoratan'i Richard M. Romney**
Gazetibokin'ny Fiangonana

### "Afaka ny ho tonga ka hanampy ve ianareo?"

Fanontaniana efa novalian'i Gerald sy Lorna Malmrose avy any Washington, Etazonia izany tany aloha tany. Namaly ilay antso izy ireo rehefa nangatahan'ilay evekany taloha, izay filohan'ny misiôna tamin'izany fotoana izany, raha afaka manompo any Antilles miaraka aminy izy ireo. Mbola namaly ny antso indray izy ireo rehefa nantsoin'ny filohan'ny tsatòkany mba hanatanteraka asa fanompoana any amin'ny foiben'ny Fiangonana any Salt Lake City, Utah, Etazonia, ka hisahana asa mikasika ny solosaina sy ireo mpiasa.


Rehefa niantso azy ireo indray i Reid Robison ilay evekany sy filohan'ny misiônany taloha ary tamin'izay fotoana izay izy filohan'ny ivontoerana fanofanana misiônera tany Accra, Ghana, dia nanontany raha mba afaka manampy indray ry Malmrose mivady.

"Fantatray fa afaka matoky ny Tompo izahay," hoy i Elder Malmrose. "Noho izany dia nanapa-kevitra ny hatoky azy indray izahay." Nanaiky izy ireo ary nameno ny taratasy fanolorana azy ireo dia nandray ny antsony ary vetivety dia tonga tany Ghana.

### Mpivady manompo

Ireo zavatra niainan-dry Malmroses dia mampiseho fitsipika sasantsasany mikasika ny mpivady zokiolona manao asa fanompoana izay mety tsy dia takatry ny olona maro loatra:

- *Misy karazany roa ny asa fanompoana.* (1) Miantso mpivady zokiolona ny Filohan'ny Fiangonana mba hanompo na any amin'ny fonenany any ihany na lavitry ny fonenany. (2) Miantso mpivady misiônera mpanao asa soa ho an'ny Fiangonana mba hisahana andraikitra eo an-toerana na eo amin'ny faritra mandritra ny fotoana voafetra izay eo amin'ny 8 ora ka hatramin'ny 32 ora isan-kerinandro ny filohan'ny tsatòka. Mipetraka sy manompo eo an-toerana izy ireo raha ny mahazatra saingy indraindray dia mety manompo lavitry ny fonenany.
- *Amporisihina ireo filohan'ny misiôna mba hitady mpivady afaka misahana ny zavatra ilaina ao amin'ny misiôna misy azy ireo, ary afaka milaza izay zavatra mba tiany hatao ireo mpivady ireo.* "Tsy milaza akory izahay hoe afaka mifidy manokana izay andraikiny ao anatin'ny asa fanompoany ny mpivady," hoy ny Loholona Jeffrey R. Holland ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roa ambin'ny folo raha nanazava izany. "Ny antso dia mitoetra ho antso. . . . [Kanefa] resahanay miaraka amin'ireo mpivady zokiolona ireo ny asa fanompoana mba tian'izy ireo hatao, dia atao ny fandinihana rehetra mba hamelana azy ireo hanompo any amin'izay toerana tiany hanompoana sy hanekena ny fomba tiany hanompoana."[1]
- *Mifampiresaka amin'ireo filohan'ny misiôna ireo mpivady mikasika ny fomba ahafahana mampiasa tsara ny fahaiza-manaon'izy ireo.* "Mba hiainana zavatra tena miavaka amin'ny maha-mpivady zokiolona," hoy



## ATAOVY IZAY AHAFAHANAREO MANOMPO

"Mila mpivady zokiolona maro, maromaro kokoa isika. . . . Ataovy izay ahafahanareo manompo . . .Vitsy ny fotoana eo amin'ny fiainanareo izay [tena] hahatsapanareo ilay fanahy tena tsara sy ilay fahafahampo izay tsapa noho ny fiarahana [manompo] ao amin'ny asan'ny Tompo."

**Filoha Thomas S. Monson "Eto am-pihaonana indray isika izao," *Liahona,* nôv. 2010, 6.**





ny Filoha Robison, "dia mila manana fahafahana miasa ao anatin'ireo sehatra izay sady tianao no hainao ianao ka mahatonga anao hahatsapa fa manana zavatra atolotra ianao."

Ohatra, fantatry ny Filoha Robison fa miteny Frantsay i Elder Malmrose izay tena manampy satria maro ny Afrikana miteny Frantsay. "Nalaiko sary an-tsaina ho toy ny olona hisahana ny lafin'ny fanaovana dia sy ny fikarakarana ny visa izy," hoy ny Filoha Robison. "Saingy rehefa tonga teto izy dia tsapako fa tsy izay ny zavatra tena mahaliana azy. Noho izany dia nasaiko izy mba hampiasa ny fahaiza-manaony amin'ny fikirakirana solosaina. Nanokana ora maro dia maro izy ho anay." Nanampy ireo misiônera koa i Elder Malmrose indrindra ireo misiônera miteny Frantsay mba hanomana anarana sy hanao asa any amin'ny tempoly ho an'ny fianakavian'izy ireo. Rahavavy Malmrose, izay manana mari-pahaizana mpanampy ara-pitsaboana dia notendrena hiasa hiaraka amin'ny dokotera sy ny mpanampy mpitsabo tao amin'ny misiôna.

### Manomana ny lalana Izy

Ireo mpivady hafa tahaka an-dry Malmrose mivady dia mahita fa rehefa matoky ny Tompo izy ireo dia manomana lalana Izy. Izany no nitranga tamin'i Alvin sy Corazon Rieta avy any Kawit, Cavite, any Philippines.

"Roa taona talohan'ny fanapahan-kevitray hanompo, dia nanomboka nametraka drafitra mafy orina momba ny orinasan'ny fianakavianay izahay," hoy i Elder Rieta nanazava. "Nahazo mari-pahaizana tany amin'ny oniversite ny zanakay lahy sy ny zanakay vavy ary afaka mandimby anay saingy nanontany tena izahay hoe iza no hamaha ireo olana eo amin'ny fandraharahana ary ahoana no ho fihetsik'ireo mpanjifanay eo anatrehan'ireo drafitra napetrakay."

Niasa saina koa mikasika ny hoe handao ilay reniny efa antitra Rahavavy Rieta. "Natahotra aho sao dia hamoy azy mandritra ny fotoana tsy maha-eo anay," hoy izy. "Nahatsapa ho toy ny tsy hahavita ilay fanamby hampianatra ny filazantsara koa aho."

Naka hevitra tamin'ny evekany sy tamin'ny mpivady iray vao avy nanompo tany Davao izy ireo. "Nizara fijoroana ho vavolombelona mahery vaika izy rehetra fa hitarika ny mpivady tsirairay ny Tompo mba hahafantarana ny fomba hiatrehana ireo raharahany ao antokantrano, ny fiianakaviany ary ny vola hanaovana ny asa fanompoany," hoy Rahavavy Rieta.

"Rehefa nikatsaka fitarihana izahay," hoy i Elder Rieta, "dia lasa ny tahotray—nandeha tsara ny orinasanay na dia teo aza ireo olana, naneho fifaliana sy fanohanana ireo mpanjifanay ary niara-nifarimbona ny fianakavianay teo amin'ny fikarakarana ilay reninay narary. Nanomboka nahatakatra izahay fa tena hanampy anay tokoa ny Tompo."

Misahana ny fanohanana ny mpikambana sy ny mpitarika any amin'ny Misiônan'i Cagayan de Oro Philippines ry Rieta mivady amin'izao fotoana izao.

### Maro ny zavatra *azonareo* atao

Miahiahy mikasika ny fetran'ny tanjany arabatana ireo mpivady sasany, saingy tsy mba toy izany kosa i Keith sy Jennilyn Mauerman avy any Utah, Etazonia. Taona maro lasa izay, efa-bolana taorian'ny nivadian'izy ireo tany amin'ny Tempolin'i Los Angeles Californie, dia nalefa hiatrika ady i Keith. Mpitarika andia-miaramila mpilatsaka amin'ny elonaina izy ary dia nialoha lalana ny miaramila hafa rehetra, kanjo nisy vanja nilentika tany ambanin'ny tany nipoaka. Namoy ny tongony anankiroa izy. Rehefa nody izy dia niolomay mba ho eo anilany i Jennilyn.

"Fantatro fa tsy tokony hiahiahy aho," hoy i Keith, "satria fanambadiana mandrakizay ny anay. Nanohana ahy teny foana ny vadiko. Mbola manohana ahy foana izy isan'andro.

Rehefa nisotro ronono Rahavavy Mauerman dia nanapa-kevitra ny handeha hanao asa fanompoana izy ireo. Saingy mety hampisy olana ve ny tsy fananan'i Elder Mauerman tongotra roa be izao? "Misy foana ny zavatra tsy *azoko* atao," hoy izy, "kanefa tena maro ireo zavatra izay *azoko* atao, ka fantatray fa hisy toerana ho anay any."

Rehefa nameno ny taratasy fanolorana azy izy ireo dia nasiany marika teo amin'ilay efamira izay maneho fa nanompo tany amin'ny tafika izy. Vetivety izy ireo dia nandray antso an-tariby tany amin'ny Sampan-draharaha misahana ny Fifandraisan'ny Fiangonana amin'ny Miaramila. "Nanana karatra izay manome fahafahana anay hiditra any amin'ireo toby miaramila aho ka dia niera taminay izy ireo raha afaka manolotra anay hanompo ao amin'ny misiôna misahana ny fifandraisana amin'ny miaramila."

Voantso mba hanompo any amin'ny toby miaramilan'i Caroline du Nord, Etazonia ry Mauerman mivady. Hoy i Elder Mauerman hoe: "Nisy soratra hoe 'Fort Bragg, Home of the Airborne' (Fort Bragg, Fonenan'ny miaramila mpilatsaka amin'ny elonaina) teo amin'ilay takela-bavahady fidirana. Rehefa niarahaba anay tamin'ny alalan'ilay tarigetran'ny miaramila mpilatsaka amin'ny elonaina manao hoe 'Hatramin'ny farany!' ilay mpiambina, dia izay indray aho vao naheno izany tao anatin'ny taona maro. Toy ny tany an-tranoko izany aho na dia tsy mbola tao Fort Bragg velively aza. Fantatray fa natao tanteraka ho anay ilay antso hanompo nofidina ho anay ary miahy anay ny Tompo."

"Nampianatra lesona mikasika ny fizakan-tena sy fahatokian-tena izahay ary mikasika ny fanamafisana orina ny fanambadiana," hoy Rahavavy Mauerman. "Tsy te hizara ny tantaranay izahay tany am-boalohany saingy hitanay fa nitondra fiovana ny fizarana izany. Nijery anay ireo miaramila sy ny vadiny ary nilaza hoe, 'Raha vitanareo izany dia vitanay koa.'"

Niaina zavatra tena tsara ry Mauerman mivady tany Caroline du Sud ka nangataka ny hanompo indray izy ireo. Amin'izao fotoana izao izy ireo dia manao dia eo amin'ny 64 km eo miala ny tranony any Orem mankany Salt Lake City indroa isan-kerinandro mba hanompo any amin'ny biraon'ny Sampan-draharaha misahana ny Fifandraisana amin'ny Miaramila. Mampianatra mpivady zokiolona any amin'ny foibe fanofanana misiônera any Provo koa izy ireo izay ahitan'izy ireo fa ny vondron'olona tsirairay dia saika ahitana olona izay nandresy ireo sakantsakana mba hahafahana manompo.

## Fiteny iraisan'ny rehetra

Niahiahy i Randy sy Lou Ellen Romrell avy any Utah rehefa voantso hanompo any amin'ny Misiônan'i Cuiabá Brésil. Na dia nanompo tany Brésil aza i Elder Romrell fony izy misiônera tanora, dia tsy nahay teny Pôrtogey firy intsony izy. Ary tsy nahay teny Pôrtogey Rahavavy Romrell. Ny fandalinana sy ny ezaka natao anefa dia nanampy tamin'ny famerenana ny fahaizan'i Elder Romrell ary nanampy ny Rahavavy Romrell hivoatra. Nanampy torak'izany koa ilay gitara ukulele.

"Tsy tena nikasa ny hitondra azy io aho," hoy Rahavavy Romrell, "fa i Elder Romrell no nentanim-panahy hitondra izany ary mahavariana ny mahita ny zavatra vitany. Rehefa mampianatra ireo naman'ny Fiangonana sy manao asa fampahavitrihana izahay ary mandray olona ho namana, dia mahafinaritra ny mampiasa izany mba hampihirana hira ao amin'ny fihirana ny olona. Nianatra ilay fiteny izahay ary nitondra fanahy matanjaka niaraka taminy ireo hira tao amin'ny fihirana."



*Manompo any Philippines izay fireneny ihany i Elder sy Rahavavy Rieta rehefa nahavaha ireo olany ara-bola.*




*Mety tsara amin-dry Mauerman mivady mihitsy ny manompo ao amin'ny sampan-draharaha misahana ny fifandraisana amin'ny miaramila. "Toy ny tonga ao an-trano fonenana izany izahay,"hoy izy ireo.*



*Nentanim-panahy ry Romrell mivady hitondra ilay ukulele ka ampiasain'izy ireo izany mba hizarana ilay fiteny hain'ny rehetra ateraky ny mozika, rehefa mitsidika tokantrano sy mihira hira ao amin'ny fihirana izy ireo.*

Na dia mbola teo andalam-pivoarana aza ny fahaizany teny Pôrtogey dia efa nahafehy tsara ny mozika Rahavavy Romrell. "Mampiray ny olona ny mozika," hoy izy. "Na tsy azoko aza ny zavatra rehetra lazain'izy ireo mandritra ny famangiana iray dia mifankahazo izahay rehefa mihira." Rehefa nasaina mba hiresaka any amin'ireo sekoly mikasika ilay andro tsy fiasana ho an'ny Amerikana natokana ho andro fisaorana izy ireo dia nihira hira fankasitrahana ry Romrell mivady—niaraka tamin'ilay ukulele. Ary Rahavavy Romrell ihany koa dia nampiasa zavamaneno kilasika kokoa dia ny pianô izany mba hilalaovana ireo hira ao amin'ny fihirana any am-piangonana.


Ary ahoana ny teny Pôrtogey? "Na dia tsy mahay tsara izany aza ianao dia manampy ny fahaizana teny vitsivitsy," hoy izy. "Ny fiarahabana ny olona fotsiny dia efa misy fiantraikany be tokoa. Ampahafantaro azy ireo fa mianatra ianao. Tsory izany ary miantehera amin'ny



## “IZAY SITRAKAO NO SITRAKO”

“Rehefa mieritreritra ilay halehiben’ny filana misiônera zokiolona aho, dia mieritreritra foana an’ilay fihirana ankifiziko hoe ‘Ny làlanao no làlako’ (*Fihirana sy Hiran’ny Ankizy,* faha-92) sy ilay hafatra fonosiny hoe, ‘Ny sitrakao no sitrako.’ ”

**Loholona Dallin H.Oaks ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo**



## ILAINA IREO MPIVADY

“Ny hafatra ho an’ireo mpivady zokiolona rehetra dia tsotra: Tena mila anareo izahay. Manao izay azonay atao izahay mba hanamorana araka izay vita ny fahafahanareo mandeha. . . . Tadiavina mafy izany amin’izao fotoana izao. Misy olona mila anareo any. Miangavy anareo—mandehana.”

**Loholona Jeffrey R. Holland ao amin’ny Kôlejin’ny Apôstôly Roambinifolo, *Deseret News,* 14 sept. 2011.**

Fanahy.” Ary ny Fanahy mazava ho azy dia fiteny iray hafa azon’ny olona rehetra ifampiresahana.

### Manompo any amin’ny faritra onenana

Efa niaraka nanompo tany amin’ny misiôna miisa telo i Paul sy Mar Jean Lewis avy any Utah (Tempolin’i Palmyra New York; Tempolin’i Hong Kong Chine; tany Croatie, Serbie, ary Slovénie tao amin’ny seminera sy institiota). Niomana ny handeha hanao asa fanompoana iray hafa izy ireo rehefa nanontany azy ireo ny filohan’ny tsatòka hoe, “Vonona ve ianareo raha hanompo ato amin’ny tsatòkantsika ihany mba hanohana ny misiôna misy antsika?”

lehibe ny mahita azy ireo miverina sy mandray ireo ôrdônansy ary mandeha any amin’ny tempoly.”

“Maro ireo mpivady izay rehefa mieritreritra mikasika ny fandehanana hanao asa fanompoana no miahiahy ny amin’ny tranony sy ny fiarany ary ireo zavatra tsy ho hitan’izy ireo mikasika ny fianakaviany,” hoy ny Loholona Lewis. “Afaka nipetraka tao amin’ny tranonay manokana sy namily ny fiaranay manokana izahay. Amporisihina izahay mba handeha hanatrika ireo fiaraha-mientan’ny fianakaviana rehefa tsy manelingelina ny andraikitray amin’ny maha-misiônera anay izany. Ary teto aza izahay tamin’ny nahaterahan’ny zafikelinay anankiray.”



***Ry Lewis mivady izay manompo any amin’ny toeram-ponenany ihany dia mankafy ny fifankahalalana amin’ireo misiônera manompo amin’ny fotoana feno sy ireo mpikambana ao amin’ny tsatòkany.***



***Omen-dry Sorensen mivady vato kely ireo mpianatra any amin’ireo Nosy Cook hampahatsiahivana azy ireo mba hitoetra ho “vato mafy orina ao amin’i Kristy.”***

“Vaovao izahay tao ka dia tombontsoa lehibe ho anay izany,” hoy Rahavavy Lewis. “Miara-nanompo amin’ireo tovolahy sy tovovavy misiônera izahay ary manana fifandraisana akaiky amin’ny filohan’ny misiôna ary mandeha manatrika ireo fivorian’ny distrika sy fivorian’ny faritra sy miara-miasa amin’ireo mpitarika ny asa fitoriana any amin’ny paroasy.” Mamangy ireo naman’ny Fiangonana sy ireo izay mpikambana mangatsiaka koa izy ireo.

“Nihaona tamina olona mahafinaritra izahay izay tsy ho fantatray velively raha tamin’ny fomba hafa noho izany,” hoy Rahavavy Lewis, “tafiditra ao anatin’izany ireo izay niala tamin’ilay lalana. Fitahiana

### Fitahiana ho an’ny fianakaviana

Etsy ankilany, ry Jill sy Kent Sorensen izay avy amin’io tsatòka io ihany dia nilaza fa ny iray amin’ireo fomba tena tsara indrindra hanamafisany orina ny fianakaviany dia ny fandehanana manompo lavitra ny fonenany. Hoy Rahavavy Sorensen hoe, “Ny iray amin’ireo fialan-tsiny ataon’ireo mpivady mba tsy handehanana dia ireo zafikely, ireo zanaka manambady izay sahirana, ireo zanakavavy mitondra vohoka ary ireo ray aman-dreny efa antitra—ary ireo toe-javatra hafa mitovy amin’izany. Ny fianakaviana no lohalaharana ary malahelo azy ireo ianao isan’andro. Saingy ny fandehanana manao asa fitoriana dia mampita hafatra mahery vaika hoe, manan-danja koa ny fanaovana asa fitoriana.”

Ankoatra izany dia nanamarika i Elder Sorensen hoe, “Maro dia maro ny fomba ahafahana mifandray amin’izao fotoana izao ka afaka mijery izany foana ianao.”

Nanomboka tamin’ny telo taona lasa ny fanaovan-dry Sorensen mivady ilay dian’ny asa fitoriana rehefa nangatahan’ny evekany izy ireo mba hampiantrano isam-bolana ilay takariva amorom-patana ho an’ny mpivady mikasa ny hanao asa fanompoana ao anatin’ny asa fitoriana. “Taorian’ny firesahana tsy tapaka izany,” hoy Rahavavy Sorensen dia “tsy maintsy nandeha ny tenanay!” Nahazo antso hanompo any amin’ireo Nosy Cook izy ireo izay toerana nanompoan’ny ray aman-dreniben’i Jill 50 taona lasa izay.

Amin’izao fotoana izao dia angatahina izy ireo, ankoatra ireo adidy hafa, mba hampianatra ny Baiboly any an-tsekoly.

“Miresaka momba an’i Kristy ilay vatolampy izahay,” hoy i Elder Sorensen. “Omenay vato kely ireo mpianatra ary





***Milaza ireo mpivady manerana an’izao tontolo izao fa ankoatra ny fanampiana ny hafa dia manamafy orina ny fanambadian’izy ireo ny fiarahana manompo ary mampanakaiky azy ireo kokoa amin’ny Ray any An-danitra.***

amporisihinay izy ireo mba hitoetra ho vato mafy orina ao amin’i Kristy. Amin’izao fotoana izao na aiza na aiza alehanay dia milaza ny olona hoe, ‘Vato mafy orina!’ rehefa mahita anay izy ireo.”

### Tongava ary manampia

Raha mikasa ny hanao asa fitoriana amin’ny fotoana feno na asa fanompoana ho an’ny Fiangonana ianareo, dia hametraka aminareo ilay fanontaniana napetraky ny Filoha Robinson an’i Gerald sy Lorna Malmrose ireo mpivady rehetra ireo izay manao hoe: “Afaka ny ho tonga ka hanampy ve ianareo?” Ary hilaza aminareo izy ireo fa na inona fandraisanareo anjara dia azo antoka ity fampanantenana ity: Ilaina ianareo, afaka mitondra anjara biriky ianareo ary hotahiana sy hotiavina ianareo. ■

**FANAMARIHANA**

1. “Loholona Jeffrey Holland: LDS Church Desperately Needs More Senior Missionaries,” *Deseret News,* 14. sept. 2011, deseretnews.com.

## FOMBA MARO AHAFAHANA MANOMPO

Jereo ireo zavatra azo atao izay niseho vao haingana, henoy ireo izay eo andalam-panompoana ary mitadiava valim-panontaniana ao amin’ny lds.org/callings/missionary.

## MORA TSY MISY TOY IZANY

Manamora ny fahafahan’ireo mpivady manompo ireo fitsipika azo ovaina arak’izay zava-misy.

- Afaka mipetraka any an-tranony ihany sy manompo eo an-toerana ireo mpivady manao asa soa ho an’ny Fiangonana.
- Afaka manompo mandritra ny 6 na 12 na 18 na 23 volana ireo mpivady. Afaka manompo latsaky ny 18 volana any amin’ny firenena hafa izy ireo raha miantoka ny saran’ny dia.
- Ireo mpivady dia afaka maka fotoana fohy tsy hiasan’izy ireo, raha ny tokony ho izy dia eo amin’ny 7 ka hatramin’ny 10 andro, mba hiverenan’izy ireo any an-tranony noho ny toe-javatra tsy azo ialana eo anivon’ny fianakaviana.
- Misy fetrany ny vola aloa eo amin’ny lafin’ny trano ipetrahana. Ny mpivady dia tsy mandoa mihoatra ny totalim-bola tokony haloa mahakasika ny fandaniana amin’ny trano hipetrahana, tafiditra amin’izany ny hofan-trano, ny jiro sy rano, ary ireo fanaka.
- Ho azo antoka sy hampahazo aina ny trano hipetrahana. Ireo misiôna sy biraon’ny vondromparitra dia maka izay trano madio sy misy fanaka tsotsotra ary tsy lafo.
- Tsy henjana be ny fandaharam-potoana. Tsy takina mba hanaraka ireo ora fiasana sy hanatanteraka ireo asa ataon’ny misiônera tanora tokan-tena ireo mpivady.
- Misy matetitetika ny fahafahana mifandray amin’ny fianakaviana. Afaka mifandray matetika kokoa amin’ny fianakaviany izy ireo mihoatra izay voalaza ho an’ireo misiônera tanora tokan-tena.



# REHEFA nisy fiantraikany teo amin'ny tokantrano ny Pôrnôgrafia— SAMY MILA SITRANINA ny mpivady

*Efa nahita manokana aho fa ny hery manasitrana avy amin'ny Mpamonjy dia afaka ho tonga amin'ny vehivavy ary koa amin'ny lehilahy izay mpivady rehefa manana olana eo amin'ny pôrnôgrafia ny lehilahy.*



Tsy nambara ny anarana

Tao anatin'ny enim-bolana voalohany naha-eveka ahy dia mpivady maro no nanatona manokana ahy mba hiresaka mikasika ny olana ananan'ilay lehilahy amin'ny pôrnôgrafia. Ao anatin'ny toe-javatra sasany dia ketraka tanteraka noho ny fahatairana tamin'ny fahafantarana vao haingana ilay tsiambaratelo tena mahakivy ny vehivavy ary ny sasany dia efa nahafantatra izany nandritra ny volana na taona maro.

Nahatsapa fangorahana ho an'ireo mpivady tsirairay ireo aho ary nahatsapa ny hery manavotra avy amin'ny Mpamonjy rehefa nifampidinika tsy tapaka ary tamim-pitandremana tamin'ireo rahalahy tsirairay ireo aho mba hanampy azy ireo "hanakifika ny rojo . . . [izay] mangeja mafy [azy ireo]" (2 Nefia 9:45).

Azo atao hoe nirotsaka faran'izay betsaka anefa ny Fanahy rehefa nihaona tamin'ny vadin'izy ireo aho. Nahita aho fa na vao haingana aza ny ferin'ny sasany ary na efa mikatona aza ny ferin'ny hafa taorian'ny taona maro nijaliana dia mizaka ratra ara-panahy lalina ireo rahavavy ireo izay vokatry ny fanontaniana toy ny hoe, "Inona no nataoko ka nahatonga azy tsy ho voasarika amiko intsony?" na "Nahoana izy no te hieritreritra hoe miaraka amin'olonkafa fa tsy miaraka amiko?"

Satria ilay lehilahy no nandika lalàna dia mora ho an'ny eveka ny mahatsapa fa ilay lehilahy dia tena mila manana ireo fanalahidy mba hamahana ilay hery manasitrana avy amin'ny Mpamonjy, saingy nianatra aho fa ny filan'ny vehivavy fanasitranana noho ny fijaliana sy fikorontanan-tsaina dia lehibe mitovy amin'ny filan'ny lehilahy fanasitranana noho ny fahotana sy ny faniriana mafy hanao zavatra izay mibahana ao an-tsaina.

Tao anatin'ny toriteniny ho an'ny Nefita dia nanameloka ny lehilahy i Jakôba mpaminany noho ny fitondrantena tsy mendrika nataon'izy ireo tamin'ny vadiny "izay malia sy madio ary marefo fatratra tokoa ny fihetseham-pon'ny ankamaroany eo anoloan' Andriamanitra, izay zavatra mahafinaritra an' Andriamanitra" (Jakôba 2:7). Notohizany hoe: "Efa novakianareo ny fon'ny vadinareo . . . noho ny ohatrareo ratsy teo anatrehany ary ny fitolokon'ny fony dia miakatra any amin'Andriamanitra miampanga anareo" (Jakôba 2:35). Efa vavolombelona mivantana an'izany fitolokoana izany ny tenako. Matetika izany no tsy hoe tonga noho ny fahatsapana lalina famitahana fotsiny eo amin'ny vehivavy noho ny fironan'ny lehilahy amin'ny pôrnôgrafia fa tonga koa noho ireo teny manambany sy fihetsika tsy manaja izay mitranga matetika vokatry ny tolona anaty atrehan'ilay lehilahy. Tsy mahagaga raha ny marina ny mahita lehilahy, izay miharihary ny fahazarany, ka lasa miampanga ny vadiny ho tompon'andraikitra amin'ny fihetsiny, ka mitanisa zavatra maro izay nataony na tsy nataony. Ny mampalahelo dia tsy mahagaga koa ny mahita vehivavy izay manomboka manaiky na mino mihitsy aza ireo fiampangana ireo.

Nisy mpivady iray toy izany tonga tao amin'ny biraoko andro vitsy taorian'ny nahitana ny fahazaran'ilay lehilahy mirona any amin'ny pôrnôgrafia izay nanimba azy hatrany amin'ny fahatanorany. Rehefa nihaino ny lesona irain'ny Fikambanana Ifanampiana nifototra tamin'ny lahatenin'ny

SARY NINDRAMANA OLONA MBA HATAO MAODELY

Rahavavy Linda S. Reeves nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana Aprily 2014, "Fiarovana amin'ny Pôrnôgrafia—Tokantrano Mifantoka amin'i Kristy," ilay vehivavy dia nanomboka namantatra ireo fironana maro nofaritan'ilay mpampianatra teo amin'ny toetran'ny vadiny mpanakiana azy izy. Taorian'ilay lesona dia napetrak'ilay vehivavy tamin'ny vadiny ilay fanontaniana ka dia naborany ilay tsiambaratelo izay nafeniny efa ela. Ilay fanomezany lanja ny tenany izay efa simba dia mbola nihena indray tamin'izay niaraka tamin'ny fananana lolompo mafy. Nandritra ny fotoana voalohany nihaonan'izy ireo tamiko dia sahirana izy ireo naka sary an-tsaina hoe ahoana no ahafahan'ny fanambadian'izy ireo hitohy. Nanome toky azy ireo aho fa misy ny fanantenana dia nomeko torohevitra enti-miainga izy ireo ary avy eo aho nanasa azy ireo mba hiverina sy hihaona amiko tsirairay.

Niaraka tamin'ireo vavaka mafy nataoko hiomanana amin'ireo fihaonana ireo dia naveriko novakina koa ireo



## INONA NO FANAMPIANA AZON'IREO MPITARIKA AO AMIN'NY FISORONANA ATOLOTRA

Rehefa miara-miasa amin'ireo vadin'ny mpikambana manana olana amin'ny pôrnôgrafia ireo mpitarika dia manandanja mitovy amin'izay mety ho torohevitra azony atolotra ny ezaka ataony mba hakana antoka fa mahatsapa ho misy mihaino sy mahatakatra ireo vehivavy ireo. Diniho ireto torohevitra manaraka avy amin'ny Loharano Enti-manampy ireto (ministering.lds.org):

- Mihaonà tsy tapaka ary manolora fanohanana.
- Hamafiso ilay fahafahan'ny Mpamonjy manome fanasitranana manokana ny vadin'ilay olona mirona amin'ny pôrnôgrafia (jereo ny Almà 7:11 sy Matio 11:28–30).
- Rehefa azo atao dia asao ilay olona mba hieritreritra ny hanatrika fivoriana vondrona iray hahazoana fanohanana amin'ny alalan'ny fandaharanasa mikasika ny fandresena ny fiankinan-doha na fivoriana vondrona iray hahazoana fanohanana mitovy amin'izany.
- Ampio ilay vehivavy na lehilahy hahatakatra fa afaka mahazo fanentanam-panahy manokana ho azy izy mba hahafantarana ny fomba fametrahana fetra mazava tsy maintsy hajaina eo amin'ny fifandraisana sy ao an-tokantrano.
- Ampio ilay vady hahita namana na olona iray ao amin'ny fianakaviana azo itokisana izay afaka manome fanampiana mivaingana tsy tapaka.
- Ampio ilay olona mirona amin'ny pôrnôgrafia mba ho tompon'andraikitra amin'ny zavatra ataony ary tohano ny lehilahy na vehivavy vadiny.
- Eritrereto ny hanirahana ny vadin'ilay olona mirona amin'ny pôrnôgrafia hanatona olona matihanina eo amin'ny fanomezana fanampiana sy fanoroana hevitra. Mitadiava loharanom-panampiana eo an-toerana izay manome fanampiana mifanaraka amin'ny fitsipiky ny filazantsara.



*Ambany: Kivy tanteraka i Kerri rehefa nahafantatra fa nanana olana mikasika ny pôrnôgrafia ny vadiny saingy nahita fanantenana sy fanasitranana tamin'ny alalan'i Jesoa Kristy sy ny Sorompanavotany izy.*



torohevitra atolotra ao amin'ny Ministering Resources (Loharano Enti-manampy) ao amin'ny LDS.org, indrindra ao amin'ilay loharano hanampiana ireo vadin'ny olona mirona amin'ny pôrnôgrafia, izay nahitako izao manaraka izao: "Manehoa fitiavana sy fiahiana azy manokana ary amin'ny vadiny koa. Hazavao fa tsy tompon'andrakitra amin'ny fironan'ny vadiny amin'ny pôrnôgrafia izy na ny fihetsika ratsy ataony ary tsy antenaina hizaka fihetsika feno herisetra."

Rehefa nihaona tamin'io rahavavy io aho dia nanaraka io torohevitra io ary nampiako fanomezana toky izany fa tsy noho izy mihitsy sy noho ny zavatra nataony na tsy nataony ny anton'ireo fihetsika nasehon'ny vadiny fa noho ny tolona ao anatiny kosa. Hitako nisy fahatsapana fahatoniana sy fiononana nanenika azy rehefa takany ireo teny ireo ary nahatsapa ny fanamafisana avy amin'ny Fanahy izy fa marina tokoa izany. Rehefa nifarana ny tafa sy dinika dia nangataka ahy izy raha mba afaka manome azy tsodranon'ny fisoronana aho. Tsapako fa izaho ihany no hany azony nangatahina mba hanome tsodrano toy izany, noho izy nisafidy ny tsy hilaza ny zavatra iainany amin'ny fianakaviany sy ny namany.

Mba hanohanana ilay dingana mitondra any amin'ny fahasitranana dia nanasa ilay lehilahy aho mba hanatrika ny fivoriana ho an'ny vondron'olona Olomasin'ny Andro Farany miady amin'ny fiankinan-doha, ary namporisika ilay vehivavy aho mba hanatrika ny fivoriana mifandray amin'izany ho an'ny vady sy ireo olona ao amin'ny fianakaviana. Nambarany tamiko ny fampaherezana tsapany avy tamin'ny fihaonana tamin'ireo rahavavy hafa izay nahatakatra ny zavatra nianjady taminy ary ny fanantenana nananany rehefa nahita mpivady niaina fitsapana mitovy tamin'ny azy nefa niara-nanao izay hahatafavoahana tamin'izany.

Volana maromaro izay no lasa hatramin'ny nihaonako tamin'io mpivady io voalohany ary dia nitombo ny fitiavako azy ireo vokatry ny fifaneraseranay matetika. Na dia fantatro aza fa tsy hoe tsy hisy sakantsakana intsony ny fanohizan'izy ireo ilay lalana, dia fifaliana ho ahy ny mahafantatra isaky ny mandeha ny volana fa nahafehy ny tenany tamin'ny filan-dratsy sy ny pôrnôgrafia ilay lehilahy ary fifaliana ho ahy koa ny mahita ny fitombon'ny fahatsapan'ilay vehivavy ny maha-manan-danja azy sy ny fananany fahatokian-tena izay tonga dia hita.

Nandritra ny tafa sy dinika vao haingana niarahana tamin'izy ireo dia nosoloin'ny tsikitsiky matetika ary kakakaka mihitsy aza ireo tebiteby sy ranomaso nandritra ireo fivoriana tany am-piandohana. Saingy angamba ny vokany lehibe indrindra dia ny fanantenana—fanantenana fa tsy hoe afaka ny hitohy fotsiny ny fanambadian'izy ireo fa manana hery ho lasa zavatra tena tsara sy mampisandratra mihitsy aza izany.

Indrisy anefa fa tsy ny mpivady rehetra no mahita vokany tahaka izany araka ny fahafantarako azy. Mety ho rava ny fanambadiana sasany rehefa mandà tsy hiezaka ilay olona mirona amin'ny pôrnôgrafia. Na dia eo aza anefa ny lalana nofidian'ilay lehilahy haleha dia nahafantatra aho fa tena tsara ilay torohevitra hoe tokony hampiana ilay vehivavy vadiny. Manantena aho fa tsy misy rahavavy ao anatin'ny toe-javatra toy izany ka hahatsapa fa hadinon'ny evekany na raisiny an-tendrony na tsy azony ny mahazo azy. Ny fanampian'ny eveka dia toy ny fantsona manan-danja izay entin'ny Mpamonjy hanehoana ny heriny hanasitranana tanteraka ny fo tsirairay—na dia ireo izay efa "voatrobaky ny ratra lalina" aza (Jakôba 2:35). ■



### TOROHEVITRA SY FAMPAHEREZANA HO AN'NY VADY

"Izahay amin'ny mahampitarika anay dia miahiahy mafy momba ireo mpivady sy ny fianakavian'ireo izay tratran'ny fiankinan-doha amin'ny pôrnôgrafia. Niangavy ny Loholona Richard G. Scott hoe: 'Raha toa ka afaka tamin'ny fahotana goavana ny tenanareo dia aza mampijaly tena tsy amin'ny antony noho ny voka-dratsin'ny fahotan'ny hafa. . . . Afaka mahatsapa fangorahana ianareo. . . .Kanefa tsy tokony hahatsapa ho tompon'andraikitra amin'ireny toe-javatra miseho ireny.' Fantaro fa tsy irery ianareo. Misy fanampiana any. Misy ireo fivoriana fanasitranana amin'ny fiankinan-doha ho an'ny mpivady ka tafiditra ao anatin'izany ireo fivoriana atao amin'ny alalan'ny telefaonina izay mamela ny mpivady hiantso mandritra ny fivoriana iray sy handray anjara avy any an-tokantranon'izy ireo."

**Linda S. Reeves, mpanolotsaina faharoa ao amin'ny fiadidian'ny Fikambanana Ifanampiana maneran-tany "Fiarovana amin'ny Pôrnôgrafia—Tokantrano Mifantoka amin'i Kristy," *Liahona,* mey 2014, 16.**

# Mpitily EO AMIN'NY

"Efa nanendry mpiambina ho eny ambonin'ny màndanao Aho, ry Jerosalema ô, koa mandrakariva na andro na alina dia tsy mahazo mangina ireny; Eny, hianareo izay mpampahatsiaro an'i Jehovah, aza mitsahatra."
Isaia 62:6

**Mpitily**

Ny mpitily dia mpiambina hita eo amin'ny rindrina na tilikambo iray mba hitily sy hampitandrina amin'izay loza mety manantontanona. Nomena asa mba hiaro ireo tanàna ary koa ireo tanimboaloboka na saha na tanim-bilona izy ireo.

**Ireo karazana tilikambo**



**Ireo tilikambo eo amin'ny rindrin'ny tanàna** dia matetika no aorina eo amin'ny vavahady na eo amin'ny zorony (jereo ny 2 Tantara 26:9). Na ny vavahady na ny zorony dia samy misy toerana avo izay ahafahana mijery izay loza manantontanona sy hanoherana ireo fanafihan'ny fahavalo (jereo ny 2 Tantara 26:15).

**Ireo tilikambo eo amin'ny manda** dia matetika trano tsy miraikitra amin-javatra fa mitokana ka aorina eo amin'ny faritra avo na toeram-pamaharana hafa. Indraindray izy ireo dia tena lehibe ka afaka ny ho toeram-pialofana farany ho an'ny mponina iray manontolo ao amin'ny tanàna iray rehefa misy manafika izy ireo (jereo ny Mpitsara 9:46–52).

**Ireo tilikambo eo amin'ny tanimboaloboka na saha na tanim-bilona** dia trano kely naorina mba hoentina miaro ny voly sy ny andiam-biby fiompy amin'ireo mpangalatra sy biby (jereo ny 2 Tantara 26:10; Isaia 5:2; 27:3). Matetika ilay faritra ambany dia efitrano fitahirizana ireo fitaovana.



# TILIKAMBO

**Ireo mpitily eo amin'ny tilikambo dia:**

**Mitoetra amin'ny toerana ahafahana mijery avy eny ambony ireo faritra manodidina.** Amin'ny maha-mpanompo nantsoin'Andriamanitra sy nomeny fahefana, dia manalavitra an'izao tontolo izao ireo mpaminany, ary afaka mahita zavatra amin'ny fomba fijery mitovy kokoa amin'ny any an-danitra.

**Mahita zavatra izay tsy hitan'ny olona sisa.** "Fa ny mpahita dia mety mahafantatra ny amin'ny zavatra izay efa lasa ary koa ny amin'ny zavatra izay ho avy ary amin'ny alalan'ireo no hanambarana ny zava-drehetra na ny marimarina kokoa no hanehoana ny zava-miafina ary ny zava-nafenina dia ho tonga eo amin'ny hazavana ary ny zavatra izay tsy fantatra dia hampahafantarina amin'ny alalany ary ao koa ireo zavatra hampahafantarina amin'ny alalany, ireo izay tsy azo fantarina" (Môsià 8:17).

**Malina.** Manana andraikitra lehibe mba hampitandrina antsika mikasika ireo loza mananontanona ireo mpaminany ary hanohy hanao izany izy ireo na manao ahoana na manao ahoana ny hevitry ny besinimaro na ireo zavatra mahavariana eo amin'ny fiaraha-monina.

**Mampitandrina mikasika ireo zavatra dieny mbola lavitra izany.** Miampanga ny fahotana ny mpaminany ary manambara mialoha ny vokatra aterany. Mpitory fahamarinana izy. Indraindray dia entanimpanahy ny mpaminany hanambara mialoha ny hoavy, mba ho tombontsoan'ny olombelona.(Torolalana ho an'ny soratra masina, "Mpaminany," lds.org/scriptures/gs).

**Manolotra fomba hiarovana amin'ny loza sy fiarovana.** Rehefa mihaino ny fampitandreman'ireo mpaminany isika dia afaka ny ho voaro amin'ny loza sy hisoroka ireo zava-doza izay mety hamely antsika manokana na hamely antsika miaraka rehefa tsy mankatò isika. ■



SARINA TILIKAMBO, BACKGROUND © ISTOCK/THINKSTOCK; *KRISTY MANAO AKANJOLAVA MENA,* NATAON'I MINERVA K. TEICHERT



## NY ANDRAIKITRA MBA HIAMBINA

"Nandritra ny taonjato maro, ireo mpaminany dia efa nahavita ny adidiny tamin'ny fampitandremana ny olona ny amin'ny loza izay manoloana azy ireo. Ny Apôstôlin'ny Tompo dia tsy maintsy manara-maso sy mampitandrina ary manolo-tanana, mba hanampiana ireo izay mikatsaka valim-panontaniana momba ny fiainana."

**Loholona M. Russell Ballard ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Andriamanitra no mpanamory,"** ***Liahona,*** **nôv. 2015, 25.**

## ZAVA-MARINA NALAINA TAO AMIN'NY BAIBOLY



Ao amin'ny Testamenta Taloha dia matetika no ampitahaina amin'ny tilikambo ialofana eo amin'ny manda iray ny Tompo (jereo ny Salamo 18:2; 61:3; Ohabolana 18:10; 2 Samoela 22:3), ary ireo mpaminany dia matetika no ampitahaina amin'ny mpitily (jereo ny Isaia 62:6; Jeremia 6:17; Ezekiela 3:17; 33:7; Hosea 9:8; Mika 7:4).

"Efa nataoko mpitily ho an'ny taranak'Isiraely hianao; ka dia hohenoinao ny teny avy amin'ny vavako, ary avy amiko no hananaranao azy," (Ezekiela 3:17; jereo koa ny Ezekiela 33:1–7).

# FAHAFAHANA HANARINA NY TSY METY

Nihazona ny lokangako aho tamin'ny fotoana voalohany nahitako azy.

Nitaritarika ny tongony nanakaiky ahy izy raha iny aho hiditra ny toeram-pisakafoana antoandro iny ary nikasokasoka tamin'ny feko ny fitoeran'ny lokangako.

"Lokanga ity e!" Hoy izy rehefa nanakaiky ahy.

"Eny," hoy aho.

Tsy mbola tena niresaka tamina olona manana fahasembanana aho ka tsy nahafantatra izay zavatra tokony holazaina. Nanaraka ahy teny amin'ny latabatro izy ary nipetraka teo akaikiko, dia nanondro ny fitoeran'ny lokangako.

"Lokanga ity e!" hoy indray izy.

Nosokafako ilay fitoeran'ny lokangako dia lasa nientanentana be izy. Notendreny mafy loatra ireo tadindonkangako. Niontana ny foko rehefa nalaiko sary an-tsaina hoe simba ny tadin-dokangako anankiray ka dia nohidiko moramora ny fitoeran'ny lokangako. Nofihininy aho talohan'ny nandehanany.

Hitako matetika izy taorian'izay. Isaky ny mahita ahy izy dia fihininy amin'ny sandriny ny soroko ary orohany eo amin'ny tampon'ny lohako aho.

Lokanga!" Hoy i William rehefa nanatona ahy izy.

Nanditra ny fotoana nianarako tao amin'ny sekoly ambaratonga faharoa dia nanao izay handosirana azy foana aho isaky ny hitako manatona izy. Rehefa hitany aho ka totorany fihina sy oroka mandomando dia iafiko mandritra ny segaondra vitsy izany miaraka amin'ny tsiky tsy sazoka dia lasa mandeha haingana tsy mahavoaka teny aho.

"An, an, an!" hoy aho nimonomonona rehefa hitako nandritra ny fampisehoana nataon'ny rodobenjavamenon'ny sekoly ambaratonga faharoa izy. Taorian'ilay fampisehoana dia nandeha moramora teny amin'ny toerana nijoroako niaraka tamin'ny namako tany ivelan'ny efitrano lehibe fanaovana fampisehoana sy fivoriambe izy.

Nijoro tao aoriako ireo namako rehefa nanatona ahy niaraka tamin'ny tsikitsiky sy ny sandriny mivelatra mba hamihina izy.

"William a!"

Nitodika aho ary nahita vehivavy iray nihazakaza nanatona anay.

"Miala tsiny," hoy izy sady nohazoniny ny sandrin'i William. Tian'i William ilay lokanga. Niangavy ahy izy mba hitondra azy hanatrika ity fampisehoana ity androany alina. Andao amin'izay handeha sombinaiko a!"

Hatramin'io fotoana io dia tsy tsapako hoe na ny anarany aza tsy fantatro akory. Roa taona talohan'izay no nihaonako tamin'i William saingy nandany fotoana be loatra nitsoahana azy aho ka tsy mba niezaka velively ny tena hahafantatra azy. Rehefa nijery an'i William sy ny reniny lasa nandeha aho dia heniky ny fahamenarana.



Taona maro taty aoriana, taorian'ny nanambadiako dia niteraka zazalahy kely mahafatifaty izay tratran'ny trisomie aho ary nataonay hoe Spencer ny anarany. Matetika aho no mieritreritra an'i William rehefa mijery an'ilay zanako lahy ary manontany tena raha toa i Spencer ka hiaina zavatra tahaka azy. Moa ve hitsoaka azy ny olona satria manorokoroka loatra izy na mamihina mafy loatra? Tsy hahazo aina ve ny namany noho ireo zavatra mametra azy ara-tsaina sy ara-batana?

Tamin'i Spencer feno efa-bolana dia nentiko tany amin'ny hôpitaly teo amin'ny toerana nisy anay izy hamonjy ny fotoana natao tany. Rehefa namoaka azy tao anaty fiara aho dia nahita olona anankiroa nivoaka ny hôpitaly. Tena tsy nino aho fa hay i William sy ny reniny izany.

"William!" Hoy aho niantsoantso rehefa nifanatona izahay sady nidobodoboka ny foko.

"Manahoana!" Nandeha miadana namakivaky ny toeram-piantsonan'ny fiarakodia izy niaraka tamin'ny tsikitsiky be nandravaka ny endriny. Natolony ny tanany mba handray ny tanako ka nofeheziny tamimpientanentanana izany.

"Manao ahoana ianao?" Hoy aho nanontany azy.

"Lokanga," hoy izy, ary hita teny amin'ny masony ny fientanentanana.

*Lokanga*. Tadidiny koa aho. "Eny," hoy aho namaly tao anatin'ny fihomehezana miharo tomany, "Nitendry lokanga aho."

Rehefa niresaka izahay dia nanandratra vavaka ny foko noho ny famindrampo lehibe avy amin'ilay Ray any An-danitra be fitiavana izay nahafantatra fa naniry mafy ny hihaona tamin'i William indray aho. Feno fankasitrahana aho fa nahita ahy Andriamanitra—renim-pianakaviana iray sahirana sy trotrak'ireo olana ara-pahasalamana mahazo ny zanako lahy ary miahiahy ny amin'ny hoaviny—ary nampiaina zavatra iray ahy izay nampahatsiahy ahy fa mahatsiaro antsika Izy. ■

Kaylee Baldwin, Arizona, Etazonia

SARY NATAON'I ALLENGARNS



Reko toy ny hoe nametraka vola madinika maro dia maro teo amin'ny fandoavam-bola ilay vehivavy mba handoavana ireo zavatra novidiany.

# MANDEHANA MANAMPY AZY

Nilahatra teo amin'ny tobin-tsolika iray aho. Nisy renim-pianakaviana iray niaraka tamin'ny zazakely roa nijoro teo alohako dia nividy solika \$3 sy gilasy lavanilina roa.

Tsikaritro avy hatrany fa tsy dia nanana firy izy ireo. Tsy nikiraro ireo ankizy sady nanao akanjo rovidrovitra.

Reko toy ny hoe nametraka vola madinika maro dia maro teo amin'ny fandoavam-bola ilay vehivavy mba handoavana ireo zavatra novidiany.

Rehefa avy nandoa ny vidin'ny solika novidiako aho dia nivoaka ka nijery ny fiaran'ilay renim-pianakaviana. Fiara efa tranainy izay tena hita fa tsy handeha lavitra amin'ny solika \$3 izany.

Nahatsapa fangorahana kely ho an'io reny manan-janaka roa io aho kanefa novelomiko ny môtôko dia notohizako ny lalako.

Tsy ampy iray minitra akory ny nandehanako teny an-dalambe dia nisy feo tonga tao amiko hoe: "Mandehana manampy azy." Tonga indroa ilay bitsika.

Nahifikifiko ny lohako satria nihevitra aho fa tsy maintsy efa lasa izy izay. Inona koa moa no holazaiko azy eo?

Tonga fanintelony sady nazava tsara ilay feo nanao hoe: "Mandehana manampy azy!"

Niverina tany amin'ilay tobin-tsolika aho sady niezaka namantatra izay holazaiko azy raha mbola tao izy.

Rehefa tonga teo aho dia hitako nisokatra ny varavaran'ny fiarany. Teo amin'ny toeran'ny mpamily izy ary nankafy ny gilasiny tao amin'ny seza aoriana ireo zanany kely roa.

Nanao vavaka kely aho mba hanontany ny Ray any An-danitra izay tokony holazaiko. Nilaza tamiko indray ilay feo hoe: "Ampahafantaro azy hoe iza ianao dia anontanio izy raha mila fanampiana." Nanatona ny fiarany aho dia nampahafantatra ny tenako. Nolazaiko azy fa nanana fahatsapana aho fa tokony hanontany azy raha mila fanampiana izy.

Nanomboka nitomany izy dia nilaza hoe: "Vao avy nivavaka tamin'i Jesoa aho nangataka Azy mba haniraka olona hanampy ahy."

Namaly ny vavaka nataony ny Ray any An-danitra. Nividy solika hamenoana solika ny fitehirizan-tsolika tamin'ny fiarany aho dia nanome azy ny nomeraon'ny telefaonin'ny olona iray ao amin'ny kôlejin'ny loholona tao aminay izay nitady olona hiasa. Tsy fantatro izay nitranga tamin'io reny tanora io taorian'izay, kanefa feno fankasitrahana aho fa nanaraka ilay bitsika mba hanampy azy. ■

Thomas Robbins, Californie, Etazonia

SARY NATAON'I STAN FELLOWS

# AZA MITIFITRA!

Nipetraka tao anatin'ny fiaran'ny pôlisy nentinay izaho sy i Bob, niandriandry ny filazana momba izay mety ho fihetsiketsehana nisy teny amin'ny arabe. Nanomboka ny fanaraha-maso tamim-pitandremana nataonay izahay adiny roa talohan'izay rehefa avy nahatsikaritra ilay fiara voalazan'ny fanairana avy amin'ny radiô an'ny pôlisy.


"Misy fanafihana mitam-basy mitranga amin'izao fotoana izao," hoy ilay fanairana. "Lehilahy roa samy mitam-basy. Vao hita tao anaty fiara mivolom-boasary izy ireo. Nilaza ireo vavolombelona fa mahery setra ireo lehilahy ireo ary vonona ny hitifitra."

Vao haingana no nisy fanafihana mitam-basy teo amin'ilay faritra, kanefa na dia teo aza ny fanaovanay izay azonay natao rehetra, dia tafatsoaka hatrany ireo mpangalatra. Nitsahatra tsy nieritreritra izany intsony aho raha vantany vao nahita ireo olona roa nivoaka ny tokantrano iray teo amin'ilay lalana maizina dia niditra haingana tao anatin'ilay fiara mivolom-boasary. Namily fiara nizotra nankany aminay izy ireo.

"Mangataka mpitandro filaminana hafa aho hanampy ahy," hoy aho tamin'ny radiô. "Lasa nandeha niana-varatra miala eto amin'ny misy anay ireo mpangalatra ahiahiana."

Nandeha nisongona ilay fiara ireo pôlisy roa mpitsikilo nanao fitafy sivily izay nirahina hanampy anay. Rehefa tafiditra teo amin'ny tetezana iray ireo fiaranay miisa telo dia nijanona

SARY NATAON'I ALLENGARNS



Saingy na dia henjana tokoa aza ny toe-javatra nisy tamin'izany dia nahare feo aho. Tony ilay izy kanefa sady feno fahefana no nahery vaika: Aza mitifitra!"

tampoka nitsivalana teo ambonin'ilay tetezana teo alohan'ilay fiara volomboasary ireo pôlisy mpanampy anay ary izahay dia nijanona taorian'ilay izy, tsy namela ireo olona nahiahianay ho mpangalatra hivoaka. Nijanona avy hatrany ilay fiara ka nilentika tao anaty fiara mba tsy ho tazanay ireo olona roa.

"Mivoaha ny fiara dia ataovy ambony loha ny tananareo!" Hoy aho nanome baiko rehefa avy nivoaka ny fiarako. Tsy nisy namaly.

"Rehefa voafahana ny basiko ary efa vonona ny hitifitra aho dia nandidy indray hoe: "Mivoaha ny fiara dia ataovy ambony loha ny tananareo!" Izao dia izao!

Tampoka teo dia niarina tao ilay mpamily ka nitodika tany amiko. Nahatazana zavatra nanjelatra toy ny metaly teny an-tanany aho.

Nilaza tamiko ny fiofanana azoko tao amin'ny pôlisy sy ny feon'ny fieritreretako fa tokony hisintona ny fihatsim-basy aho mba hanavotako ny aiko. Saingy na dia henjana tokoa aza ny toe-javatra nisy tamin'izany dia nahare feo aho. Tony ilay izy kanefa sady feno fahefana no nahery vaika: Aza mitifitra!"

Efa niandry aho hoe tsy maintsy hisy hitifitra ahy eo, kanefa niandry olona iray avy tao amin'ilay fiara aho mba hitifitra voalohany. Tsy izay anefa no niseho fa nanangana ny tanany ilay mpamily, nanangana teo ambony lohany ny zavatra iray miendrika basy, dia nampidina ny tanany teo amin'ny feny.

"Aza mihetsika na dia kely aza!" Hoy aho rehefa nihazakazaka nankeny amin'ilay fiara aho. Aza mihetsika!"

Toy ireny fandaharana amin'ny fahitalavitra ireny izany fotoana izany—mandra-pahitako fa ireo izay noheveriko fa jiolahy loza be tao anaty fiara dia tovovavy roa tena raiki-tahotra raha ny tena izy. Ilay noheveriko fa basy dia vy fanidina ny fehikibo fiarovana amin'ny loza ihany.

Vetivety dia fantatray fa nampindramin'ireo zazavavy ireo ny olontiany ilay fiara. Tsy fantatr'izy ireo velively hoe lehilahy manao ahoana izy ireo.

"Nataoko fa maty ianao ry Cal!" Hoy i Bob tamiko taoriana kelin'izay. "Efa saika nitifitra aho. Tsy fantatro izay antony tsy nitifirako."

Izany koa no nolazain'ireo mpitsikilo roa tao amin'ilay fiaran'olontsotra, na dia tsy nisy nahare ilay feo afa-tsy izaho irery aza. Fantatro fa ny herin'ny lanitra ihany no afaka namonjy ireo zazavavy roa ireo tsy ho faty ary nanakana pôlisy efatra tsy hanao fahadisoana mampivarahontsana. Nanome ahy fahalalana azo antoka io zavatra niainana io fa afaka miditra an-tsehatra ary hiditra an-tsehatra mba ho tombotsoantsika ny Raintsika any An-danitra. ■

Tsy nambara ny anarana

# AMPIANARO HAMAKY NY BOKIN'I MÔRMÔNA IZY IREO

Nandritra ny fanompoanay tao amin'ny Misiônan'i Genève ao Suisse dia nantsoina sy natokana ho filohan'ny sampana aho, ary ny vadiko dia nantsoina ho filohan'ny Fikambanana Ifanampiana. Niaraniasa tamin'ny herinay rehetra izahay mba hanatanjahana indray ilay sampana nisedra olana. Na dia naorina tamin'ny taona 60 aza ilay sampana dia tsy nahitana batisa nandritra ny taona maro tao ary tsy nandefa misiônera tany amin'ny sahan'ny misiôna nandritra ny 15 taona ilay sampana.

Hita nazava fa nila ny fanampian'ny Tompo izahay mba hitady vahaolana tamin'ireo zava-tsarotra maro nolalovan'ilay sampana. Rehefa avy nivavaka mikasika ireo olana natrehan'ilay sampana aho dia nilaza tamiko ny Fanahin'ny Tompo hoe: "Ampianaro mamaky ny Bokin'i Môrmôna ireo mpikambana, dia hahomby ianao."

Nanao drafitra avy hatrany izahay mba hanoloran'ny mpikambana rehetra tena hanomboka hamaky ny Bokin'i Môrmôna.

Vokatra maro mahatalanjona no azo taorian'izay. Niverina tao amin'ilay sampana ny fiadanana sy ny Fanahy. Nisy fianakaviana vaovao maro niditra ho mpikamban'ny Fiangonana. Rehefa nentanin'ny faniriana hanompo ny zatovolahy iray dia nandeha nanao asa fitoriana. Lasa natanjaka ireo fanambadiana nisedra olana ary lasa nifanakaiky bebe kokoa ireo fianakaviana. Mbola mandroso hatrany io sampana io amin'izao fotoana izao.

Izahay sy ireo mpikambana tao amin'ilay sampana dia nahita maso ny fiasan'ny hery mahagagan'ny Bokin'i Môrmôna. Tena vato ifaharan'ny fivavahantsika sy ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika momba ny filazantsara sy i Jesoa Kristy tokoa izany. Tianay amin'ny fonay rehetra ny Bokin'i Môrmôna. Loharanon'ny fahalalana tsy misy fiafarana sy tsy miovaova izany.

Ity zavatra niainana ity dia nampianatra anay fa ny Bokin'i Môrmôna no fomba azo antoka indrindra hanampiana ireo rahalahintsika sy anabavintsika hiala ao anatin'ny aloky ny haizina ara-panahy izay mandrakotra ny tany. Ity boky ity dia mitondra fiadanana, fifaliana, fahasambarana, ary faniriana mahery vaika mba hanaraka an'i Jesoa Kristy Mpamonjy. ■

Emilien Rioux, Québec, Canada

# Mahafantatra ireo fitaka ataon'i Satana

Nosoratan'i Dennis C. Gaunt

Raha nampiditra vola dôlara taratasy anankiroa tao anatin'ny paoketrako aho tany amin'ny fivarotana kojakojan-kanina iray dia nanaitra ny masoko ny iray tamin'ireo vola taratasy ireo. Nieritreritra aho hoe matsatso kokoa noho ny teo amin'ireo vola hafa ilay loko maitso teo amin'izany ka dia nodinihiko akaiky izany. Dia tsikaritro fa tsy dia nazava koa ny sarin'ny Filoha George Washington. Na ilay taratasy aza hafahafa. Tena vola sandoka ilay izy! Nosoloin'ilay mpivarotra vola dôlara tena izy izany ary nomeny an'ilay lehiben'ny toerampivarotana ilay vola sandoka.

Nieritreritra mafy mikasika an'io vola sandoka io aho nanomboka tamin'izay. Nanontany tena aho hoe hafiriana izy io no nivezivezy tany ary olona firy no voafitaka nandritra ny taona maro. Raha ny marina dia mety ho voafitaka koa aho raha tsy nijery tsara. Saingy rehefa nampitaha izany tamin'ilay tena izy aho ary nifantoka tamin'ireo fahasamihafana fa tsy ireo zavatra mitovy dia afaka nilaza aho fa sandoka ilay izy.

Ny Bokin'i Môrmôna dia feno ohatra mikasika ireo mpamitaka ara-panahy izay nanaraka ny fomba fiasan'i Satana mba handaingana sy hamitahana ny hafa mba hahazoany tombontsoa manokana. Rehefa halalinina ny hafetseny sy ny paik'adiny dia manomboka mahita ny zavatra tsy mety sy ny hadisoana ataon'izy ireo isika, mitovy amin'ny fomba ahitan'ny maso efa mahay ny fahasamihafana misy eo amin'ny vola tena izy sy ny vola sandoka. Rehefa zarintsika bebe kokoa ny masontsika mba hamantatra ireo fahasamihafana dia ho voaomana tsara kokoa isika hahita ireo mpamitaka amin'izao fotoana izao sy hanohitra ny laingany.

## Manambatra ny fahalalana eo anatrehan'ny fitaka ataon'i Satana

Mikatsaka ny hampaniasia antsika amin'ny alalan'ny fomba famitahany manokana ara-panahy i Satana, ary raha tsy mitandrina isika dia ho voafitaka. Nampitandrina ny Filoha Joseph F. Smith (1838–1918) hoe: "I Satana dia mpaka tahaka raindahiny ary rehefa omena fahamarinana madio ao amin'ny filazantsara izay tsy mitsaha-mitombo izao tontolo izao dia aeliny koa ny vola sandoky ny fotopampianarana diso. Mitandrema amin'ilay vola sandony izay tsy afaka mividy zavatra hafa afa-tsy fahadisoam-panantenana sy fahoriana ary fahafatesana ara-panahy."[1]

**Rehefa eo anatrehan'ny fitaka ara-panahy isika dia afaka manampy antsika hamantatra izay marina na tsy marina ny Bokin'i Môrmôna.**

Ny fiarovana tena tsara ananantsika mba tsy ho tafalatsaka ao anatin'ny fitaka ataon'i Satana dia ny manao izay azo atao hahafantarana ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara. Rehefa mahafantatra lalina kokoa ny fahamarinana isika dia ho mora kokoa ny mahatsikaritra ireo fahasamihafana rehefa maneho amintsika ny famitahany i Satana. Ka rehefa manao izany izy dia mila mijery ireo fahasamihafana isika fa tsy ireo zavatra mitovy, toy ny nataoko tamin'ireo vola taratasiko dôlara, satria any foana no hahatrarana ny lainga.

SARY AVY AMIN'NY ISTOCK/THINKSTOCK



Nampianatra ny Filoha Ezra Taft Benson (1899–1994) hoe: Ny Bokin'i Môrmôna dia mampiseho ireo fahavalon'i Kristy. . . . Namolavola ny Bokin'i Môrmôna noho izany Andriamanitra miaraka amin'ilay fahalalany zavatra mialoha izay tsy misy fetra, mba hahitantsika ireo fahadisoana sy hahafantarantsika ny fomba hiadiana amin'ny hevi-diso ara-pampianarana, ara-pôlitika, ara-pivavahana, ary ara-pilôzôfia amin'izao androntsika izao"[2]

Ankehitriny dia miady amin'i Satana isika. Mila mahafantatra ny zavatra kononkononin'ny fahavalo isika tahaka ny tafika rehetra. Ny fahafantarana ny fotoana sy ny toerana hamelezan'ny fahavalo ohatra dia fampahalalana sarobidy. Izany no mahatonga ny fiantsoana ny fanangonana fampahalalana toy izany ho hoe "manambatra ny fahalalana." Ny atao hoe mahafantatra ny fahavalontsika dia lasa maranin-tsaina kokoa noho ny fahavalontsika. Ny Bokin'i Môrmôna dia afaka manampy antsika "hanambatra fahalalana" eo anatrehan'ireo fomba famitahan'i Satana.

**Famitahana ny teny manasohaso**

Antsasany mahery amin'ireo mpamitaka ao amin'ny Bokin'i Môrmôna no mampiasa fiteny manasohaso sy toetra miavaka mahasarika olona mba hanatanterahana ny tanjony. Ohatra, i Serema dia "olo-mahay ka nanana fahalalana tomombana ny momba ny fitenin'ny vahoaka; noho izany izy dia afaka nampiasa fanasohasoana betsaka sy hery be tamin'ny lahateny araka ny herin'ny devoly" (Jakôba 7:4). Ireo mpisorona ratsy fanahin'i Noà Mpanjaka dia nampiasa "teny

poak'aty sy manasohaso" (Môsià 11:7), izay nahatonga ny olona hirotsaka ao amin'ny fanompoan-tsampy sy ireo zava-dratsy hafa. Nitondra vokany nitovy tamin'izany koa i Kôrihôra tamin'ny androny izay, "nampaniasia ny fon'ny maro" (Almà 30:18). I Amalikia sy i Gadiantôna dia samy nampiasa ny fahaizany manasohaso mba hananganana tafiky ny mpanaradia ratsy fanahy (jereo ny Almà 46:10; Helamàna 2:4).

Tsy hoe toe-javatra tsy nampoizina izany. Ny fanasohasoana dia zavatra ivelany ihany, tsy mahitsy, tsy mifototra amin'ny fahamarinana ary itarina. I Nefia dia nampitandrina ireo izay "hampianatra araka izany fomban'ny fotopampianarana diso sy tsy ilaina ary tsy misy heviny izany ary hizihitra ao am-pony izy sady hikatsaka lalina ny hanafenany ny fiokoany amin'ny Tompo ary ho ao amin'ny maizina ny asany" (2 Nefia 28:9).

Matetika ampiasaina mba hamitahana ny fanasohasoana; mifono tanjona sy drafitra miafina izany raha ny mahazatra. Ny fanasohasoana dia manome lanja ny fomba entina miresaka fa tsy ny votoatin'ny zavatra resahina ary manaitra ny eboebo sy ny avonavon'ilay olona araka ny nofo ao anaty. Ireo mpaminanin'ny Tompo anefa dia milaza amintsika ireo fahamarinana tsotra nefa *ilaina* mba ho rentsika.

Ny fanasohasoana no fiteny ampiasain'i Satana. Nanazava ny Filoha James E. Faust (1920–2007), Mpanolotsaina Faharoa tao amin'ny Fiadidiana Voalohany hoe: "Matetika ny feon'i [Satana] dia toy ny feno fahendrena ary mora hamarinina ny hafany. Feo mahasarika sy hafahafa izay mahafinaritra izany. Sady tsy mafy no tsy mikorontandrontana izany. Tsy hisy olona hihaino ny feon'i Satana raha toa izany ka mafy sy masiaka."[3]



***"Ny [feon'i Satana] dia feo mahasarika sy hafahafa. . . . Tsy hisy olona hihaino ny feon'i Satana raha toa izany ka mafy sy masiaka."***

Rehefa manolotra amintsika hevitra na hevi-dalina izao tontolo izao, izay tsy manaitra afa-tsy ny eboebontsika sy ny avonavontsika ihany na toa tsara loatra tsotra izao raha ny marina, dia natao ho fampitandremana antsika haingana izany. Raiso ho toy ny fitaka ireo hevitra ireo. Ampitahao amin'ireo fahamarinana nampianarin'ireo mpaminany izany. Tadiavo ireo fahasamihafana fa tsy ireo zavatra mitovy ary dia hiharihary ireo hevitra mifono fitaka.

## I Nehôra—Mpamitaka malaza iray

Nampiasa malalaka tsara ny fomba fanasohasoan'i Satana i Nehôra. Ndeha hojerentsika ny momba azy mba ho ohatra iray hodinihina amin'ny mahampamitaka ara-panahy azy. I Nehôra, izay nanana fotopampianarana toa ahitana hevitra hoe misy ny mpanavotra, dia mpitory teny malaza sy nanana toetra nahasarika teo anivon'ny Nefita. Nahasarika olona maro nanaraka azy i Nehôra tamin'ny alalan'ny fampianarana fa "hovonjena ny olombelona rehetra amin'ny andro farany" ary "hahazo fiainana mandrakizay" (Almà 1:4).

Hitantsika ve ny antony mahatonga ny hafatr'i Nehôra hahasarika tokoa tahaka izany? Nampianatra mikasika ny Andriamanitra iray izay tsy mivaky loha sy migedragedra fitondra izy—Andriamanitra iray izay hanavotra ny olona rehetra na inona na inona nataony satria tia ny olona rehetra Izy. Noho izany, mandehana dia ataovy izay tianareo satria tsara daholo izany. Fotokevitra mahasarika izay neken'ny olona maro tamin'ny andron'i Nehôra izany (jereo ny Almà 1:5) toy ny isarihan'izany olona maro koa amin'izao fotoana izao. Ny fahazoana tapakila maimaim-poana hidirana ny lanitra

dia zavatra tadiavin'ny olona araka ny hita.

Noho izany inona no olana ao anatin'ny hafatr'i Nehôra? Ndeha hojerentsika indray ireo hevi-dehibe ao anatin'ny fotokeviny:

- Nahary ny olona rehetra Andriamanitra—marina.
- Tia ny olona rehetra Andriamanitra—marina.
- Tsy tokony hatahotra an'Andriamanitra isika—marina.
- Tokony hifaly isika amin'ilay hevitra hoe misy ny famonjena—marina.

Hatreto aloha dia misy fitoviana maro eo amin'ny zavatra nampianarin'i Nehôra sy ireo fahamarinana ao amin'ny filazantsara. Saingy tsarovy—fa tahaka ilay vola sandoka dia mila mijery ireo fahasamihafana isika fa tsy ireo zavatra mitovy. Noho izany dia ndeha hojerentsika ilay hevi-dehiben'i Nehôra farany:

- Homen'Andriamanitra ny fiainana mandrakizay daholo ny olona rehetra—diso!

Eto izao dia misy fahasamihafana lehibe izay milaza amintsika fa mpamitaka ara-panahy i Nehôra. Ny famonjena amin'ny fahafatesan'ny vatana *dia* omena ny rehetra, saingy ny famonjena amin'ny fahafatesana ara-panahy dia miankina amin'ny fahavononantsika hibebaka. Rehefa mibebaka isika dia afaka mahazo ny fiainana mandrakizay (jereo ny Jakôba 6:11). Fa tsy omena maimaim-poana izany.

## Nahafantatra ilay mpamitaka i Gideôna sy i Almà


Niharihary ny ratsy nataon'i Nehôra ny andro nihaonany tamin'i Gideôna izay mpampianatra marin-toetra tao amin'ny Fiangonan'Andriamanitra. Nanohitra tamim-pahasahiana an'i Noà Mpanjaka i Gideôna taona maro talohan'izany ka dia nanana traikefa mikasika ireo mpamitaka ara-panahy (jereo ny Môsià 19:4–8). "Nanomboka nifanditra mafy tokoa taminy i Nehôra hahazoany mitarika ny olon'ny fiangonana haniasia fa i [Gideôna] kosa nanohitra azy sady nananatra azy tamin'ny tenin'Andriamanitra" (Almà 1:7). Fantatr'i Gideôna fa mpamitaka i Nehôra. Rehefa tratra i Nehôra dia nampiasa fomba iray hafa an'i Satana—famonoana olona. Saingy tsy zava-poana ny fahafatesan'i Gideôna. Nentin'ny vahoaka teo anoloan'i Almà mba hotsaraina i Nehôra mpamitaka.

Nahatsapa i Almà fa tsy hoe meloky ny fanaovana komiberaky ny mpisorona sy ny famonoana olona fotsiny i Nehôra fa raha tsy voasakana koa, ny komiberaky ny mpisorona eo anivon'ny vahoaka dia "hiafara amin'ny faharavany tanteraka" (Almà 1:12). Noho izany dia nohelohina ho faty i Nehôra, ary dia "niaritra fahafatesana mahatsiravina" (Almà 1:15).

Ohatra ho antsika i Gideôna sy i Almà. Rehefa manana ny Fanahy miaraka amintsika isika dia hahita sy handre zavatra "araka ny tena toetrany" (Jakôba 4:13). Hahafantatra ny drafitr'i Satana izay feno fitaka isika "amin'ny fahalalana tanteraka, dia miavaka toy ny hazavan'ny andro amin'ny haizin'ny alina" (Môrônia 7:15).

Ilay fahavalontsika "mpamitaka" dia marani-tsaina saingy afaka ny ho marani-tsaina bebe kokoa isika tahaka an'i Gideôna sy i Almà. Toa ny nanombohako nahafantatra tsikelikely ny fahasamihafana nisy teo amin'ireo vola dôlarako anankiroa dia afaka manazatra ny masontsika sy ny saintsika ary ny fanahintsika koa isika mba hamantatra ny fahasamihafana misy eo amin'ny fahamarinana sy ny lainga. Rehefa manao izany isika dia hahafantatra ireo mpamitaka sy hahatohitra ny laingan'izy ireo. ■

*Monina any Utah, Etazonia ny mpanoratra.*



### MANAPARITAKA LAINGA I SATANA

"I Satana, ilay fahavalo, dia maniry ny mba tsy hahombiazantsika. Manaparitaka lainga mba handravana ny finoantsika izy. Mikononkonona ny fanoroana hevitra izy fa ny mpisalasala, sy ny tsy tapa-kevitra lava ary ny mpitsikera no lalim-pahaizana sy feno faharanitan-tsaina, fa ireo izay manam-pinoana an'Andriamanitra sy an'ny fahagagany kosa dia mora voarebireby, sy dombo saina ary mora voafitaka. Hampiroborobo ny hambompo i Satana fa raitra ny fisalasalana amin'ireo fanomezampahasoavana ara-panahy sy amin'ireo fampianaran'ny mpaminany marina."

**Filoha Dieter F.Uchtdorf, Mpanolotsaina Faharoa ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Aza matahotra, minoa fotsiny ihany" *Liahona,* nôv. 2015, 78.**

**FANAMARIHANA**

1. Joseph F. Smith, *Gospel Doctrine,* edisiôna faha-5 (1939), 376.
2. *Enseignements des Présidents de L'Église: Ezra Taft Benson* (2014), 132.
3. James E. Faust, "The Forces That Will Save Us," *Liahona,* jan. 2007, 4.

# Mandrefy ireo fitahiana any Madagasikara



**Nosoratan'i Mindy Anne Selu**
Gazetibokin'ny Fiangonana

Taorian'ny nisedran'ny vadiny fahafahan-jaza izay nahakivy tokoa tao anatin'ny fitondrany vohoka voalohany dia nahatsapa i Solofo Ravelojaona fa voavaly ny vavaka nataon'izy ireo herintaona taty aoriana rehefa bevohoka fanindroany ny vadiny. Raisin'izy sy i Hary Martine vadiny ho toy ny iray amin'ireo fitahiana lehibe indrindra azon'izy ireo ny fahaterahan'ny zanany vavy. Nanazava i Solofo hoe, "Satria nangataka tamin'Andriamanitra izahay dia nomeny anay izy dia nomenay anarana izay midika hoe 'valim-bavaka avy amin'Andriamanitra' amin'ny teny Malagasy izy.' "

I Solofo, izay lehilahy vao herotrerony efa manambady, dia mifikitra amin'ny fahalalana fa mamaly vavaka Andriamanitra ary mitahy ireo mahatoky amin'ny fotoana mahamety izany. "Mafy ny fiainana," hoy i Solofo, "ary rehefa tsy mahazo izay tadiaviny ny olona dia manomboka manontany ny sasany hoe, 'Nahoana no mitranga amiko izao?' Mety handao ny Fiangonana izy ireo na hiahiahy mikasika ny finoan'izy ireo an'Andriamanitra. Saingy mora kokoa izany rehefa miaina ny filazantsara sy mamaky ny soratra masina isika. Rehefa miaina marina ny filazantsara ianao dia afaka mahita marina ireo fitahiana."

Mazava ny antony ilazan'i Solofo hoe mafy ny fiainana satria miaina ao anatina firenena iray izay ahitana olana goavana toy ny fahantrana lalina, fitondram-panjakana tsy milamina, rafitra iankinan'ny fiarahamonina tsy zarizary, ary loza araboajanahary izy. Kanefa ho azy dia lehibe kokoa noho izay mety ho fahasarotana ireo fitahiana avy amin'ny fiainana ny filazantsara. "Tsy ho voaisako intsony ireo fitahiana rehefa miaina foana ny filazantsara aho," hoy izy.

Satria vaovao ihany ny Fiangonana any Madagasikara raha jerena (tamin'ny 1990 no naorina ny sampana voalohany), dia nilaza i Solofo fa ny lafiny tena sarotra amin'ny mahampikamban'ny Fiangonana dia ny fampielezana honohono sy ny tsy fahatakaran'ny olona ny momba ny Fiangonana. Nanao fanamarihana i Solofo hoe tahaka ny tao anatin'ilay nofy nahitan'i Lehia ny hazon'aina dia "mety tsy iainan'ny olona feno ny filazantsara satria mahatsapa ho menatra izy eo anatrehan'ireo namany ary matahotra sao harian'ny fianakaviany." Ny maha-hafa an'i Solofo araka ny filazany dia hoe, "Tsy mba menatra velively izany aho. Iainako ny filazantsara ary tiako hozaraina foana amin'ireo mpiara-miasa amiko izany na dia tsy liana loatra aza ny sasany amin'izy ireo." Matetika izy no mizara ny fijoroana ho vavolombelona tsotra ananany, hany ka nomen'ny mpiaramiasa aminy anaram-bosotra hoe "pasitera" izy.

> **Na dia eo aza ny fifanolanana ara-pôlitika sy ny olona ara-toekarena ao amin'ny fireneny dia miantehitra amin'ireo fitahiana avy amin'ny fiainana ny filazantsara i Solofo.**

Ao anatin'ny fisafotofotoana ara-toekarena sy ara-pôlitika dia miantehitra amin'ireo fitahiana avy amin'ireo fanekempihavanana nataony tany amin'ny tempoly i Solofo sy i Hary Martine (nivady tany amin'ny Tempolin'i Johannesburg Afrika Atsimo izy ireo herintaona taorian'ny nanaovan'izy ireo asa fitoriana—Tany Ouganda i Solofo ary tany Madagasikara i Hary Martine), ary miantehitra koa amin'ny fahatokiany ny Tompo. "Manana ny filazantsara aho ary apetrako fotsiny eo ampelatanan'Andriamanitra ny fiainako," hoy i Solofo nanazava. Afaka miantehitra amin'ny fijoroana ho vavolombelona mafy orina ananany izy satria efa manana finoana amin'ireo "valiny avy amin'Andriamanitra". ■

SARY: ENY AMIN'NY TAMPONY NOMEN-DRAVELOJAONA SOLOFO; AMBANY © ISTOCK/THINKSTOCK







## ZAVATRA BEBE KOKOA MIKASIKA AN'I SOLOFO

*Inona ny sakafo tianao hohanina?*

Vary no foto-tsakafonay—vary be dia be. Ny iray amin'ny sakafo tiako dia antsoina hoe *ravitoto*. Manana fitaovana manokana izahay hitotoana ireo ravina mangahazo mba ho potipotika dia arosonay miaraka amin'ny vary sy hena kisoa izany.

*Inona no zavatra tianao hatao amin'ny fotoana mampalalaka anao?*

Tiako ny mitendry pianô sy mamaky boky. Satria fantatry ny filohan'ny sampana aho fa tia mihira sy afaka mitendry pianô dia hoy izy raha tonga tao amin'ilay sampana aho, "Aaa! manana olona hitarika ny amboarampeo isika," dia nanolotra fotoana ho an'izany aho. Tsy nanana amboarampeo izy ireo teo aloha saingy nanomboka nampianatra azy ireo aho ary ankafizin'izy ireo izany amin'izao fotoana izao.

## MOMBAMOMBA AN'I MADAGASIKARA


Ireo fiteny: Frantsay, Malagasy
Renivohitra: Antananarivo

## ARA-TAREHIMARIKA

22.005.222 ny isan'ny mponina (tany amin'ny taona 2012 tany)
Ny 80 isan-jaton'ny biby any Madagasikara dia tsy hita na aiza na aiza eto an-tany
Nosy faha-4 lehibe indrindra eto amin'izao tontolo izao
Ny 60 isan-jaton'ny lavanila eto amin'izao tontolo izao dia hafarana avy any Madagasikara

## NY FIANGONANA ANY MADAGASIKARA

Olomasin'ny Andro Farany 9.190
Paroasy sy sampana 37
Tsatòka 2
Misiôna 1









**Nosoratan'ny Loholona Dale G. Renlund**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo

# FIORENANA TSARA ARA-PANAHY: MANORINA SAMBO TSY METY MILENTIKA

*Mila fiorenana tsara ara-panahy ampy isika mba hitantanana amim-pahombiazana ny fiainantsika eto an-tany ary mba hiverenana soa aman-tsara any amin'ilay fonenantsika any an-danitra.*

Tany am-piandohan'ny taonjato faha-17, dia nanome baiko ny mpanjaka Soedoa, Gustav II Adolf, mba hanorina sambo mpiady izay hantsoina hoe *Vasa*. Nitaky loharanom-pitaovana maro ny fanamboarana ilay sambo, indrindra ireo hazo oaka hanamboarana izany. Nanara-maso akaiky ny fizotran'ny fanamboarana izany i Gustav Adolf, niezaka ny naka toky fa hahatanteraka ny zavatra niriany i *Vasa*.

Taorian'ny fiantombohan'ilay fanamboarana dia nanome baiko i Gustav Adolf hoe mba hatao lava kokoa i *Vasa*. Raha efa voatsangana ireo andry nanohana ny sakany dia nasain'ny mpanjaka nampitomboan'ireo mpanamboatra ny halavalan'ilay sambo ka tsy nampitomboana ny sakany. Na dia fantatr'ireo mpanamboatra sambo aza fa hisy fiantraikany eo amin'ny fahafahan'i *Vasa* handeha an-dranomasina ny fanaovana izany dia nisalasala izy ireo hiteny zavatra amin'ny mpanjaka izay fantatr'izy ireo fa tsy tiany hohenoina. Dia nankatò izy ireo. Nanamafy koa i Gustav Adolf fa ny sambony dia tsy hanana rihina iray fotsiny fanasiana ny fitaovam-piadiana toy ny mahazatra fa hanana rihana telo misy tafondro ka ny tafondro faran'izay mavesatra no any amin'ny rihana ambony indrindra. Dia na fantatr'izy ireo indray aza izany fa tsy mety dia nankatò izy ireo.

Nanomboka ny diany voalohany i *Vasa* ny 10 aogôsitra 1628. Rehefa niala ny seranan-tsambo i *Vasa* dia nidiran'ny rivotra mahery ireo lain-tsambony ka nanomboka nitongilangilana. Vetivety dia, "tonga dia nitongilana izany ary niditra tamin'ny alalan'ireo famoahana ny tafondro ny rano mandra-pilentehan'izany tany ambanin'ny rano niaraka tamin'ny lain-tsambony sy ny sainy ary ny zava-drehetra."[1] Ny halaviran'ny dia voalohany nataon'i *Vasa* dia teo amin'ny 1280 m teo.

Ilay fanirian'i Gustav Adolf hanana mariky ny heriny diso tafahoatra dia nanimba ny fanamboarana ilay zavatra izay tokony ho lasa sambo tena tsara tarehy sy sambo mpiady faran'izay matanjaka tamin'ny fotoanandrony. Ny fisalasalan'ireo mpanamboatra sambo hilaza ny tsy mety—ny fahatahoran'izy ireo ny fahatezeran'ny mpanjaka—dia nanakana ny mpanjaka tsy hahalala ny fahalalana sy ny



hevitra mahasoa ananan'izy ireo. Tsy tadidin'ireo olona rehetra nandray anjara tamin'izany ny tanjon'ilay asa fanamboarana: hiarovana an'i Suède sy hanatanterahana ireo tanjony any ivelany. Ny sambo iray izay manandrana manohitra ny lalàn'ny voahary dia sambo tsy hitsingevana tsotra izao.

Mba hitantanantsika amim-pahombiazana ny fiainantsika eto an-tany dia mila fiorenana tsara ara-panahy ampy isika hiatrehana ireo rivotra mifofo sy onja mitopatopa sy hanaovana fanovana araka izay azo atao ary hiverenana soa aman-tsara any amin'ny fonenantsika any an-danitra. Misy zavatra azontsika atao mba hampitomboana ny fiorenantsika tsara ara-panahy. Efatra no horesahiko.

## *Mankatò ny didin'Andriamanitra*

Ny voalohany dia ny fankatoavana ny didin'Andriamanitra. Eo ambanin'ireo lalàna ara-panahy isika toa an'i *Vasa* izay teo ambanin'ireo lalàn'ny voahary. Tsy misy afa-miala amin'izany. Mila mankatò ireo lalàna ara-panahy ireo isika izay antsointsika hoe didin'Andriamanitra.

Mety tsapan'i Gustav Adolf ho naneritery ny fiarahana niasa tamin'ireo lalàn'ny voahary tao anatin'ny fanamboarana ilay sambo, saingy tsy ho nilentika talohan'ny nanombohany ny asa nanirahana azy mihitsy i *Vasa* raha toa ka nankatò ireo lalàna ireo. Fa ho lasa nanana fahalalahana sy fahafahana nanatanteraka ny zavatra nokasainy hatao kosa izany.

Torak'izany koa ny fankatoavana ny lalàn'Andriamanitra dia miaro ny fanànantsika fahalalahana sy ny fahafahantsika miovaova ary ny fahafahantsika mampiasa ilay hery anaty ananantsika. Tsy natao haneriterena antsika ireo didy. Fa mitondra fitomboan'ny fiorenana tsara ara-panahy sy ny fifaliana maharitra kosa ny fankatoavana.

Safidintsika ny hankatò. Nanome torolalana i Jesoa hoe, "Indro, efa nomeko anareo ny didy; koa tandremo ny didiko." (3 Nefia 15:10). Tsotra toy izany ilay izy. Manapaha hevitra. Manapaha hevitra manomboka androany ny ho mpankatò tanteraka. Tsy misy zavatra hafa hampitombo bebe kokoa ny fiorenana tsara ara-panahy mihoatra izany. Tsy misy zavatra hafa hanome fahalalahana lehibe kokoa noho izany ho antsika mba hanatanterahana ny tanjon'ny fiainantsika.


## *Manaraka ny torohevitra sy lasa mpianatra mandritra ny fiainana*

Faharoa dia mila mifantoka sy manaraka ny torohevitra avy amin'ireo loharano azo antoka isika ary manolotena mba ho lasa mpianatra mandritra ny fiainana.

Ny iray amin'ireo fandriky ny fananana fahalalana dia ny avonavona izay mety ho tonga rehefa mieritreritra isika fa manana fahalalana maro ka tsy misy zavatra hafa tokony hianarana intsony. Efa hitantsika rehetra tamin'ny olona izay matoky loatra ny fahaizany izany. Tena sarotra ny mampianatra olona mihevitra ho mahafantatra ny zavatra rehetra.

Noho ny fahafantarany izany sy ny faniriany mba ho mpianatra mandritra ny fiainana dia nilaza an'izao ny Filoha Henry B. Eyring, Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany, "Mbola toy ny zaza izay mila mianatra zavatra maro aho. Afaka mianatra zavatra avy amin'ny ankamaroan'ny olona aho."[2] Nampianatra lesona iray manan-danja ho ahy ny Filoha Eyring tamin'izy nanolotra ilay antso mba ho Manampahefana Ambony tamiko. Nilaza izy fa rehefa maheno olona mitantara tantara iray izay efa henony taloha na mampiasa soratra masina efa hainy tsara izy, dia manontany tena hoe, "Nahoana no hamafisin'ny Tompo amiko izany?" ary "Inona no mbola tokony hianarako avy amin'izany tantara na soratra masina izany?" Raha maniry ny hampitombo ny fiorenantsika tsara ara-panahy isika dia ho vonona ny hianatra sy hanana fanetrentena ampy mba hanekena ny fitarihana na firy taona na firy taona ary na inona na inona toe-javatra niainana.

Tena safidintsika izany. Afaka mihaino sy manaraka ny torolalana omena antsika amin'ny alalan'ireo mpitarika ao amin'ny Fiangonana isika, indrindra fa ireo izay tohanantsika ho mpaminany sy mpahita ary mpanambara sy ny torolalana omen'ny ray aman-dreny; ary ireo namana azo itokisana—na tsy mihaino sy tsy manaraka. Afaka mikatsaka ny ho mpianatra mandritra ny fiainana isika—na tsia. Afaka mampitombo ny fiorenantsika tsara ara-panahy isika—na tsia. Rehefa tsy mahavita mampitombo ny fiorenantsika tsara ara-panahy isika dia ho lasa tahaka an'i *Vasa*—sambo iray tsy hitsingevana.













SARINA SAMBO © LUBLUBACHKA/THINKSTOCK, MICHELEBOLERO/THINKSTOCK, DAVID HARDING/THINKSTOCK

## *Manompo ny hafa*

Fahatelo, ny fiheverantsika ny hafa, ny fikarakarantsika ny hafa ary ny fanompoantsika ny hafa dia mampitombo ny fiorenantsika tsara ara-panahy.

Mitoetra ho mazava kokoa ny fifantohana amin'ny mandrakizay rehefa mifantoka amin'ny hafa isika, rehefa mikatsaka ny hanampy ireo zanaky ny Ray any An-danitra. Hitako hoe mora kokoa ny mandray fitaomam-panahy rehefa mivavaka aho mba hahalala ny fomba ahafahako manampy ny hafa noho ny hoe mivavaka ho an'ny tenako fotsiny.

Mety mino isika hoe ho avy ny fotoana izay hananantsika fahafahana tsara kokoa hanampy. Raha ny marina dia izao no fotoana hanaovana izany. Diso isika raha mihevitra fa ho tsara kokoa ny manompo ny hafa rehefa manampotoana bebe kokoa isika na rehefa manam-bola bebe kokoa na manan-javatra hafa bebe kokoa. Na inona na inona toe-javatra iainantsika dia manana safidy isika. Moa ve isika hanampy ny hafa sa tsia? Tsy nahavita niatrika fitsapana lehibe iray eto an-tany isika raha nisafidy ny tsy hanampy ireo izay mila fanampiana. Ary raha manampy isika dia mampitombo ny fiorenantsika tsara ara-panahy.

## *Manao an'i Jesoa Kristy ho fototra iorenana*

Fahaefatra farany sady tena manan-danja, mitombo arakaraky ny halehiben'ny fametrahantsika an'i Jesoa Kristy ho fototra iorenantsika ny fiorenantsika tsara ara-panahy.

Rehefa tsy miaraka amin'i Kristy isika dia voataritarika toy ny sambo atopatopan'ny onja. Tsy manana hery isika satria tsy manana lain-tsambo mpanoro lalana. Tsy miorina tsara isika indrindra amin'ny fotoan-tsarotra satria tsy manana vatofantsika. Tsy mahafantatra izay aleha na tsy manana tanjona isika satria tsy manana na inona na inona entina mamily sambo. Tsy maintsy manao an'i Jesoa Kristy ho fototra iorenana isika.

Mba hahafahana miatrika sy mandresy ny rivotra mifofo sy ny onja mitopatopa eo amin'ny fiainana ary miomana amin'izany dia tsy maintsy mankatò ny didin'Andriamanitra isika; lasa mpianatra manetry tena, vonona sy tsy mihambahamba; manompo ny hafa; ary mametraka an'i Jesoa Kristy ho fototra iorenan'ny fiainantsika. Rehefa manao izany isika dia mitombo ny fiorenantsika tsara ara-panahy. Ho afaka ny hiverina any amin'ilay seranana azo antoka isika rehefa avy nanatanteraka ny diantsika fa tsy tahaka an'i *Vasa*. ■

*Avy tamin'ny lahateny natao nandritra ny fampaherezam-panahy tao amin'ny Oniversite Brigham Young tamin'ny 16 sept. 2014. Mba hahitana ilay lahatsoratra feno amin'ny teny Anglisy dia tsidiho ny speeches.byu.edu.*

**FANAMARIHANA**

1. Taratasy avy amin'ny Filankevitry ny Fanjakana Soedoa ho an'ny Mpanjaka Gustav II Adolf; dikanteny nambara ao amin'ny Richard O. Mason, "The *Vasa* Capsizes," virtualschool.edu/mon/CaseStudies/Vasa/vasa.html. Misy tantara maro mikasika an'i *Vasa*; jereo ohatra ny vasamuseet.se/en mba hahalalana ny tantara ary jereo koa ireo rohy hafa.
2. Henry B. Eyring, ao amin'ny Robert I. Eaton and Henry J. Eyring, *I Will Lead You Along: The Life of Henry B. Eyring* (2013), 409.

# MIANATRA MITENDRY HIRA AO AMIN'NY FIHIRANA *ao anatin'ny 10 minitra!*

**Natambatra sy namboarin'i Daniel Carter**
Sampan-draharaha misahana ny hira sy ny zavakanto ao amin'ny Fiangonana

Raha tsy mbola nitendry pianô mihitsy ianao teo aloha kanefa naniry foana ny hianatra dia izao no fotoana hanombohanao izany. Ny hany ilainao dia vatamarofitsoka. Na tsy manana aza ianao any an-trano dia afaka mitondra ity lahatsoratra ity any amin'ny toerana misy pianô na vatamarofitsoka mba hanombohana ny fianarana.

Tena tsotra sy mora ity lesona ity ka noho izany dia ho afaka ny hitendry hira iray ao amin'ny fihirana ianao rehefa tapitra izany. Raha ny marina dia azo heverina ny hahafahanao mitendry ny lanton-kiran'ilay fihirana ato amin'ity lesona ity ao anatin'ny 10 minitra eo ho eo!

Vonona? Andao ary hanomboka!




SARY NATAON'I DAVID HABBEN

### Miomana ny hitendry ilay pianô

1. Rehefa mipetraka eo amin'ny pianô ianao ka mametraka ireo rantsantananao eo amin'ny vatamarofitsoka dia akisaho lavidavitra any aoriana ilay seza mba hahafahan'ireo kihonao miforitra kely.
2. Mipetraha eo afovoan'ilay seza eo anoloan'ny ivon'ilay vatamarofitsoka.
3. Mipetraha eo amin'ny morony aloha amin'ilay seza dia ataovy mahitsy ny lamosinao ary somary ataovy mitambesatra mankany aloha ny vatanao.
4. Apetraho amin'ny tany ny tongotrao.
5. Ataovy izay hahazoana aina tsara rehefa mipetraka kanefa mahitsia tsara koa.
6. Ataovy izay hampazava tsara ny toerana misy anao mba hahitanao ilay hira sy ilay vatamarofitsoka.



7. Mitsangàna. Ampidino ny tananao dia ataovy maka aina tsara. Jereo tsara ny fiolan'izy ireo ara-boajanahary, toy ny hoe mitazona baolina iray. Rehefa mipetraka indray ianao dia apetraho eo amin'ny vatamarofitsoka ny rantsantananao, dia ataovy maka ilay endrika miolaka ara-boajanahary ihany.
8. Apetraho eo amboni-n'ilay vatamarofitsoka ny tananao, dia avelao hitehaka eo akaikin'ny ivon'ny faritra malalaka eo amin'ireo kitendry fotsy ireo rantsantananao. Ataovy mitsingevaheva eo ambonin'ny vatamarofitsoka ny felatananao fa aza apetraka eo amin'ireo kitendry na eo amin'ilay hazo eo ambanin'ireo kitendry.
9. Kapohy amin'ny tendron'ny rantsantananao eo amin'ny faritra ambany amin'ny rantsanao ny kitendry. Tazony miolaka hatrany ny rantsana tsirairay, ka ireo fiforetana eo an-damosin'ny tananao no hanainganao izany. Rehefa mikapoka ny kitendry ianao dia tazony hiforitra ny fiforetana eo amin'ny rantsantananao.





## Mitendry amin'ny alalan'ny fanomezana laharana ny rantsantanana tsirairay

Mba hanampiana anao hametraka ny rantsantanana tokony hipetraka amin'ny kitendry tsirairay dia omena laharana araka izay haseho eto ireo rantsantanana.

Soratana eo akaikin'ireo naoty ao amin'ilay pejy ireo laharana ho an'ny rantsantanana.

Apetraho eo ambonin'ny andiana kitendry miisa dimy izay tianao ny tananao ka apetraho eo ambony kitendry iray ny rantsantanana tsirairay. Manaova fanazarana mikasika ireo laharana nomena ny rantsantanana amin'ny alalan'ny fitendrena ireo kitendry amin'ny rantsana tokony hitendry izany araka izay atoro eto. Ireo naoty misy tahony miakatra dia ho an'ny tanana havanana. Ireo naoty misy tahony midina dia ho an'ny tanana havia.




## Mitendry ny "Misy havoana iray"

Apetraho eo amin'ny vatamarofitsoka araka izay haseho eto ambany ny tananao.

Ampiasao ireo andiana kitendry mainty misy laharana roa sy telo mba hanampiana anao hahita ny toerana tokony hametrahanao ny tananao.


Tendreo io hira io, amin'ny fanarahana ireo laharana nomena ny rantsantanana araka izay aseho eto. Ireo naoty misy tahony miakatra dia ho an'ny tanana havanana ary ireo naoty misy tahony midina dia ho an'ny havia. Mizara mitendry ilay fihirana mandrapahazoanao aina mitendry izany. Ampiasao ireo fitsipika mikasika ny fampitomboana ny fahaizana manokana amin'ny fitendrena vatamarofitsoka amin'ny rantsantananao izay voatanisa ao amin'ilay lisitra misy zavatra sivy voatanisa.

Nampahafantarina anao ary izao ny fomba fitendrena pianô ary nianatra hira manana lantonkira tsotra ianao. Raha hitendry hira hafa ao amin'ny fihirana ianao dia mila mianatra fitsipika fototra vitsivitsy mikasika ny ba-kira, ny paikam-peonkira, ary ny naoty.

Inty ny ampahany tsara indrindra: ny lesona vao nianaranao teo dia ny lesona voalohany ao amin'ny Lesona momba ny fitendrena vatamarofitsoka an'ny Fiangonana, izay misy amin'ny fiteny miisa enina ao amin'ny sampan-draharaha mpaninjara an'ny Fiangonana.[1] Ny drafitra amin'ny fampianarana mora arahina dia manampy anao hianatra samirery na miaraka amin'ny olona. Mety ho azonao ampandraisina anjara amin'ny fiarahana mianatra pianô ihany koa ny fianakavianao rehetra mba hatao fiaraha-mientana amin'ny takarivan'ny mpianakavy. Azo vitaina ao anatin'ny enina herinandro monja ilay lesona.

Fanadihadiana maro no maneho fa ny fianarana mozika samirery dia manampy amin'ny fifantohan'ny mpianatra sy ny fahatsaran'ny vokatra azony any an-dakilasy ary ny fahaizany mieritreritra tsara.[2]

Rehefa mianatra ny hahay hitendry hira isika dia mampitombo ny talenta izay nomen'ny Tompo antsika, mampitombo ny fahalalantsika, ary mianatra fomba maro samihafa izay azontsika ampiasana ny fahaizantsika sy ny talentantsika mba hanorina ny fanjakany. ■




**FANAMARIHANA**

1. Raha te hamandrika ireo fitaovana fianarana Lesona momba ny fitendrena vatamarofitsoka dia tsidiho ny store.lds.org.
2. Jereo ny Laura Lewis Brown, "The Benefits of Music Education," pbs.org; Jessica Velasco, "How the Arts Can Help Students Excel," the Science of Learning Blog, 11 des. 2012, scilearn.com/blog/how-arts-help-students-excel; "Music Helps Children Learn Maths," *The Telegraph,* 22 mar. 2012, telegraph.co.uk.

# TAPA-KEVITRA NY tsy hanao intsony

*Tsy nihatsara ny fahaizako mitendry pianô na dia efa nanao fanazarana nandritra ny taona maro aza. Nilaza ireo ray aman-dreniko fa afaka mijanona tsy hanao izany aho raha manaja fepetra iray: Tsy maintsy nianatra hira 50 tao amin'ny fihirana aho.*

**Nosoratan'i Gretchen Blackburn**

Niditra tamim-pahatezerana tao an-tranoko aho, nipatrapatraka ny ranomasoko mbola taorian'ny fianarana pianô nandiso fanantenana ihany. Izay no taona fahaefatra nianarako pianô ary hiran'ankizy fotsiny ihany no mba haiko notendrena. Niezaka nitady zavatra tsara holazaina mikasika ny fitendreko izay tena ratsy tokoa ny mpampianatro, saingy vao mainka aho nahatsapa ho hafahafa be ihany. Nandoa saram-pianarana tamin'ny fianarana mitendry pianô izay tsy nilaiko sy tsy nantenaiko hanampy ahy akory ireo ray aman-dreniko.

Tiako hamela ahy tsy hanao izany intsony ireo ray aman-dreniko. "Ao moa e!" hoy aho nitalaho. "Hataoko izay azo atao rehetra. Inona no azoko atao handresena lahatra anareo?"

Rehefa avy nifampiresaka izy ireo dia nilaza hoe "Raha mianatra hira 50 ao amin'ny fihirana ianao dia avelanay hijanona."

Avy hatrany aho dia nanomboka nanao fanazaran-tena. Tena naniry mafy ny tsy hanao izany intsony aho ka dia vonona ny hampitombo ny fotoana hitendrena pianô. Ny hira voalohany hoe "Misaotra Anao noho ny mpaminany" (*Fihirana sy hiran'ny ankizy,* lah. 72), dia nandaniako iray volana latsaka teo vao tena haiko ny nitendry azy. Mbola tapa-kevitra ny tsy hanao intsony foana aho ka dia nanohy ny fanazaran-tenako.


Nisy zavatra mahaliana nitranga: lasa mora ny nianatra nitendry ireo hira tao amin'ny fihirana. Nahatsapa ho faly kokoa aho nandritra ny herinandro. Nanjary nihirahira ireo hira ao amin'ny fihirana aho nandritra ny andro ary nihira mafy kokoa nandritra ny fivoriana fanasan'ny Tompo.

Taty aoriana dia tsy nanara-maso ny isan'ny hira haiko ao amin'ny fihirana intsony aho. Rehefa lasa nahay nitendry pianô kokoa aho dia nahatsapa fa afaka nianatra nitendry tsara hira vaovao tao amin'ny fihirana tao anatin'ny 30 minitra latsaka aho.

Rehefa nampifanampiako izy rehetra tamin'ny farany dia nianatra hira maherin'ny 50 aho. Ary tsy nieritreritra ny hitsahatra amin'ny fianarana mitendry pianô intsony aho. Lasa natoky tena bebe kokoa aho tamin'ny fahaizako nitendry pianô ary nahatsapa ny herin'ireo hira ao amin'ny fihirana teo amin'ny fiainako.

Tahaka ny soratra masina ny hira ao amin'ny fihirana. Miresaka momba ny fahamarinana izy ireo? Rehefa mitendry ireo hira ao amin'ny fihirana aho dia mahatsapa ho toy ny milona tanteraka ao amin'ny soratra masina. Ny fianarana mitendry hira ao amin'ny fihirana dia nanampy tosika ahy hanomboka hampiorina ny fijoroana ho vavolombelona ananako sy ny fianarako ny fahamarinana. Mamaky ny tonon'ireo hira samihafa ao amin'ny fihirana aho mba hanampy ahy mandritra ny androko. Nampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona tato amiko ny fitendrena pianô ary nanome ahy fahafahana maro hanao zavatra tany amin'izay toerana rehetra nalehako. ■

*Mipetraka any New York ao Etazonia ny mpanoratra.*



# FAHATAIRANA, ALAHELO ARY DRAFITR'AN-DRIAMANITRA

*Tsapako nandritra ny **toe-javatra tena nahakivy** teo amin'ny fiainako fa **niaraka tamiko ny Ray any An-danitra** nandritra ny diako iray manontolo.*

**Nosoratan'i Paola Çajupi**

Vao maraina tamin'ny taona 2008 tamin'izay dia nofohazin'ny reniko aho mba handeha hianatra. Tena faly tokoa aho tamin'io maraina io, saingy tsy nahafantatra aho fa hivadika ho andro faran'izay ratsy indrindra teo amin'ny fiainako izany ary andro farany hiarahako aminy. Tsy nahavita nanatrika ny fotoampianarana rehetra aho tamin'io andro io satria nalain'ny namana irain'ny fianakavianay aho ary nilaza tamiko izy fa namono tena ny reniko. Vao 12 taona monja aho tamin'izany.

Nieritreritra aho hoe, "Ahoana no ahafahako miaina tsy misy ny reniko?" Izy no namako akaiky indrindra.

Nitomany nandritra ny volana maro aho. Tsy tiako ny nandeha nianatra satria raisin'ny ankizy hafa amin'ny fomba hafa aho ary nitsetra ahy izy ireo. Tsy fantatro izay zavatra tokony hataoko fa fantatro fotsiny hoe mila matanjaka ho an'ny olona hafa rehetra aho.

Indray andro, dimy na enim-bolana taorian'ny nahafatesan'ny reniko dia izaho irery no tao amin'ny efitranoko ary teny amin'ny varavarankely aho no nitomany sy niezaka nanakatra hoe inona no antony mahatonga ahy eto. Tampoka teo dia naheno feo tao an-tsaiko aho: "Zanako vavy ianao; tsy havelako hijaly ianao." Fantatro fa Andriamanitra izany. Saingy nanaitra ahy izany satria tsy nino Azy intsony aho, indrindra noho ny fahatsapako fa Andriamanitra no nanaisotra ny reniko tamiko. Na dia tsy fantatro aza ny zavatra tiany holazaina dia nahatsapa ho voaro aho.

Nandeha tany Rome, Italie mba hamangy ny dadatoako aho telo taona taty aoriana. Noresahiny tamiko foana ny momba ilay fiangonana niangonany. Nentiny niaraka taminy aho indray Alahady. Hotsaroako foana ny fandehanako nankeny amin'ireo varavaran'ny fiangonana voalohany indrindra ary ny fahatsapana ny fitiavan'ny Ray any An-danitra rehefa niditra aho. Nahatsapa ho toy ny tany an-trano izany aho.

Nanomboka nandeha tany am-piangonana isaky ny Alahady aho ary nanatrika ireo fiaraha-mientana niseho nandritra ny herinandro. Tiako ny niaraka tamin'ireo zatovon'ny Fiangonana. Nitondra fifaliana bebe kokoa ho ahy izy ireo. Nitovy ireo zavatra tao an-tsainay sy ninoanay. Avy eo, telo volana taorian'izany dia tapitra ny fialantsasatra amin'ny faharavatra ka tsy maintsy niverina tany Albanie aho.

Rehefa niverina nody aho dia nolazaiko tamin'ny raiko ireo zavatra tsapako sy ny fifaliana tsapako nandritra ny fotoana rehetra tany. Tsy tiany anefa izany. Nilaza tamiko izy fa tsy havelany manohy mandeha miangona aho sy hianatra bebe kokoa momba izany. Noho izany dia mila manana faharetana aho mandritra ny telo taona manaraka mandrapahafeno 18 taona ahy. Amin'izay aho afaka manao safidy ho an'ny tenako sy mirotsaka amin'ny batisa.

Nandritra izay fotoana izay dia tena voatahy aho satria nisy olona maro nilaza tamiko izay nianaran'izy ireo tany am-piangonana isaky ny alahady. Iray tamin'ireo olona ireo i Stephanie. Nipetraka tany Italie izy tamin'ny fotoana nidiran'ny dadatoako ho mpikamban'ny Fiangonana, saingy niverina nipetraka any aminy any Etazonia izy. Nihevitra ny dadatoako fa tsara raha mifanoratra izahay, ka dia nalaiko ho namana tao amin'ny Facebook izy.



Na dia tsy mba nihaona velively nivantana aza izahay dia ho feno fankasitrahana azy foana aho noho ny fanampiana ahy hanorina ny finoako sy hianatra bebe kokoa momba ny filazantsaran'i Jesoa Kristy. Nanoratra tamiko saika isaky ny alahady izy ary nilaza ny zavatra rehetra nianarany tany am-piangonana dia namaly ireo fanontaniako. Namako akaiky izy.

Farany, taorian'ireo taona maro nananana faharetana, dia natao batisa roa andro taorian'ny naha-feno 18 taona ahy aho. Ary afaka fotoana fohy dia hozaraiko amin'ny reniko ny fifaliana tsapako tamin'izay andro izay, satria hatao batisa ho azy aho. Fantatro fa ho faly izy noho ny fiainana nosafidiako mba hiainana.

Mahatsapa ho tahin'ny Ray any An-danitra aho satria niaraka tamiko tamin'ny fomba maro izy nandritra ny diako iray manontolo. Nilaiko fotsiny ny niandry sy nanam-paharetana satria nanana drafitra ho ahy Izy. Izy ilay nanome hery ahy mba hahatafavoahako tamin'ireo fitsapana natrehako rehetra. Teo foana Izy, nanampy ahy ho faly kokoa. ■


*Mipetraka any Albanie ny mpanoratra.*

SARY NATAON'I DAVID CURTIS



**Nosaratan'ny Loholona José A. Teixeira**
Ao amin'ny Fitopololahy

# NA DIA SARO-KENATRA AZA IANAO



SARY NATAON'I DAVID MALAN

*Matokia ny Tompo dia hitahy anao Izy amin'ireo ezaka ataonao mba hizara ny filazantsara.*

Fony aho filohan'ny misiôna vaovao tao Brésil dia nanao dinidinika niaraka tamin'ny elder vitsivitsy. Nangataka elder iray aho hilazalaza ny momba azy tamiko.

"Saro-kenatra be aho," hoy izy. Natahotra izy sao dia hanembantsembana ny fahafahany manompo ny fahamenarany.

Nanontany aho hoe: "Mieritreritra ve ianao fa afaka manampy anao ho lasa misiônera tsara ny Tompo na dia izany aza?"

"Mino aho fa afaka manao ny zavatra rehetra ny Tompo."

"Avelao ary Izy hanampy anao. Afaka manao izany ve ianao?"

"Afaka aho," hoy izy.

Miaiky aho aloha fa rehefa lasa izy dia nieritreritra aho hoe "Enga anie ka hahomby izany."

Herinandro maro no lasa dia efa ho avy hanao dinidinika indray ireo misiônera ireo. Tamin'ity indray mitoraka ity dia nilaza ny naman'ilay elder saro-kenatra hoe: "Filoha a! Tsy fantatro izay nolazainao azy fa tena nanova zavatra tokoa izany. Lasa tena mahay miresaka amin'ny olona izy." Ka noho izany dia naniry ny hiresaka taminy indray aho.

Rehefa niditra tao amin'ny biraoko izy dia niondrika.

"Manana vaovao tsara maromaro aho," hoy izy. "Mbola

saro-kenatra aho saingy nangataka ny Tompo aho hanampy ahy. Dia nosokafako ny vavako ka nanomboka niteny aho. Dia inona no nitranga hoy ianao? Manao izany foana aho izao. Tsy tadidiko akory aza ny zavatra lazaiko. Ny tena mahatalanjona dia tian'ny olona izany. Mahatsapa ny Fanahy izy ireo. Mahatakatra izay lazaiko sy mitovy hevitra amiko izy ireo."

Talanjona aho raha nahita ny fiovana nisy teo amin'io misiônera io rehefa nametraka ny fitokisany tamin'ny Tompo izy. Lasa fitaovana lehibe tamin'ny fitondrana fifaliana teo amin'ny olona maro izy.

"Mbola saro-kenatra aho saingy nangataka ny Tompo aho hanampy ahy."

### Mandresy ny tahotra

Rehefa mizara ny filazantsara isika dia mahatsapa ho matahotahotra indraindray. Saingy araka izay nasehon'ity misiônera saro-kenatra ity dia hitarika antsika ny Tompo raha mahatoky Azy isika. Ny Fanahy Masina dia hanampy antsika hahalala izay tokony holazaina (jereo ny 2 Nefia 32:2–3), ary rehefa mahatsapa ny Fanahy ny olona dia matetika izy ireo no mandray tsara izany. Olona maro no lasa eritreritra mikasika ny zavatra inoantsika ka dia maniry ny hahalala bebe kokoa momba izany.

### Fifaliana lehibe

Manana fijoroana ho vavolombelona aho fa hitarika antsika amin'ny ezaka ataontsika mba hizara ny filazantsara ny Ray any An-danitra, ka hahatsapa fifaliana lehibe isika ao anatin'izany dingana izany. Raha ny marina, izany fifaliana izany dia tsy hiaraka amintsika amin'izao fotoana izao fotsiny fa any amin'ny tontolo ho avy ihany koa. (Jereo ny F&F 18:16.) Antony tsara iray hanaovanao zavatra tsy dia tena hahazoanao aina izany, na dia saro-kenatra aza ianao. ■

## TAHOTRA TELO AZONAO RESENA

Ankoatra ny fahamenarana dia mahafantatra tahotra telo fanampiny aho izay mahatonga ny sasany amintsika hilaza hoe: "Matahotra aho hoe raha miresaka momba ny filazantsara dia tsy hinamana amiko intsony ny namako." Soa ihany fa azo resena amin'ny alalan'ny finoana ireo tahotra ireo.

1. **TSY DIA MAHAY LOATRA AHO.**
   Raha tsy ampy fahalalana mikasika ny filazantsara ianao dia afaka manampy ireo misiônera manompo amin'ny fotoana feno. Afaka mampianatra antsika ny hafatra mikasika ny Famerenana amin'ny laoniny izy ireo, manampy antsika hanamafy orina ny finoantsika an'i Jesoa Kristy, ary manampy antsika hahatakatra ny fibebahana sy ny fomba hampiharana izany eo amin'ny fiainantsika sy ny antony maha-manan-danja ny batisa sy ny fanomezana ny Fanahy Masina. Loharanompahalalana iray lehibe hafa ny *Torio ny Filazantsarako*. Tiako ny hamporisika ny zatovolahy sy ny zatovovavy rehetra hanana io boky io sy hampiditra izany ao anatin'ny fandalinanareo isan'andro miaraka amin'ny soratra masinareo.
2. **TSY MBOLA NANAO IZANY MIHITSY AHO TEO ALOHA.**
   Raha tsy manana traikefa ianao dia manazara tena miaraka amin'ny misiônera! Afaka manampy anao hahalala izay tokony holazaina sy tsy tokony holazaina amin'ny toe-javatra sasantsasany izy ireo. Rehefa miaraka amin'ny misiônera ianao dia hahatsapa ny fitiavan'izy ireo ny filazantsara ireo mpiara-belona aminy. Nahazo ny herimpo hoentina mizara ny filazantsara izy ireo. Afaka manampy anao hanao toy izany koa izy ireo.
3. **MATAHOTRA AHO NY HIZARA**
   Rehefa mizara ny fijoroana ho vavolombelona ananantsika isika dia manampy ireo namantsika hahita ireo zavatra manan-danja kokoa, ary manomboka manaja antsika sy tia antsika amin'ny fahatakarana hafa izy ireo. Mitranga saika ho ao anatin'ny ankamaroan'ny fotoana izany. Maro ny zatovo milaza hoe: "Sarotahotra aho teo aloha, kanefa rehefa niresaka tamin-kitsimpo, dia nanomboka natoky ahy sy nametraka fanontaniana betsaka kokoa ireo namako." Tsy tokony hatahotra ny hizara izay ananantsika isika. Sarobidy izany satria avy amin'Andriamanitra. Ary inona moa no fomba tsaratsara kokoa hanehoantsika ny fitiavantsika ireo namantsika ankoatra ny mizara amin'izy ireo izay fantatsika fa marina?

# SEHATRA HO ANTSIKA



## MARIN-TOETRA AMIN'NY ZAVA-DREHETRA

Alivsi H., Jalisco, Mexique

Any am-piandohan'ny tapa-taona tsirairay avy any an-tsekoly dia mahazo fitaovana maimaimpoana izahay izay ahitana kahie fandraisana an-tsoratra, boky fandaminam-potoana, ary santionana fitaovana samihafa. Tamin'ny taom-pianarana iray izay aho dia nilahatra mba haka ireo fitaovana ho ahy ka nahita fa tena ilaiko tokoa ny fitaovana izay azoko.

Rehefa nifarana ilay tontolo andro dia hitako fa nanome fitaovana roa mitovy izy ireo. Mora dia mora ny niverina nilahatra indray mba hahazoana andiam-pitaovana fanindroany, ka dia nanapa-kevitra ny hanao izany aho. Sady maimaimpoana koa moa ireo zavatra ireo, ary izaho dia nila io fitaovana io.

Nijanona vetivety tao amin'ny trano fivoahana aho, dia nahita finday adinon'ny ankizivavy sasantsasany tao. Iray amin'ireo hiaka farany vao nivoaka izany, ary ny telefaoniko dia vao very herinandro lasa izay. Saingy tsy nieritreritra ny hitazona izany ho ahy akory aho. "Mangalatra izany" hoy aho.

Taorian'izay, rehefa teny an-dalana haka ny fitaovana maimaimpoana fanindroany ho ahy aho dia tsapako fa tsy marin-toetra tahaka ny fitazonana ilay finday ho an'ny tenako ihany koa izany satria tsy maintsy handainga aho dia hilaza hoe tsy mbola nahazo aho teo.

Feno fankasitrahana aho noho io zavatra kely niainako izay nampianatra ahy lesona lehibe io. Naveriko tao amin'ilay trano fivoahana ilay finday ary kahie fandraisana an-tsoratra iray sy boky fandaminam-potoana iray, ary santionana fitaovana iray ihany no nentiko nody, kanefa nanana fahatsapana tsara aho noho izaho niezaka ny ho marin-toetra tamin'ny zavatra rehetra, na dia kely aza izany. ■

## NOTAHIANA NOHO NY FANKATOAVANA NY LALÀN'NY FAHAFOLONKARENA

Sabrina T., São Paulo, Brésil

Fony aho mbola kely, izaho sy ny fianakaviako dia nandalo fitsapana maro ara-bola izay naharitra mandrapahafenoko 10 taona. Tsy afaka nahita asa ny raiko, ka noho izany dia nivarotra teny amoron-dalana izy ary zara raha nahazo vola. Nijanona tao an-trano ny reniko mba hikarakara ahy sy ny zandriko lahy.

Saingy na dia nandalo fotoan-tsarotra maro aza izahay dia nanana fijoroana ho vavolombelona mikasika ny fandoavana fahafolonkarena sy ny fanomezana fanatitra hafa. Nandoa fahafolonkarena isam-bolana tamimpahatokiana izahay dia nanana mandrakariva izay nilainay. Azonay antoka fa notahiana lalandava izahay noho ny hatsaram-panahy tsy manam-petran'ny Tompo sy noho Izy mihazona ny fampanantenany rehefa mankatò ny didiny isika.

Nifarana ihany ny fotoana nitsapana anay teo amin'ny ara-bola nony farany. Ireo fitahiana izay nomen'ny Tompo anay tao anatin'ireo taona vitsy faramparany dia tena nampitolagaga.

Fantatro fa ireo izay mandoa amim-pahatokiana ny fahafolonkarena sy mandoa ny fanatitr'izy ireo amim-pitiavana amin'ny fananana tanjona hitahy ny fiainan'ny hafa, dia hanana ny ampy ary mety mbola hisy zavatra tsara kokoa hitranga aza, tahaka izay niseho teo amiko sy ny fianakaviako. Hitombo ireo fitahiana. Fantatro izany. Niainako izany. ■

SARY NATAON'I KELLEY MCMORRIS

# OHATRA NY TSARA E?

Jereo indray. Tian'i Satana hanakalo ny tena fifaliana marina amin'ny fahasambarana kely mamitaka izay tsy hahafapo mihitsy isika. Aza mihinana amin'izany na dia kely aza.

(Jereo ny Dieter F. Uchtdorf, "Vitanao io, izao dia izao!" *Liahona,* nôv. 2013, 56.)



SARY NALAIN'I DAVID STOKER

"Voarabiraby aho any an-tsekoly noho izaho Olomasin'ny Andro Farany. Fantatro fa mila miaro ny zavatra inoako aho, kanefa mafy be izany! Ahoana no hahatongavako ho mahery fo kokoa?"

Marina tokoa ny eritreritrao fa mila fahasahiana ianao mba hiatrehana io toe-javatra io. Sady i Jesoa Kristy koa dia nandidy hoe: "Mitsangàna ary mamirapirata mba hahatonga ny fahazavanao ho faneva ho an'ireo firenena" (F&F 115:5). Kanefa ny fananana herimpo hamela ny fahazavanao hamirapiratra dia mety hidika na tsia hoe miteny mafy ireo izay maneso anao.

Amin'ireo tranga roa ireo dia afaka mamela ny fifanoherana hitaona anao hanao izay tsara kokoa ianao. Rehefa miasa mafy ianao mba hampatanjaka ny fijoroana ho vavolombelona ananananao dia afaka mampitombo ilay herimpo mangina izay hanampy anao hilaza izay eritreritrao na manohy fotsiny ihany manao izay tsara, na dia maneso aza ny hafa.

Mety mahatezitra izany voarabiraby izany, kanefa tadidio fa afaka mivavaka ianao mba ho feno fiantrana mba hahafahan'ny hafa mahatsapa ny fitiavan'i Kristy amin'ny alalanao (jereo ny Môrônia 7:48). Koa satria miavaka ny toe-javatra tsirairay dia katsaho ny fitarihan'ny Fanahy mba hahafantarana ny fomba hamaliana araka ny fomban'i Kristy amin'ny fotoana tsirairay.

Miankina amin'ny toe-javatra misy, dia mety tena tsara ny miresaka manokana amin'ireo izay nandrabiraby anao na ny tsy miraharaha fotsiny ireo fanesoesoana feno fiantsiana eo ampanohizanao miaina ny zavatra inoanao. Raha tsy liana amin'ny fihainoana izay tianao holazaina ny hafa dia mety ho ny fanehoanao hatsaram-panahy sy famelan-keloka ary fahitsim-po no hafatra tsara indrindra azonao ampitaina.

**Manehoa herimpo marina**
Ireo izay mandrabiraby anao dia mety tsy hitsahatra hanao izany noho ny fanananao fahasahiana hiteny azy ireo mba tsy hanao izany, kanefa mety hijanona izy ireo rehefa mampihatra ny herimponao ianao amin'ny fiainana ny maha-ianao anao—Olomasin'ny Andro farany. Na tsy mbola fantatrao akory aza izany dia hotahiana ianao rehefa mankasitraka ny zavatra ataonao ny Ray any An-danitra, ary izany dia antenaina mba hanokatra ny mason'izy ireo hahita ny filazantsara naverina tamin'ny laoniny eo amin'ny fiainanao.
***Bright U., 17 taona, Imo State, Nigeria***

**Mitadiava hery avy amin'ireo zavatra fototra**
Ny vavaka sy ny fifadian-kanina dia zava-dehibe satria izy ireo dia hanampy anao hanohitra ireo hanihany sy olana any an-tsekoly, tahaka ny nanoheran'i Jesoa Kristy ireo fanesoana maro fony Izy teto an-tany. Izany dia hanampy anao hikolokolo fitiavana sy faharetana bebe kokoa amin'ny olona.
***Walter C., 15 taona, Jaén, Pérou***



**Meteza ho voatarika amin'ny alalan'ny vavaka**
Nandritra ny fotoana maro dia izaho no hany mpikambana tao amin'ny sekoly misy ahy. Toy ny nahatakatra tsara ny safidiko ireo namako akaiky indrindra, saingy nandrabiraby ahy ny namana sasany tao an-tsekoly. Indray andro aho dia nivavaka ka nahatsapa fa nila niresaka tamin'ny iray tamin'izy ireo izay namporisika ny hafa handrabiraby ahy. Nohazavaiko taminy fa tsy tezitra taminy aho, kanefa nangataka azy



*Ireo valinteny dia natao ho fanampiana sy ho fanoroan-kevitra fa tsy fanambarana ôfisialy ny fotopampianaran'ny Fiangonana.*

aho ny hanaja ahy tahaka izay tiany hanajana azy. Rehefa avy nandre ny resaka nifanaovanay ny iray tamin'ireo mpampianatro dia niaro ahy mandrakariva izy rehefa nahita zavatra niseho. Fantatro fa hiaraka aminao ny Tompo rehefa miresaka amin'ireny olona ireny ianao.

***Shanela S., 14 taona, Pangasinan, Philippines***

### Ataovy izay hahazoanao fijoroana ho vavolombelona

Voalohany dia ataovy izay hahazoana fijoroana ho vavolombelona tena izy mikasika ireo fahamarinana izay tianao hozaraina amin'ny hafa. Avy eo dia ataovy izay hitiavana ireo olona mpandrabiraby ary aza miady hevitra aminy, satria tsy manohana ny fifandirana mihitsy Andriamanitra (jereo ny 3 Nefia 11:29). Ary ny manan-danja indrindra, dia miezaha hanana mandrakariva ny Fanahy miaraka aminao. Ny Fanahy dia hanampy anao hanana fitiavana sy herimpo bebe kokoa ary hampahery vaika ny teninao izy.

***Julia F., 19 taona, Hesse, Alemana***



### Tiavo ny fahavalonao

Efa niaina toe-javatra toy izany aho. Raha manam-pinoana ianao ary manetry tena dia hahazo ny hery sy ny finoana ilainao mba "[hitiavana] ny fahavalo[nao] ary [hivavahana] ho an'izay manenjika [anao]" (Matio 5:44). Amporisihiko ianao hanadihady ny soratra masina mba hahazo ny valin'ireo fanontanianao mikasika ny fomba hahatongavana ho matanjaka. Mivavaha rehefa mahatsapa ho irery ao amin'ny finoanao ianao. Ny Romana 8:31 dia milaza hoe: "Inona ary no holazaintsika ny amin'izany zavatra izany? Raha Andriamanitra no momba antsika, iza no hahatohitra antsika?" Manana an'Andriamanitra eo anilanao ianao. Azo tanterahina avokoa ny zavatra rehetra.


***Reagan T., 15 taona, Utah, Etazonia***



### Aza matahotra

Miresaha matetika mikasika ny finoanao na manaova fanahy iniana manao zavatra mba hiresahana izany. Tao anaty toe-javatra toy izany aho ka nanoratra hoe "Tiako izany hoe Olomasin'ny Andro Farany izany" teo amin'ny kitapo fibabiko. Rehefa nanao izany aho dia nanomana lalana mba hahafahana mitory ny filazantsara ary naneho tamin'ny olona fa tsy natahotra aho ny nampahafantatra azy ireo fa Olomasin'ny Andro Farany ny tenako. Na inona na inona ataonao dia aza avela hanelingelina anao ireo zavatra ireo. Mivavaha ho azy ireo sy ho anao manokana. Vetivety ianao dia hahita fa raha mifantoka amin'ny fanavotana ny fanahin'ny hafa ianao dia tsy hatahotra be ny hampahafantatra azy ireo ny marina mikasika ny filazantsaran'ny Rainao.

***Savanna P., 14 taona, Texas, Etazonia***



### FAHARISIHANA AVY AMIN'NY FINOANTSIKA

"Sarotra matetika ny manao izay hiavahana sy hijoroana irery eo anivon'ny olona rehetra. Toe-javatra mahazatra izany hoe matahotra izay ho eritreretin'ny hafa na holazain'ny hafa izany. Mankahery ireo teny ao anatin'ny salamo izay manao hoe: 'Jehovah no fahazavako sy famonjena ahy; Iza no hatahorako? Jehovah no fiarovana mafy ho an'ny aiko; Iza no hangovitako?' [Salamo 27:1]. Rehefa ataontsika ho ivon'ny fiainantsika i Kristy dia hosoloin'ny faharisihana avy amin'ny finoantsika ny tahotsika."

**Filoha Thomas S. Monson, "Aoka ianao ho ohatra sy fahazavana," *Liahona*, nôv. 2015, 88.**

## FANONTANIANA HO AVY


"Ahoana no ahafahako mahafantatra fa mihaino ny vavako Andriamanitra?"

Alefaso ny valinteninao, ary raha tianao, dia mandefasa sary à haute résolution hatramin' ny 1 mey 2016 ao amin' ny liahona.lds.org, amin'ny alalan'ny email ao amin'ny liahona@ldschurch.org, na amin'ny alalan'ny taratasy (jereo ny adiresy ao amin'ny pejy 3).

Tsy maintsy hita ao amin' ny email na ny taratasy alefanao ireto fampahalalana ny mombamomba anao manaraka ireto sy ny fanomezan-dalana: (1) anarana feno, (2) daty nahaterahana, (3) paroasy na sampana, (4) tsatòka na distrika, (5) ny fanomezan-dalanao natao an-tsoratra, ary raha toa ka latsaky ny 18 taona ianao dia ny fanomezan-dalana nosoratan'ny ray aman-dreninao (ekena ny fandefasana izany amin'ny e-mail) mba hamoahana ny valinteninao sy ny sarinao.

Mety ho asiam-panamboarana ireo valinteny noho ny halavany sy mba hampazava kokoa izay tiana hambara.

# Inona no ataon'ireo apôstôly?



**Nosoratan'ny Loholona David A. Bednar**
Ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo



Mpanompon'ny Tompo ny Apôstôly. Manao dia lavitra izy ireo mba hamangiana ireo mpikamban'ny Fiangonana manerana izao tontolo izao.

Ny fotoana voalohany nanaovako dia lavitra tamin'ny naha-Apôstôly ahy dia nifanena tamin'ny lehilahy iray aho izay nahatsapa fa sarotra ny miaina ny Tenin'ny Fahendrena. Nilaza taminy aho hoe "Naniraka ahy aty ny Tompo mba hanome anao hafatra tena tsotra: 'Afaka manao izany ianao. Mampanantena aho fa hahazo ny fanampiany ianao rehefa miatrika io fanamby io.

Haniraka Apôstôly iray handeha lavitra be eto amin'izao tontolo izao ve ny Tompo mba hanampiana olona iray fotsiny? Ny valiny dia *eny*. Manao izany foana Izy. ■

*Nalaina avy amin'ny fampitana mivantana maneran-tany nifanatrehana tamin'ny Loholona sy Rahavavy Bednar.*

SARY NATAON'I SCOTT GREER



# Fiadanana ao am-poko

**Nosoratan'i Carol F. McConkie**
Mpanolotsaina voalohany ao amin'ny fiadidian'ny Zatovovavy maneran-tany

Fony aho valo taona dia nahita ny Filoha David O. McKay (1873–1970). Tonga mba hanokana trano Fiangonana vaovao tao Palmyra, New York, Etazonia izy. Nandeha namonjy ilay fanokanana ny fianakaviako. Nisy olona maro hafa tonga ihany koa. Samy nientanentana avokoa izahay nahita ny mpaminany!

Tena mbola kely aho ka noho izany dia sarotra ho ahy ny nahita ny zavatra niseho fa takon'ny olona. Saingy mbola nahatsapa ny fitiavan'ny Filoha McKay ihany aho. Nahita ny volofotsiny sy ny tarehiny feno hatsaram-panahy nandritra ny iray minitra monja aho. Nieritreritra aho hoe "Toy izao izany no endrik'izany mpaminanin'Andriamanitra izany." Efa namaky momba ireo mpaminany tao amin'ny soratra masina aho, fa io no fotoana voalohany nahitako mpaminany na Manampahefana Ambony mivantana. Nahafantatra aho fa hay ny mpaminany dia olona tahaka ny rehetra. Ary tia antsika izy ireo! Ho tsaroako mandrakariva ny fitiavana sy ny fiadanana tsapako tamin'izay andro izay.

Fony aho 11 taona dia niaina zavatra iray hafa izay nanampy ahy hahatsapa fiadanana tao am-poko. Efa ho avy ny fihaonamben'ny tsatòka tamin'izay, ary nihira tao amin'ny amboarampeon'ny tsatòka aho. Nientanentana ery aho! Nanao lobaka fotsy tsara tarehy aho ka dia nahatsapa ho tena niavaka. Nalaina tao amin'ny Jaona 14:27 ny tonon'ny hira nohirainay, izay milaza hoe: "Ny fiadanako no avelako ho anareo, ny fiadanako no omeko anareo: tsy tahaka ny fanomen'izao tontolo izao, no fanomeko anareo. Aza malahelo na matahotra ny fonareo."

Ireo teny ireo dia tena nahakasika ny foko, ka tadidiko izy ireo mandraka ankehitriny. Rehefa nihira ireo tonony ireo aho dia fantatro fa marina izy ireo. Nahatsapa ny Fanahy Masina aho nilaza tamiko fa ny fanarahana an'i Jesoa Kristy dia manampy antsika hahatsapa fiadanana. Nanomboka tamin'izay, rehefa manana olana aho, dia tonga ato an-tsaiko io soratra masina io ary manome ahy fiadanana. Nitahy ny fiainako manontolo ny fahamarinana nianarako fony aho mbola kely. ■

SARY NATAON'I AMY BATES

# Ny FIJOROANA HO nataon'i Ethan

**Nosoratan'i Larry Hiller**

Niainga tamin'ny tantara marina

*"Mihainoa, mihainoa. Hibitsika ny Fanahy Masina. Mihainoa, mihainoa ilay feo tony sy malefaka" (*Chants pour les enfants*, 56).*

Nipetraka nanatrika ny fotoana ifanakalozana i Ethan. Nijery an'i Sam izay namany akaiky indrindra nijoro ho vavolombelona izy. Nipetraka teny amin'ny lampihazo i Sarah namany, niandry ny anjarany hanao fijoroana ho vavolombelona. Niresaka mikasika ny asa fanompoana nataony i Sam. Nilaza izy fa manana fijoroana ho vavolombelona momba ny asa fanompoana. Nizara ny fijoroana ho vavolombelona ananany momba ny fianakaviana i Sarah. Nijoro ho vavolombelona koa ny mpampianatr'i Ethan. Niresaka mikasika ny asa atao any amin'ny tempoly izy. Nijoro ho vavolombelona daholo izy ireo fa marina ny Fiangonana. Toy ny hoe nanana fijoroana ho vavolombelona avokoa ny rehetra afa-tsy i Ethan ihany.



*Toy ny hoe nanana fijoroana ho vavolombelona avokoa ny rehetra afa-tsy i Ethan ihany.*

"Fijoroana ho vavolombelona mikasika ny inona no ananako?" Nanontany tena i Ethan.

Nieritreritra mikasika ny fotoana nanaovana batisa azy sy ireo namany tamin'ny taona vitsy lasa izy. Rahavavy Calder, izay mpampianatra azy ao amin'ny Kilonga, no nanao ny lahateny momba ny Fanahy Masina.

"Afaka manome anareo fahatsapana mafanafana ao anatin'ny fonareo ny Fanahy Masina. Afaka manampy anareo hahafantatra izay marina Izy," hoy izy. "Dia toy izany no fomba hahazoanareo fijoroana ho vavolombelona momba ny zavatra inoanareo."

Niezaka nanao izay tsara i Ethan mba hahatsapany ny Fanahy

# VAVOLOMBELONA



Masina. Namaky soratra masina sy nivavaka izy. Saingy tsy mbola nahatsapa izany fahatsapana mafanafana resahin'ny olona izany mihitsy izy. Midika ve izany fa tsy nanana fijoroana ho vavolombelona izy?

Niraikitra tao an-dohan'i Ethan io fanontaniana io ny ampitson'izay. Mbola nieritreritra momba izany izy rehefa nanao skateboard izy sy i Sam rehefa nirava avy any ampianarana. Nanontany tena izy hoe ahoana no fomba hanontaniany izany amin'i Sam.

"Sam a!" hoy i Ethan nanontany nony farany, "natahotra ve ialahy tamin'ilay nijoro ho vavolombelona omaly?"

Niala teo ambony "planche" notaingenany i Sam dia nandeha teo amin'ny bozaka. "Tsy dia natahotra loatra," hoy izy, sady nipetraka. "Nizara ny fijoroana ho vavolombelona ananako aho tamin'ny alina niarahan'ny fianakaviana ny sabotsy alina."

Nankeo akaikiny i Ethan dia nametraka ny skateboard notaingenany teo amin'ny feny. "Fa ahoana anefa no nahafantaranao fa nanana fijoroana ho vavolombelona ianao?

"Nivavaka aho dia nanana fahatsapana tsara momba izany."

Nanatokatoka tsimoramora ny lohany i Ethan sady nanodina kodiarana iray tamin'ny tanany. Mba te hanana fahatsapana toy izany koa mantsy izy.

Ny alin'io, rehefa maizina sy nangina ny tao an-trano, dia nandohalika teo akaikin'ny fandriany i Ethan mba hivavaka.

"Ray any An-danitra ô!" hoy izy, "mba ampio aho hanana fijoroana ho vavolombelona. Ampio aho hahalala fa marina ny Fiangonana. Fa mpaminany i Joseph Smith. Ary marina ny Bokin'i Môrmôna."

Niato i Ethan rehefa nisasaka ny vavaka nataony. Nieritreritra nandritra ny minitra vitsy izy. Dia nanontany tena izy hoe: "Efa mahafantatra zavatra ve aho?"

Taorian'izay dia nisy fahatsapana tony sy feno fiadanana tonga teo aminy. Tsy fahatsapana mandoro mafy izany. Kanefa dia fantatr'i Ethan fa ny Fanahy Masina *izany*.

Nisy eritreritra tonga tao an-tsain'i Ethan hoe: "Fantatro fa mahafantatra aho." Ary rehefa nieritreritra izany izy dia nahafantatra fa efa nahatsapa izany fahatsapana feno fiadanana izany izy teo aloha.

Isaky ny mamaky ny Bokin'i Môrmôna izy dia nahatsapa fa tsara sy marina izany. Tamin'izay izy dia nahafantatra fa izany fahatsapana izany dia ny Fanahy Masina izay nijoro ho vavolombelona taminy. Tamin'izy nankany am-piangonana dia nahatsapa fa tsara sy mahafinaritra rehefa tonga ao; ny Fanahy Masina ihany koa izany. Hay izy efa nahazo fijoroana ho vavolombelona!

Tsy nila nahafantatra ny zavatra rehetra tamin'izany fotoana izany izy. Kanefa fantany fa tena nisy ny Fanahy Masina ary afaka nanampy azy hampitombo hatrany ny fijoroana ho vavolombelona nananany.

Nanomboka nivavaka indray i Ethan. Fa tamin'izay fotoana izay dia nivavaka izy mba hiteny hoe misaotra. ■

*Monina any Utah Etazonia ny mpanoratra.*

SARY NATAON'I MELISSA MANWILL

# Vola Pesos ho an'ny
# Ray any An-danitra



Nosoratan'i Angela Peña Dahle

*"Tandremo ny didy. Misy fiarovana sy fiadanana ao anatin'izany" (*Chants pour les enfants, *68).*

Nitsako ny tortilla indray am-bava farany teny an-tanany i Ana. Nalemy sy natsiro ery ilay izy. Tena tian'i Ana ny tortillas namboarin'ny renibeny. Ireo no tena tiany indrindra tamin'ny sakafo maraina.

Nijery an'i Abuela renibeny nanasa lovia i Ana.

Tahaka ny maraina rehetra izany fotoana izany. Saingy nisy zavatra iray niova.

Mazàna i Abuela no nandeha antongotra tany an-tsena mba hividy sakafo. Fa tsy nandeha izy tamin'io andro io. Tsy nisy vola hividianana sakafo tamin'io andro io.

"Inona no hohanintsika rahampitso?" Hoy i Ana nanontany tena.

Dia nahatadidy zavatra i Ana. Fantany hoe taiza no nisy ny vola sasany! Nahita an'i Abuela nametraka pesos vitsivitsy tao anaty kitapo lamba kely fotsy izy ny omaly alin'io.

"Abuela a! adinonao angaha? Manam-bola hividianana sakafo ianao."

"Vola inona?" Hoy i Abuela nanontany.

Nihazakazaka naka ilay vola i Ana. Nahontsany ilay kitapo kely nisy vola madinika. *Klink! Klink!*

Nitsiky i Abuela. "Fahafolonkarentsika iny ry Ana a! *Volany* iny."

"Ka inona anefa no hohanintsika rahampitso?" Hoy i Ana nanontany.

"Aza manahy," hoy i Abuela. "Mino aho fa hanampy antsika ny Ray any An-danitra."

Ny ampitson'izay dia nomen'i Abuela an'i Ana ny tortilla farany vita tamin'ny katsaka. Dia nipetraka teo amin'ny sezany izy.

SARY NATAON'I ANDREW BOSLEY

Nanao peta-kofehy voninkazo mena tamin'ny akanjo iray izy dia nitantara tantara mikasika ny fotoana naha-zazavavikely azy. Tsy hita hoe nanana ahiahy izy.

Taorian'izay dia nahare olona nandondona i Ana. Nihazakazaka namoha ny varavarany izy.

"Dadatoa Pedro!"

"Nanana fahatsapana aho fa tokony hamangy anareo roa," hoy i dadatoa Pedro. Nametraka harona telo teo ambony latabatra izy. Ny iray dia nisy lafarinina katsaka fanaovana tortillas. Ny iray hafa dia nisy hena. Ary ny iray hafa dia nisy legioma mbola vaovao tsara avy any an-tsena.

"Ry zanako lahy tena tiako," hoy i Abuela. "Hanaovako lasopy misy hena baolina faran'izay tsara indrindra ianao e!'

"Ny lasopinao no tsara indrindra eto an-tany," hoy i dadatoa Pedro.

Nihomehy i Ana sady nitehaka.

Avy eo dia nijanona izy. Nisy zavatra iray tiany ho fantatra. "Abuela a! nahafantatra ve ianao hoe ho avy dadatoa Pedro androany? Izany ve no tsy nampiahiahy anao?"

"Tsia," hoy i Abuela. "Rehefa mandoa ny fahafolonkareko aho dia mino fa hitahy ahy ny Ray any An-danitra. Dia tena notahiany aho!"

Nofihinin'i Ana i Abuela. Nahatsapa izy fa toy ny hoe izy no ankizivavy faly indrindra tao Mexique. Nanam-pinoana ny Ray any An-danitra izy sy i Abuela. Tsy andriny intsony tamin'izay ny hihinana ny lasopy matsiro nandrahoin'i Abuela. ■

*Mipetraka any Caroline du Nord ao Etazonia ny mpanoratra.*




# Manaraka ny mpaminany sy ny apôstôly

Nosoratan'i Jenna Koford







Miantso mpaminany sy apôstôly Andriamanitra mba hampianatra antsika ny zavatra tian'Andriamanitra ho fantatsika. Afaka mamaky momba ireo mpaminany tahaka an'i Noa, i Nefia, sy i Joseph Smith ary ireo apôstôly tahaka an'i Petera sy Paoly isika ao anatin'ny soratra masina. Manana mpaminany sy apôstôly isika amin'izao fotoana izao!










SOMBINY AVY TAMIN'NY *MANATANTERAKA NY TENINY REHETRA NY TOMPO*, NATAON'I CLARK K. PRICE; SOMBINY AVY TAMIN'NY *JOSEPH SMITH, ZANANY*, NATAON'I DANQUART A. WEGGELAND; SOMBINY AVY TAMIN'NY *IREO TANTARA AO AMIN'NY TESTAMENTA VAOVAO*, NATAON'I PAUL MANN; SOMBINY AVY TAMIN'NY *NITANTANA NY FANAMBOARANA NY SAMBO I NEFIA SY I LEHIA*, NATAON'I JERRY THOMPSON; SARY NATAON'I GARTH BRUNER



## Inona no atao hoe "mpaminany sy mpahita ary mpanambara"?

Ny **mpaminany** dia mitondra teny avy amin'Andriamanitra.


Ny **mpahita** dia afaka mahafantatra ny lasa sy ny ankehitriny ary ny hoavy.

Ny **mpanambara** dia manambara (na mampiseho) amintsika ny sitrapon'Andriamanitra.

- Ireo mpikambana ao amin'ny Fiadidiana Voalohany dia samy mpaminany, mpahita ary mpanambara avokoa. Torak'izany koa ireo Apôstôly rehetra.
- Ny Filohan'ny Fiangonana irery ihany no manana fahefana avy amin'Andriamanitra hitarika ny Fiangonana iray manontolo.
- Firy raha atambatra ny isan'ny mpaminany sy mpahita ary mpanambara velona ananantsika?

**12 15 3 1**

*Valiny: 15*



## Nahoana no zava-dehibe ny manaraka ny mpaminany?

Ny mpaminany dia tahaka ny olona iray miambina eny amin'ny tilikambo (jereo koa ny pejy 38). Afaka mahita ny loza mananontanona ary milaza amintsika ny fomba atao mba ho voaro izy. Manampy antsika hanaraka an'i Jesoa Kristy izy.



## Inona no nangatahan'ny mpaminanintsika mba hataontsika?

Ny Filoha Thomas S. Monson no mpaminanintsika amin'izao fotoana izao. Ireto misy zavatra vitsivitsy nangatahiny mba hataontsika?

- Manaraka ny ohatra nasehon'i Jesoa sy mitia ny olona rehetra.
- Mandoa ny fahafolonkarena ary mandrotsaka anjara biriky ao amin'ny kitapom-bola ho an'ny asa fitoriana.
- Manalavitra ireo zavatra ratsy hita any amin'ny sarimihetsika sy fahitalavitra ary fitaovan-tserasera hafa.
- Mametraka sarina tempoly any amin'ny efitrano fandriana rehetra.
- Mandalina ireo lahateny natao nandritra ny fihaonamben'ny Fiangonana maneran-tany.
- Mamangy ireo zokiolona ary maneho ny maha-mpifanolobodirindrina tsara toetra.

Mifidiana zavatra iray azonao atao amin'ity volana ity avy ao amin'io lisitra io. Inona no hataonao? ■

# Nibebaka i Almà

Izy Almà dia mpisoron'i Noà Mpanjaka ratsy fanahy. Nihaino ny mpaminany Abinadia nampianatra mikasika ny didy izy. Fantatr'i Almà fa mila manova ny fiainany sy manaraka an'Andriamanitra izy toy izay hanao zavatra ratsy. Nosoratany ny zavatra nampianarin'i Abinadia. Nanomboka nampianatra ny hafa ny filazantsara izy. Nanorina fianakaviana izy taty aoriana ary nantsoiny hoe Almà ny iray tamin'ireo zanany lahy.



Mpiandry tsato-kazo aho tamin'ny nilalao baolina ary tena nahay. Dia tsaroako fa nila nibebaka aho noho ny nitenenako zavatra ratsy omaly. Nila nanao izany aho saingy mbola tena teo am-pilalaovana baolina. Dia nisy zavatra tsaroako. Afaka mivavaka ianao na aiza na aiza rehefa mila manao izany! Rehefa avy nivavaka aho dia nahatsapa ho nahazo aina fa nibebaka.


**Peter G., 8 taona, Utah, Etazonia**



***Damon B., 8 taona, Utah, Etazonia***

SARY NATAON'I JARED BECKSTRAND

Hetezo dia aforeto ary tehirizo ity karatra misy fanamby ity!




## Afaka mibebaka aho!


- ☐ Ataovy tsianjery ny Môsià 18:9.
- ☐ Soraty na ataovy sary izay zavatra nambaran'ny mpaminany tany amin'ny fihaonamben'ny Fiangonana.
- ☐ Mifidiana fomba iray ahafahanao miova ho amin'ny tsara kokoa. Ezaho atao amin'ity volana ity izany.
- ☐ Izaho dia vonona ny . . .

______________________________

## Ny soratra masina amin'ity volana ity

Isaky ny avy mamaky andinin-tsoratra masina ianao dia lokoy ireo faritra misy tarehimarika mifandray amin'izany eo amin'ny Ranon'i Môrmôna!

**1** Môsià 21:14–16, 32–35
**2** Môsià 22:2, 10–16
**3** Môsià 24:8, 10–14
**4** Môsià 27:8, 11, 18–24
**5** Môsià 27:30–37
**6** Môsià 28:3, 5–15, 20
**7** Almà 8:11–16, 18–27
**8** Almà 11:38–46






## Ny Ranon'i Môrmôna

Niafina an'i Noà Mpanjaka ratsy fanahy teo akaikin'ny toerana milamina antsoina hoe Ranon'i Môrmôna i Almà. Olona maro no tonga mba hihaino an'i Almà nampianatra ny filazantsara. Naniry ny hatao batisa izy ireo. Rehefa nanao batisa azy ireo i Almà dia nanome ireo fampanantenana, na nanao ireo fanekempihavanana izay ataontsika rehefa atao batisa ny olona. Afaka mamaky bebe kokoa mikasika ireo fampanantenana ireo ianao ao amin'ny pejy manaraka. ■

SARY NATAON'I JARED BECKSTRAND; *NY FIOVAMPON'I ALMÀ*, NATAON'I ARNOLD FRIBERG

Afaka mahazo tahadika maromaro atao printy ianao ao amin'ny liahona.lds.org

# Nanao batisa olona maro i Almà




Mpaminany i Abinadia. Nampianatra ny olona hino an'i Jesoa izy ary hitsahatra tsy hanao zavatra ratsy. Tezitra tamin'i Abinadia ny mpanjaka iray ratsy fanahy nantsoina hoe Nôà. Tsy te hibebaka i Nôà.




Nino an'i Abinadia ny lehilahy iray nantsoina hoe Almà. Nitsoaka izy dia niafina ilay mpanjaka tezitra. Nahatsapa alahelo izy noho ny nanaovany zavatra ratsy, dia nibebaka, tahaka izay nampianarin'i Abinadia azy.

SARY NATAON'I APRYL STOTT



Maro ireo olona tonga nihaino an'i Almà nampianatra momba an'i Jesoa Kristy. Nampianatra i Almà fa raha mibebaka izy ireo ka manaraka an'i Jesoa dia ho azo atao batisa.

Nitehaka tamim-pifaliana ny olona. Nampanantena izy ireo fa hampahery ny hafa. Nampanantena izy ireo ny hitia an'Andriamanitra sy hiresaka momba Azy amin'ny olona hafa. Vonona ny hatao batisa izy ireo.





Nataon'i Almà batisa tsirairay ny olona. Faly tokoa izy ireo fa lasa mpikambana tao amin'ny Fiangonan'i Jesoa.

Rehefa atao batisa isika dia manao ireo fampanantenana nataon'ireo vahoakan'i Almà. Dia lasa mpikambana ao amin'ny Fiangonan'i Jesoa koa isika! ■

*Nalaina tao amin'ny Môsià 16–18.*

# Andro iray miavaka ny Sabata



SARY NATAON'I APRYL STOTT



**Nosoratan'ny Filoha George Q. Cannon**
Mpanolotsaina Voalohany ao amin'ny Fiadidiana Voalohany

# MIKATSAKA IREO FANOMEZAM-PAHASOAVAN'NY FANAHY

*Firy aminareo no mikatsaka ireo fanomezam-pahasoavana izay nampanan-tenain'Andriamanitra fa homeny ireo?*

Ny lehilahy sy vehivavy rehetra ao amin'ny Fiangonan'i Kristy dia afaka mahazo ireo fanomezam-pahasoavan'ny Fanahin'Andriamanitra izay zaraina amin'izy ireo araka ny finoany sy araka ny sitrapon'Andriamanitra. . . .

Firy aminareo . . . no mikatsaka ireo fanomezam-pahasoavana izay nampanantenain'Andriamanitra fa homeny ireo? Firy aminareo, rehefa miondrika eo anatrehan'ny Rainareo any an-danitra miaraka amin'ny fianakavianareo ianareo na any amin'ny toerana mitokana anareo manokana, no mangataka ireo fanomezam-pahasoavana ireo mba homena anareo? Firy aminareo no mangataka amin'ny Ray, amin'ny anaran'i Jesoa, mba haneho ny tenany aminareo amin'ny alalan'ireo hery sy fanomezam-pahasoavana ireo? Sa ve ianareo miaina isan'andro isan'andro fotsiny toy ny varavarana mihodinkodina amin'ny saviliny, ka tsy mahatsapa na inona na inona momba izany lohahevitra izany, sy tsy mampihatra izay mba mety ho finoana ananana fa mionona fotsiny hoe vita batisa sy mpikamban'ny Fiangonana dia mijanona eo, ka mieritreritra hoe efa azo antoka ny famonjena anareo satria nanao izany ianareo? . . .



. . . Fantatro fa vonona ny hanasitrana ny marary Andriamanitra ary vonona ny hanome ny fanomezam-pahasoavana mba hamantatra ireo fanahy, ny fanomezam-pahasoavana mba ho hendry sy hanam-pahalalana ary mba haminany, ary ireo fanomezam-pahasoavana hafa izay mety ilaina Izy. Raha misy manana tsy fahalavorariana amintsika dia andraikitsika ny mivavaka mba hahazo izay fanomezam-pahasoavana hahatonga antsika ho tonga lafatra. Moa ve aho manana tsy fahalavorariana? Tena feno azy ireny aho. Inona no andraikitro? Mivavaka amin'Andriamanitra mba homeny fanomezam-pahasoavana izay hanitsy ireo tsy fahalavorariako ireo. Raha toa aho ka olona mora tezitra dia andraikitro ny mivavaka mba hanana fitiavana izay mahari-po sady mora fanahy. Moa ve aho mpitsiriritra? Andraikitro ny mikatsaka ny fitiavana izay tsy mitsiriritra. Dia torak'izany no atao ho an'ireo fanomezam-pahasoavan'ny filazantsara rehetra. Natao ho amin'izany tanjona izany izy ireo. Tsy misy olona afaka miteny hoe, "Tsy vitako ny mifehy tena tsy manao izany satria efa toetra voajanahary ato amiko izany." Tsy manana ny rariny izy raha mikasika izany ka izay no antony nampanantenain'Andriamanitra fa hanome hery Izy hanitsiana ireny zavatra ireny ary hanome fanomezam-pahasoavana izy hanesorana ireny zavatra ireny. Raha misy olona tsy manam-pahendrena, dia andraikiny ny mangataka fahendrena amin'Andriamanitra. Mitovy amin'izany ny zavatra hafa rehetra. Izany no lamin'Andriamanitra mahakasika ny Fiangonany. Tiany ny Olomasiny mba ho lavorary ao anatin'ny fahamarinana. Noho izany antony izany no hanomezany an'ireo fanomezam-pahasoavana ireo sy handrotsahany izany eo amin'izay mikatsaka izany mba hahatonga azy ireo ho olona lavorary eto ambonin'ny tany, na inona na inona ireo fahalemeny maro, satria nampanantena Andriamanitra fa hanome fanomezam-pahasoavana izay ilaina ho an'ny fahalavorarian'izy ireo. ■

*Avy amin'ny* The Latter-day Saints Millennial Star, *23 apr. 1894, 258–61; nohavaozina ny sorabaventy sy ny mari-tsoratra.*

SARY © ISTOCK/THINKSTOCK

# HEVI-BAOVAO MANAITRA



**Amin'ny fomba ahoana no hitomboan'ny finoana amin'ny fahazazana ho lasa fahalalana sy fijoroana ho vavolombelona?**

"Tsy tsaroako izany hoe tsy nino ny Ray any An-danitra sy i Jesoa Kristy izany. Tiako Izy ireo hatramin'ny fotoana nipetrahako teo am-pofoan'ilay reniko anjely toetra izay namaky ny soratra masina sy ireo tantara momba ny filazantsara tamiko. Izany finoana tany am-boalohany izany dia nitombo ho fahalalana sy tenivavolombelona momba ny Ray any An-danitra, izay mihaino sy mamaly ny vavaka ataontsika ankehitriny."

**Loholona Ronald A. Rasband** ao amin'ny Kôlejin'ny Apôstôly Roambinifolo, "Endrey mahagaga ahy," *Liahona,* nôv. 2015, 90.

# Hita ato amin'ity Laharana ity koa

## HO AN'NY TANORA



### Mahafantatra ny fitaka ataon'i Satana

p. 44

Ity misy fomba iray manan-danja hilazana ny maha-samy hafa ny laingan'i Satana sy ireo fahamarinana avy amin'ny Mpamonjy.

## HO AN'NY ZATOVO

p. 60

### NA DIA SARO-KENATRA AZA IANAO

Efa nahatsapa ho saro-kenatra loatra na natahotra ve ianao mba hizara ny filazantsara? Ireto misy sosokevitra telo:



## HO AN'NY ANKIZY



### Manaraka ny Mpaminany sy ny Apôstôly

p. 72

Inona ny zavatra iray azonao atao amin'ity herinandro ity mba hanarahana ny mpaminany, dia ny Filoha Thomas S. Monson?

MALAGASY
4 02132 84654 7

NY FIANGONAN' I
JESOA KRISTY
HO AN' NY OLOMASIN' NY
ANDRO FARANY